

الإِسْلَامُ رِسَالَتُنَا

NY ISLAM NO FINOANAY



Nosoratan'ny Sheikh Salim Manrouf
(Volana Rajab 1440H/2019)



الإِسْلَامُ رِسَالَتُنَا
Ny islam no finoanay

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ
الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ، وَالصَّلَاةُ وَالسَّلَامُ عَلَى سَيِّدِنَا مُحَمَّدٍ وَإِلِهِ الطُّبْيِينِ الطَّاهِرِينَ.

Teny fampidirana

Ny islam dia finoana ara-saina sy ara-panahy, finoana izay mitaona ny olona mba hijoro amin'ny fanatanterahana ny asa soa sy amin'ny fanalavirana ny asa ratsy.

Ny finoana islam dia finoana izay mandala ny fifankatiavana sy ny firaisankina ary ny fifanajana; finoana izay manome ny rariny sy ny zo ary ny fanavotana ho an'ny voatsindrihazolena.

Ny finoana islam dia finoana izay miantso sy mibaiko amin'ny fampiharana ny fahamarinana sy ny toetra mendrika toy ny fifandraisana amin'ny havana, ny fanaovan-tsoa amin'ny ray aman-dreny, ny fanajana ny toky nifanomezana, ny fahadioavana sy fahamaotina, ny fiaretana sy fandefarana, ny fanambanian-tena, ny fahalalahan-tanana ary ny hatsaran-toetra hafa tsy voatanisa. Arak'izany, ny finoana islam dia mandrara amin'ny fanaovana haratsian-toetra toy ny fisotroana toaka, ny fanagejana, ny fifosana na fitateran-dresaka, ny famitahana na fisolokiana, ny kolikoly sy ny fitiavan-tena, ny fijangajangana, ny fialonana, ny fanambonian-tena ary ny toetra ratsy hafa tsy voatanisa.

Hoy indrindra i Allah Ilay Tsitoha nilaza hoe :

"إِنَّ اللَّهَ يَأْمُرُ بِالْعَدْلِ وَالْإِحْسَانِ وَإِيتَاءِ ذِي الْقُرْبَىٰ وَيَنْهَىٰ عَنِ الْفَحْشَاءِ وَالْمُنْكَرِ وَالْبَغْيِ يَعِظُكُمْ لَعَلَّكُمْ تَذَكَّرُونَ".

“Hamafisina fa i Allah dia mibaiko amin'ny fanaovana ny rariny, fanaovan-tsoa, ary ny fanampiana ireo havana akaiky ary mandrara ny haratsiana, ny asa tsy mendrika, ary ny fikomiana; mananatra anareo Izy, mba hahatsiarovanareo tena”¹.

Midika izany fa amin'ny alalan'ny finoana an'i Allah no ahafahan'ny olombelona hanatsara ireo toetrany sy hanana ny fahambonian'ny fanahy ary hihataka amin'ireo toetra ratsy ka hahatonga ny olona hiaina amin'ny voninahitra sy fanajana.

¹ Souratoun-nahl :90

الأحكام الشرعية

Ireo lalàna ara-pinoana

Mizara dimy ireo lalàna ara-pinoana islamika:

- Al-wàdjib الوَاجِبُ : ny tsy maintsy atao.
- Al-moustahab المُسْتَحَبُّ : ny tsara atao.
- Al-haràm الْحَرَامُ : ny voarara, tsy azo atao.
- Al-makrouh الْمَكْرُوهُ : ny tsy tsara atao.
- Al-moubàh الْمُبَاحُ : ny falalahana.

Ny fihetsika rehetra izay ataon'ny olona iharan'ny didy, dia tsy maintsy mifanandrify amin'ny iray amin'ireo lalàna ara-pinoana islamika miisa dimy voalaza teo ireo.

Inona no atao hoe wàdjib?

Ny wàdjib dia ny fihetsika izay ahazoan'ny olona fahasoavana ny fanaovana azy, raha toa ka miaraka amin'ny fikasana mba hanatanteraka ny didin'i Allah, ary ny tsy fanaovana azy dia ahazoana sazy, toy ny swalàt, ny swaom, ny hadj, ny zakàt, ny fanaovana ny tsara amin'ireo ray aman-dreny, ...sns.

Inona no atao hoe moustahab?

Ny moustahab dia ny fihetsika izay ahazoan'ny olona fahasoavana ny fanaovana azy, raha toa ka miaraka amin'ny fikasana mba hanakaiky an'i Allah, saingy tsy ahazoana sazy ny tsy fanaovana azy, toy ny fanaovana adhàn, na iqàmah, ny qounoute amin'ny swalàt, ...sns.

Inona no atao hoe haràm?

Ny haràm dia ny fihetsika izay ahazoan'ny olona sazy ny fanaovana azy, ary ahazoana fahasoavana ny tsy fanaovana azy raha toa ka miaraka amin'ny fikasana mba hanakaiky an'i Allah, toy ny lainga, ny halatra, ny filokana, ny fampijaliana, ny fijangajangana, ny fihinanana henan-kisoa, ny biby maty ho azy, ...sns.

Inona no atao hoe makrouh?

Ny makrouh dia ny fihetsika izay ahazoan'ny olona fahasoavana ny tsy fanaovana azy raha toa ka miaraka amin'ny fikasana mba hanakaiky an'i Allah, fa tsy ahazoana sazy kosa ny amin'ny fanaovana azy, toy ny torimaso eo anelanelan'ny mangirandratsy sy ny fiposahan'ny masoandro, ny fanapahana ny hoho amin'ny nify, ny fihinanana ao anatin'ny djanàbah, ...sns.

Inona no atao hoe moubàh?

Ny moubàh dia ny fihetsika izay tsy ahazoan'ny olona sazy na fahasoavana ny fanaovana na ny tsy fanaovana azy, toy ny fihinanana, ny fisotroana, ny torimaso mba hahazoana fahafinaretana, ...sns.

Eny, i Allah dia manamafy ny fanekeny sy ny fankasitrahany ny finoana islam arak'ily teniny manao hoe:

"إِنَّ الدِّينَ عِنْدَ اللَّهِ الْإِسْلَامُ".

“Hamafisina fa ny finoana marina eo anatrehan'i Allah dia ny finoana islam”¹.

Fanontaniana vitsivitsy sy ny valiny

Moa ve ianao manana finoana arahinao?

- Eny, manana ny finoana arahiko aho.

Inona no anaran'ily finoana izay arahinao?

- Ny finoana izay arahiko dia ny islam

Inona no atao hoe finoana islam?

- Ny finoana islam dia ny fanekena fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allah Tokana ihany ary i Mouhammad dia Mpanompony sy Irany, izany hoe ny finoana islam dia ilay fijoroana vavolombelona amin'ny alalan'ny fitenenana manao hoe “ach'hadou an-là-ilâha ill'Allah, wah'dâhou là charîka lahou, wa ach'hadou anna Mouhammadane

¹ Al-Imràn :19.

anbdouhou wa rasoulouhou”, no sady fampiharana ihany koa ireo lalàna avy tamin’i Allah, izay nentin’ny Mpaminany Mouhammad (s.a.w).

Inona no famaritana mikasika ny lalàna islamika amin’ny ankapobeny?

- Ny lalàna islamika dia ireo lalàna izay mahafono ny zava-drehetra ilain’olombelona eo amin’ny fiainany andavan’andro011, amin’ny toerana sy amin’ny fotoana rehetra, koa misy fizarana roa ireo lalàna ireo:

1- الْأَحْكَامُ الْإِعْتِقَادِيَّةُ “al-ahkàm al-i’entiqàdiyah” na ireo lalàna arapinoana

2- الْأَحْكَامُ الْعَمَلِيَّةُ “al-ahkàm al-anmaliyah” na ireo lalàna arak’asa.

أُصُولُ الدِّينِ

Ireo foto-pinoana

-Inona no atao hoe الْأَحْكَامُ الْإِعْتِقَادِيَّةُ al-ahkàm al-i’entiqàdiyah?

Ny atao hoe الْأَحْكَامُ الْإِعْتِقَادِيَّةُ ahkàm i’entiqàdiyah dia ireo lalàna mikasika ny أُصُولُ الدِّينِ “oussouloud-dïne” na ireo foto-pinoana.

-Inona no atao hoe الْأَحْكَامُ الْعَمَلِيَّةُ al-ahkàm al-anmaliyah?

Ny atao hoe ahkàm anmaliyah dia ireo lalàna mikasika ny “fourou’ond-dïne” فُرُوعُ الدِّينِ na ireo sampam-pinoana.

-Inona no atao hoe أُصُولُ الدِّينِ oussouloud-dïne ?

Ny atao hoe oussouloud-dïne dia ireo foto-pinoana izay antery amin’ny olombelona iharan’ny didy ny mino azy ara-tsaina sy ny mino azy ara-panahy, ary amin’ny alalan’izy ireo no mahatonga ny olona ho mpino.

-Miisa firy ireo oussouloud-dïne?

Ireo oussouloud-dïne dia miisa dimy.

-Fantatrao avokoa ve izy ireo?

Eny, fantatro avokoa izy ireo.

-Tanisao avy àry izy ireo?

Ireto avy izy ireo: الَّتَوْحِيدُ al-tauhid, الْعَدْلُ al-and’le, النُّبُوَّةُ al-noubouwah, الِإِمَامَةُ al-imamah, الْمَعَادُ al-maànde.

-Inona no dikan'ireo oussouloud-dïne ireo tsotsotra?

Toy izao ny dikan'izy ireo tsotsotra:

Al-taouhïd التَّوْحِيدُ dia ny fahatokanan'i Allah.

Al-and'le الْعَدْلُ dia ny fahamarinan'i Allah.

Al-noubouwah النَّبُوَّةُ dia ny faminaniana avy amin'i Allah.

Al-imàmah الْإِمَامَةُ dia ny fitarihana avy amin'i Allah.

Al-maànde الْمَعَادُ dia ny fiverenana any amin'i Allah aorian'ny fahafatesana.

-Koa inona àry no atao hoe ny fahatokanan'i Allah na at-taouhïd?

Ny atao hoe at-taouhïd dia ny fanekena ny fisian'i Allah Tokana tsy manam-paharoa.

Porofon'ny sasantsasany mikasika ny fisian'i Allah:

Anisan'ny porofon'ny sasantsasany mikasika ny fisian'i Allah dia ny fisian'ny filaminana izay hita amin'izao tontolo izao izay manambara fa nisy marina ny nandamina sy nampisy izany filaminana izany. Hamafisina fa ny saina mandinika no mitsara amin'ny alalan'ny zavatra hita fa misy tokoa ny Mpandrindra sy Mpandamina an'izao tontolo lehibe sy mahagaga izao; izay tsy iza moa izany fa i Allah.

Porofon'ny sasantsasany mikasika ny mahatokana an'i Allah:

Maro tokoa ireo porofon'ny sasantsasany mikasika ny mahatokana an'i Allah fa vitsivitsy ihany no hambara eto:

1- Raha manam-paharoa i Allah, ny iray amin'izy roa dia samy tsy hifampiantehitra, ka amin'izay fotoana izay, ny fisian'ilay faharoa dia tsy ahitan-tombontsoa, na koa ny iray amin'izy roa dia tsy maintsy hiantehitra na hiankina amin'iray, ka amin'izay fotoana izay, dia tsy mendrika ny maha-Andriamanitra azy ilay miankina, satria Andriamanitra marina dia tsy miantehitra na miankina na amin'iza na iza, koa ny fianteherana dia midika ho fahabangana, kanefa Ilay Andriamanitra izay hinoantsika mpino silamo dia Andriamanitra madio sy lavitra amin'ny fahabangana rehetra.

2- Raha manam-paharoa i Allah dia tokony nandefa iraka ihany koa ilay faharoa, koa rehefa tsy misy izany, dia mazava ho azy fa tsy manam-paharoa tokoa Izy.

3- Raha manam-paharoa i Allah, dia tokony hisy fikorontanana eo amin'izao tontolo izao satria ny iray ohatra handidy ny masoandro mba hiposaka avy any atsinanana ary ny iray handidy ny hiposahany avy any andrefana..., nefa iaraha-mahita hatrany hatrany ny filaminan'izao tontolo izao izay manambara fa Andriamanitra iray ihany no mandrindra izany.

Hoy indrindra Izy manao hoe:

"لَوْ كَانَ فِيهِمَا آلِهَةٌ إِلَّا اللَّهُ لَفَسَدَتَا".

“Raha toa ka nisy Tompo hafa ankoatr’i Allah, tany an-danitra sy tety an-tany dia nikorontana izy roa ireo”¹.

4- Ny mpaminany rehetra izay nandalo teto ambonin’ny tany dia samy nanambara avokoa tamin’ny olona fa tokana tsy manam-paharoa i Allah, ary izy ireo (a.s) dia olo-marina.

-Inona no atao hoe i Allah dia Mpanao ny rariny na Andil?

Ny tiana holazaina amin’izany dia finoana fa i Allah dia lavitra amin’ny fanaovana ny tsy rariny, toy ny fanagejana na ny fibaikoana amin’ny zavatra tsy zaka, na ny fibaikoana mba hamela ny fijoroana amin’ny fahamarinana, indrindra amin’ny fitakiana ny “haqq” na zon’ny voageja manoloana ny mpanageja.

Hoy indrindra Izy Allah hoe:

" إِنَّ اللَّهَ لَا يَظْلِمُ النَّاسَ شَيْئًا وَلَكِنَّ النَّاسَ أَنفُسَهُمْ يَظْلِمُونَ "

“Marina tokoa fa i Allah dia tsy miangatra amin’ny olona, fa ny olona ihany no manao ny tsy rariny amin’ny tenany”².

¹ Souratoul-An’mbiyàe :22

² Sourat Younouss :44

Ary mbola niteny ihany koa Izy manao hoe:

"وَمَا أَنَا بِظَلَامٍ لِلْعَبِيدِ".

Dikany: “Ary Izaho dia tsy manao tsindrihazolena amin’ireo mpanompo”¹.

-Inona no atao hoe an-noubouwah na faminaniana avy amin’i Allah?

Ny atao hoe “an-noubouwah” dia finoana fa i Allah Ilay Avo Indrindra no nandefa ireo Mpaminany sy Iraka, mba hampianatra ny olombelona ireo didin’i Allah sy ny fandrany ary koa ny lalàny. Ny voalohany amin’izy ireo dia i Adam (a.s) ary ny farany amin’ireo Mpaminany sy ireo Irak’i Allah dia ilay Mpaminanin’ny islam, izay antsoina hoe Mouhammad Ibn Abdillah (s.a.w), nampitondraina ny boky masina Qour’an.

-Iza avy ireo Mpaminany tena be voninahitra?

Ireo antsoina hoe أولو العزم “ouloul-anzim” no tena be voninahitra amin’ireo Mpaminany.

Miisa firy ireo ouloul-anzim ary iza avy izy ireo?

Izy ireo dia miisa dimy ka ireto avy izy ireo:

Nouh, i Ibrahim, i Moussa, i Inssa, ary i Mouhammad (ny fitahian’i Allah anie ho Azy rehetra). Izy ireo dia nalefa ho an’ny olombelona rehetra tamin’ny vanim-potoan’Izy ireo; ny finoana nentin’Izy ireo tsirairay dia mamafa ny finoana nentin’izay teo alohany, araka ny voalazan’ny ankamaroan’ireo manam-pahaizana. Fa ny tena be voninahitra amin’Izy dimy ireo dia ny Mpaminany Mouhammad (s.a.w), Izy no tena lehibe indrindra no sady farany tamin’Izy ireo, ka tsy misy Mpaminany intsony avy aoriany. Ny finoana nentiny dia feno sy lavorary ka mamafa ny finoana rehetra teo alohany ary hitohy hatramin’ny andro farany araka ny sitrapon’i Allah.

¹ Sourat Quaf :29.

-Inona no atao hoe al-imàmah na ny fitarihana avy amin'i Allah?

Ny atao hoe “al-imàmah” dia finoana fa i Allah dia nanendry solontena na filoha taorian'ilay Mpaminany farany Mouhammad (s.a.w), mba handimby ny asany mikasika ny raharahan'ny vahoaka, sy hijoro amin'ny fiarovana ny lalàm-pinoana mba tsy iharan'ny fanovana, ka izany solontena izany no antsoina hoe “Imam”, na “Khalifa”.

Miisa firy ireo Imàm ary iza avy Izy ireo?

Miisa 12 ireo Imàm taorian'ilay Mpaminany farany (s.a.w) ka ireto avy ny anaran'Izy ireo:

عَلِيُّ بْنُ أَبِي طَالِبٍ (ع)

Ali Ibn Abi Twàlib (a.s)

أَلْحَسَنُ بْنُ عَلِيٍّ (ع)

Al-Hassan Ibn Ali (a.s)

أَلْحُسَيْنُ بْنُ عَلِيٍّ (ع)

Al-Houssein Ibn Ali (a.s)

عَلِيُّ بْنُ الْحُسَيْنِ (ع)

Ali Ibn Al-Houssein (a.s)

مُحَمَّدُ بْنُ عَلِيٍّ (ع)

Mouhammad Ibn Ali (a.s)

جَعْفَرُ بْنُ مُحَمَّدٍ (ع)

Djaen'far Ibn Mouhammad (a.s)

مُوسَى بْنُ جَعْفَرٍ (ع)

Moussa Ibn Djaen'far (a.s)

عَلِيُّ بْنُ مُوسَى (ع)

Ali Ibn Moussa (a.s)

مُحَمَّدُ بْنُ عَلِيٍّ (ع)

Mouhammad Ibn Ali (a.s)

عَلِيُّ بْنُ مُحَمَّدٍ (ع)

Ali Ibn Mouhammad (a.s)

أَلْحَسَنُ بْنُ عَلِيٍّ (ع)

Al-Hassan Ibn Ali (a.s)

أَلْمَهْدِيُّ مُحَمَّدُ بْنُ الْحَسَنِ (ع)

Al-Mahdi Mouhammad Ibn Al-Hassan (a.s)

Hamafisina fa ny Imàm Al-Mahdi (عَجَّلَ اللهُ تَعَالَى فَرَجَهُ) dia mbola velona miaraka amintsika fa tsy miseho miharihary. Rehefa tonga ny baikon'i Allah dia hivoaka Izy amin'ny fotoana farany mba hameno ny fahamarinana eto an-tany aorian'ny fahafenoany tsindrihazolena.

Izy ireo no Mpitarika marina sy Mpandimby ara-dalàna ny asan'ily Mpaminany (s.a.w), na manaiky izany ny vahoaka na tsia. Ary izany indrindra no tian'ny Mpaminany (s.a.w) hambara amin'ily teniny manao hoe:

"الْحَسَنُ وَ الْحُسَيْنُ إِمَامَانِ قَامَا أَوْ قَعَدَا".

“Hassan sy i Houssein dia Mpitarika anankiroa, na mitsangana Izy ireo na mipetraka”.

Izany hoe, na avelan'ny vahoaka hitondra Izy ireo na tsia dia mipetraka amin'Izy ireo hatrany ny maha-Mpitarika Azy ireo. Miverena amin'ily boky malaza antsoina hoe: "الإِمَامَةُ وَالسِّيَاسَةُ" izay nosoratin'ily manam-pahaizana sounnat antsoina hoe إِبْنُ قُوتَيْبَةَ Ibn Qoutaïbah.

Ny porofon'ny maha-Imàm Azy ireo

Betsaka tokoa ny porofon'ny maha-Mpitarika Azy ireo fa iray ihany, ankoatra izay efa hita tany aloha no holazaina eto, dia ny tenin'ily Mpaminany (s.a.w) tamin'ny zafiny faharoa ny Imam Al-Houssein (a.s) nanao hoe:

"إِنَّ ابْنِي هَذَا إِمَامٌ، ابْنُ إِمَامٍ، أَخُو إِمَامٍ، أَبُو أَيْمَّةٍ تِسْعَةٍ".

“Marina dia marina fa ity zanako ity dia Mpitarika, zanaka Mpitarika, rahalahin'ny Mpitarika, ary rain'ireo Mpitarika anankisivy”.

Voalazan'ireo manam-pahaizana fa ireo Imam ireo no olombelona tsara indrindra isaky ny vanim-potoana niainan'ny tsirairay. Izy ireo no tena manam-pahaizana izay tsy mpakafy ny fiainan'izao tontolo izao ary koa mpanompo marina sady tsara toetra indrindra izay mahatonga Azy ireo manana fahamendrehana ho Mpitarika ny hafa, satria ny saina madio dia mahatsapa fa tsy lojika raha ny kely hatsarana na kely voninahitra no mitarika sy mialohan'ny be hatsarana sy ny be voninahitra.

Inona no atao hoe “al-màande” na ny fiverenana any amin'i Allah aorian'ny fahafatesana?

Ny atao hoe “al-maànde” dia finoana fa i Allah dia hamerina indray ny vatan’olombelona ho velona, ary hanangana azy ireo avy ao am-pasana, mba hotsaraina amin’ny asa rehetra izay nataony tety an-tany na tsara izany na ratsy, avy eo mampiditra ny mpankato Azy ao amin’ny paradisa, fa ny mpitsipaka kosa dia ho any amin’ny afobe. Izany andro izany no antsoin’ny Qour’an hoe: andron’ny fitsanganana na ny “yaoumoul-qiyàmah يَوْمُ الْقِيَامَةِ. Koa amin’io andro io no hamerenan’i Allah ny zon’ny voageja izay nalain’ireo mpanageja ankeriny.

Izany andro izany no efa nolazain’i Allah arak’ireo andininy maromaro ao amin’ny Qour’an manao hoe:

"وَأَنَّ السَّاعَةَ آتِيَةٌ لَّارَيْبٍ فِيهَا وَأَنَّ اللَّهَ يَبْعَثُ مَنْ فِي الْقُبُورِ".

“Fa ho avy tokoa ilay ora, tsy misy isalasalana ny amin’izany, ary i Allah dia hampisangana ny maty izay rehetra any am-pasana”¹.

"قَالَ مَنْ يُحْيِي الْعِظَامَ وَهِيَ رَمِيمٌ قُلْ يُحْيِيهَا الَّذِي أَنْشَأَهَا أَوَّلَ مَرَّةٍ".

“Hoy izy: iza no hanome aina indray ireo taolana rehefa lasa vovoka. Lazao hoe: Ilay Nahary azy ireo tamin’ny voalohany no hanome azy ireo aina indray”².

"كَمَا بَدَأَكُمْ تَعُودُونَ".

“Tahaka ny nahariany anareo no hiverenanareo”³.

فُرُوعُ الدِّينِ

Ireo sampam-pinoana

Ireo “fourou’ond-dîne” na sampam-pinoana dia ireo adidy izay wàdjib amin’ny olona iharan’ny didy ny manatanteraka izany manoloana ireo mpiara-belona aminy sy Ilay Mpahary.

¹ Souratoul-hadj :7.

² Sourat Yassin :78-79.

³ Souratoul-an’ràf : 29.

Fahasamihafan'ny ousouloud-dīne sy ny fourou'ond-dīne

Ny mahasamihafa azy roa ireo, ny ousouloud-dīne dia finoana izay tsy maintsy inoana amin'ny alalan'ny “dalīl” دَلِيلٌ na porofo, fa tsy amin'ny alalan'ny “taqlīd” تَقْلِيدٌ na ny fanarahana olona. Ny fourou'ond-dīne kosa dia sampam-pinoana izay tanterahina amin'ny alalan'ny taqlīd na fanarahana ny manam-pahaizana na “moudjetahed” izay “àndil”. Noho izany, ny olona iharan'ny didy dia wadjib aminy ny manatanteraka ny asa rehetra izay ataony fa amin'ny alalan'ny fanarahana ny tenin'io manan-pahaizana mpanao ny rariny io.

Inona no atao hoe taqlid?

Ny atao hoe “taqlīd” dia fanarahana na fanaovana asa miankina amin'ny hevitra ny manam-pahaizana moudjetahid izay àndil.

Ny manam-pahaizana izay mendrika hanaovana taqlīd

Ny manam-pahaizana izay mendrika harahintsika na hanaovantsika “taqlīd” dia takiana mba ho lehilahy ampy taona sy vory saina, mpino sy moudjetahid àndil ary mbola velona. Noho izany, tsy azon'ny olona atao ny manomboka ny “taqlīd” amin'ny olona efa maty.

Voaray avy amin'ilay Imàm farany ny hadith milaza manao hoe:

”مَنْ كَانَ مِنَ الْفُقَهَاءِ صَانِنًا لِنَفْسِهِ حَافِظًا لِدِينِهِ مُخَالَفًا لِهَوَاهُ مُطِيعًا لِأَمْرِ
مَوْلَاهُ فَلِلْعَوَامِّ أَنْ يُفَلِّدُوهُ”.

“Raha misy amin'ireo manam-pahaizana izay manaja tena sy mpiaro ny finoany, manohitra ny fanirian-dratsiny, mankato ny baikon'i Allah, dia wadjib amin'ireo olon-tsotra ny fanarahana azy”.

Miverena amin'ilay boky antsoina hoe “tahrīr al-wasīla izay nosoratin'ny al-imam Al-khomeīni (tso-dranon'Allah anie ho azy), p. 05”.

Maninona ny manam-pahaizana no tsy maintsy hiverenana

Tsy maintsy ilaina ny fiverenana amin'ny manam-pahaizana, satria tsy ny silamo rehetra no mahalala sy mahafantatra ireo lalànan'i Allah amin'ireo العبادات و المعاملت “al-inbadàte wal-mouàn'malàte” izany hoe ireo asa fanompoana sy fifampiraharaha. Fa izay manana traik'efa amin'ireo manam-pahaizana no mahay izany, ireo ihany no afaka manatsoaka izany lalàna izany avy amin'ny Quor'an sy ny hadith. Koa noho izany, ny fiverenantsika amin'ily manam-pahaizana moudjtahed mpanao ny rariny dia sahala amin'ny fiverenan'ny marary amin'ny mpitsabo mahay.

Miisa firy ny fourou'ond-dïne?

Ny “fourou'ond-dïne” dia manana fizarana efatra:

1-Ireo fanompoana toy ny swalàt ...sns.

2-Ireo asa sy fihetsika fifampiraharaha toy ny famarotana sy ny fividianana, ary koa ny zavatra rehetra mandrafitra ny varotra.

3-Ireo trangan-javatra fifampiraharaha toy ny fanambadiana, ny twalàq ...sns.

4-Ireo “ahkàm” na lalàna toy ny vidin-drà latsaka, ny fifandovàna, ny “waq'f” izany hoe zavatra izay napetraky ny tompony mba ahazoan'ny be sy ny maro tombontsoa amin'ny alalan'ny fanakaikhezana an'i Allah toy ny fananganana masjid, paompin-drano, ...sns.

Ireo lalànan'ny islam izay mifehy ny olona iharan'ny didy dia voafono ao anatin'ireo fizarana efatra ireo.

Tiana ny mampahatsiahy fa ny tanjona amin'ny asa fanompoana na “ibàdàte” dia ny mba hanakaiky an'i Allah. Koa noho izany, tsy aradalàna ny fanaovana ireo asa ireo raha tsy miaraka amin'ny fikasana, ary misy fizarana telo izy ireo:

a- Ny fanompoana amin'ny ara-batana, toy ny swalàt, ny saomo ...sns.

b- Ny fanompoana amin'ny alalan'ny harena fotsiny, toy ny zakàt, ny khoums, ny kaffàrah ...sns.

d- Ny fanompoana amin'ny ara-batana miaraka amin'ny harena, toy ny hadj sy ny djihad.

Tiana ihany koa ny mampahatsiahy fa indraindray ny tanjona dia fifampiraharaha eo amin'ny samy olombelona ka ny fanatanterahana izany dia ilaina mba ho eo amin'ny andaniny sy ny ankilany, ohatra amin'ny fifamatorana ara-barotra sy ara- mpanambadiana. Fa indraindray takiana amin'ny andaniny iray fotsiny, toy ny fanomezana twalàq ...sns, ary izany no antsoin'ireo manam-pahaizana amin'ny fiqh hoe الإيقاعاتُ na “al-ïqaànte”. Ary misy ihany koa ny asa fifampiraharaha izay miverina amin'ny tena tompony, ohatra ny fihinanana sy ny fisotroana ...sns, ary ankoatr'izany dia ireo fihetsika na asa izay tsy ilàna fitenenana, toy ny fandovàna sy ny vidin-drà latsaka ...sns.

الْعِبَادَاتُ

Ireo asa fanompoana

Ireo “ibàdàte” dia anisan'ny fourou'ond-dïne, ary betsaka izy ireo fa ny tena lehibe dia ireto manaraka ireto:

Ny swalàtُ الصَّلَاةُ na asa fanompoana.

Ny swawmُ الصَّوْمُ na fifehezana.

Ny zakàtُ الزَّكَاةُ na hetra masina.

Ny hadjُ الْحَجُّ na fivahiniana masina.

Ny khoumsُ الْخُمْسُ na ampahadimin'ny tombontsoa.

Ny djihàdُ الْجِهَادُ na ezaka masina.

Ny famporisihana amin'ny asa soa sy fanakanana amin'ny asa ratsy.

Ny fanarahana an'ireo Ahloul-baït (a.s) sy ny fanalavirana amin'ny fahavalon'izy ireo.

Hamafisina fa ny “swalàt” no andrin' ireo fanompoana voatanisa ireo araka ny voalazan'ny “hadith” manao hoe: "الصَّلَاةُ عَمُودُ الدِّينِ" izany hoe "ny swalàt no andrin'ny finoana", ary izy io no mampifandray eo amin'ny mpanompo sy ny Tompony no sady tohatra iakarana mankany Aminy. Koa raha ekena ny swalàt dia ekena avokoa ny fanompoana rehetra ankoatr'azy, fa raha lavina dia lavina avokoa ireo asa hafa rehetra.

Arak'izany, dia tsara manamarika fa raha mamela ny swalàt ny mpanompo iray dia tapaka avy hatrany ny fifandraisana eo aminy sy ny Tompony. Izany moa dia voalaza ao amin'ny hadith avy amin'ireo Ahloul-baït (a.s) manao hoe:

"إِنَّهُ لَيْسَ بَيْنَ الْمُسْلِمِ وَبَيْنَ الْكُفْرِ بِاللَّهِ الْعَظِيمِ إِلَّا تَرَكَ فَرِيضَةً أَوْ فَرِيضَتَيْنِ."
"Marina tokoa fa tsy misy ny manelanelana ny mpino silamo sy ny fitsipahana an'i Allah, afa-tsy ny famelana ny adidy anankiray na roa".

Noho izany, tsy ho lasa silamo marina ny olona raha tsy manatanteraka ny swalàt ara-dalàna, koa wadajib amintsika tsirairay ny mianatra tsara ny fomba fanatanterahana sy ny fananganana azy.

الصَّلَاةُ

Al-swalàt

Amin'izao vanim-potoana iainantsika izao izay nanjavonan'ily Mpitrika masina, ny fivavahana swalàt wadajib dia miisa dimy:

- Ireo swalàt fanao andavan'andro الصَّلَوَاتُ الْيَوْمِيَّةُ
- Ny swalàt vita twawàf صَلَاةُ الطَّوَّافِ
- Ny swalàt nohon'ny famantarana goavana صَلَاةُ الْآيَاتِ
- Ny swalàt atao amin'ny maty صَلَاةُ الْأَمْوَاتِ
- Ny swalàt nohon'ny voady na fikaramana مَا التَّرَمَ بِنَدْرٍ أَوْ إِجَارَةَ

Fa ireo swalàt fanao andavan'andro dia miisa dimy izay manana raka'ante fito ambiny folo, ka ireto avy izy ireo:

- Swalàtous-soubh: raka'ante roa.
- Swalàtoudh-dhouhr: raka'ante efatra.
- Swalàtoul-answr: raka'ante efatra.
- Swalàtoul-magherib: raka'ante telo.
- Swalàtoul-inchà: raka'ante efatra.

شُرُوطُ الصَّلَاةِ

Ireo fepetran'ny swalàt

Ireto zavatra maromaro ireto dia fepetra ilaina mialohan'ny fanatanterahana ny swalàt:

Voalohany: ny fanadiovana amin'ny loto ara-panahy sy ny loto azo tsapain-tànana.

Faharoa: ny fotoana.

Fahatelo: ny qiblah.

Fahefatra: ny fitafiana.

Fahadimy: ny toerana.

Fahenina: ny adhàn sy ny iqàmah.

Ny fepetra voalohany: fanadiovana amin'ny loto ara-panahy

Ny tiana hambara amin'izany dia ny fanaovana ny “woulwou”, na ny “ghousle” na ny fandroana amin'ny “djanàbah” sy ny fadimbolana ...sns, amin'ireo karazana loto ara-panahy lehibe , ary ny fanaovana “tayammoum” ho solon'ny “woulwou” na “ghousle” rehefa tsy misy ny rano. Ary ny tiana hambara amin'ny fanadiovana ny loto azo tsapain-tanana kosa, dia ny fitakiana mba ho “twaharah” ny vatana sy ny lamban'ny mpivavaka. Hoy indrindra i Allah, manao hoe:

"يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا إِذَا قُمْتُمْ إِلَى الصَّلَاةِ فَاغْسِلُوا وُجُوهَكُمْ وَأَيْدِيَكُمْ إِلَى الْمَرَافِقِ، وَامْسَحُوا بِرُءُوسِكُمْ وَأَرْجُلَكُمْ إِلَى الْكَعْبَيْنِ".

“Ry ianareo mpino, raha miomana hivavaka ianareo, dia sasao ny tavanareo sy ny tananareo, hatreny amin'ny kiho, safoy ny lohanareo sy ny tongotrareo, hatreo amin'ny kitro”¹.

Voalaza ao amin'ny hadih masina ny teny manao hoe:

"لَا صَلَاةَ إِلَّا بِطَهْرٍ".

“Tsy ara-dalàna ny swalàt raha tsy amin'ny alalan'ny twaharah”, izany hoe tsy ara-dalàna ny swalàt atao raha tsy nisy ny fidiovana masina.

¹ Souratoul-màidah :6

كَيْفِيَّةُ الْوُضُوءِ

Ny fomba fanaovana woulwou

Raha te hanao “woulwou” nohon’ny swalat’inao, dia ilaina ny manao fikasana mialoha. Ary toy izao no fomba fanaovana azy:

أَتَوَضَّأُ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى.

Dikany: “Izaho dia manao fidiovana masina woulwou mba hanatanteraka ny didin’i Allah Ilay Avo Indrindra.”

Avy eo dia manasa ny felatanana roa in-droa, manomboka eo amin’ny fitohizana’ny felatanana sy ny tanana, tahaka ny hita amin’ilay sary voalohany.

Ary mihomokomoka in-telo sy manasa ny anaty orona, tahaka ny hita amin’ilay sary faha-2.




Sary-1

Fanamarihana: Ny manasa ny felatanana roa, ny mihokomoka, ary ny manasa anaty orona, ireo rehetra ireo dia moustahab fa tsy wadjib.




Sary-2

Avy eo, mampikoriana ny rano amin’ny tarehy ary manomboka manasa azy eo amin’ny faran’ny fanirian’ny volo hatreny amin’ny tendron’ny saoka, miaraka amin’ny manodidina ny tarehy eo anelanelan’ny fivelaran’ny ankihife sy ny fanondro adala, ary wadjib ny fanasana ny mihoatra an’izany fetra izany mba hananana fitokisana fa voasasa marina ny tarehy manontolo, toy ny hita amin’ilay sary faha-3.




Sary-3

Avy eo mampikoriana ny rano amin'ny tònana havanana ary sasana manomboka eo amin'ny kiho hatreny amin'ny lohan'ireo ratsantanana, ary torak'izany koa no atao amin'ny tònana havia, toy ny hita amin'ilay sary faha-4.



Sary-4

Avy eo misafo ny tampon-doha amin'ny felatanana havanana amin'ny alalan'ny hamandoan'ilay woulwou, fa mialohan'izany dia wadjib ny fahamainan'ny loha, toy ny hita amin'ilay sary faha-5.



Sary-5

Avy eo misafo ny vohon-tongotra anankiroa amin'ny felatanana amin'ny alalan'ny hamandoan'ilay woulwou, fa ilaina mba ny felatanana havanana no misafo voalohany ny vohon-tongotra havanana, manomboka eny amin'ny lohan'ireo rantsan-tongotra hatreny amin'ireo kitrokely, izay vao ny felatanana havia no misafo ny vohon-tongotra havia, ary mialohan'izany dia wadjib mba ho maina ihany koa ireo vohon-tongotra ireo, toy ny hita amin'ilay sary faha-6.



Sary-6

Tsara ho marihina fa tsy azo atao amin'ily tana misafo, ny maka rano hafa rehefa vita tanteraka ny woulwou sy alohan'ny fisafoana, ary tsy azo atao ihany koa ny mampidina ilay rano avy amin'ny sandry ho lasa eny amin'ny felatanana, mialoha ny fisafoana, indrindra fa ny mitanty azy, koa aoka mba hitandrina amin'izany!

Arak'izany, ireo wadjib amin'ny fanaovana “woulwou” dia misy efatra:

Voalohany: ny fanasana ny tarehy.

Faharoa: ny fanasana ny tana roa.

Fahatelo: ny fisafoana ny tampon-doha.

Fahafatra: ny fisafoana ny vohon-tongotra anankiroa.

شُرُوطُ الْوُضُوءِ

Ireo fepetran'ny woulwou

Ferana amin'ny fanaovana “woulwou” ireto fepetra manaraka ireto:

1-Ny fahadiovan'ily rano

2-Rano madio tsy mifangaro; fa tsy ara-dalana ny woulwou atao amin'ny rano mifangaro, sahala amin'ny ranom-boankazo.

3-Rano nahazoan-dalana; fa tsy mety ny manao woulwou amin'ny rano nalaina ankeriny.

4-Ny fahadiovan'ireo ratsam-batana hanaovana ny woulwou.

5-Nahazoan-dalana ilay toerana izay hanaovana ny woulwou.

6-Tsy misy olana ny fampiasana ilay rano, toy ny aretina na hetaheta izay atahorana amin'ny tena na atahorana amin'ny zavamanan'aina hafa.

7-Ny fikasana sy ny fitohizany.

8-Ny tena ihany no manao mivantana ilay woulwou eo amin'ny fisasana sy ny fisafoana, fa raha ny olon-kafa no mampanao woulwou, dia simba ilay woulwou, raha tsy hoe amin'ny lafiny tsy azo hialana; koa amin'izay fotoana izay, dia azon'ny olon-kafa atao ny mampanao

woulwou fa saingy ny tena ihany no tompon'andraikitra amin'ny fanaovana fikasana, fa araka ny fitandremana tsara atao dia mila manao fikasana ihany koa ilay mampanao woulwou.

Toy izao ny fikasana ataon'ilay mampanao woulwou:

"أَوْضًا هَذَا الْإِنْسَانَ - مَثَلًا - فُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى"

Dikany: "Izaho dia mampanao woulwou an'ity olona ity - ohatra - mba hanatanteraka ny didin' i Allah Ilay Avo Indrindra".

9- Ny fitohizana, izany hoe mila mifanarakaraka ny fanasana sy ny fisafoana an'ireo ratsam-batana atao woulwou, amin'ny fomba tsy hahatonga ny fahamainan'ny ratsam-batana izay nosasana teo aloha araka ny mahazatra.

10- Ny filaharana, izany hoe, ilaina ny filaminana rehefa manasa ireo ratsam-batana, ka manomboka amin'ny fanasana ny tarehy, avy eo ny tanana havanana, avy eo ny tanana havia, avy eo ny fisafoana ny loha, avy eo ny fisafoana ny tongotra havanana ary farany ny havia. Torak'izany koa, ilàna filaminana eo amin'ny fanasana ireo singan'ny ratsam-batan'ny woulwou tsirairay, araka ny hita teo aloha, koa noho izany, dia ilaina ny fanasana manomboka avy eny ambony midina ambany.

نَوَاقِضُ الْوُضُوءِ

Ireo zavatra manimba ny woulwou

Miisa dimy ireo zavatra manimba ny woulwou:

1-Ny fivoahan'ny pipy

2-Ny fivoahan'ny kaka

3-Ny fivoahan'ny rivotra

4-Ny fahaverezan-tsaina, toy ny hadalana, ny fahatoranana, ny hamamoana.

5-Ny torimaso, izay mamono ny fandrenesana sy ny fahitana.

6-7-Ny fitsihan-drà antonony sy kely ary ny djanàbah, araka ny fahitan'ny As-sayed As-sistani (حفظه الله), fa ny djanàbah dia manimba ny woulwou, na dia ny ghousele no takiana amin'izany.

Fanamarihana: Haràm amin’ny olona izay tsy misy woulwou ny mitsapa ny soratran’ny Qur’an sy ireo anaran’i Allah Ilay Avo Indrindra, fa tsy haràm kosa ny mitazona ireo takelaky ny boky, na koa ny fonony izay tsy misy litera miaraka aminy, araka ny voalazan’ireo manam-pahaizana.

الْتَيْمُّمُ

At-tayammoum

Raha tsy afaka manao woulwou ny olona nohon’ny tsy fisian’ny rano, na noho izy marary, na nohon’ny areti-maso izay mampijaly azy ny fampiasana ilay rano, na nohon’ny filàny amin’ily rano mba hanalana ny hetaheta, na nohon’ny fahateren’ny fotoana fa raha manao woulwou izy dia ho taran’ny fotoanan’ily swalàt, na nohon’ny antony hafa tsy ahafahana mampiasa rano, marina dia marina fa amin’izay fotoana izay dia wadjib aminy ny manao “tayammoum” ho solon’ny “woulwou”.

Amin’ny alalan’inona no hanaovana ny tayammoum?

Ny “tayammoum” dia atao amin’ny alalan’ny tany na vovoka na vato na fasika fa ny tena tsara dia ny vovoka. Raha tsy mahita vovoka, na vato, na fasika, dia afaka manangona vovoka hanaovany “tayammoum” eo aminy, raha toa ka mahavita izany izy. Fa raha tsy mahavita izany izy, dia afaka manao “tayammoum” amin’ny zavatra izay iangonan’ny vovoka, toy ny lamba feno vovoka...sns.

Ferana ny zavatra izay hanaovana “tayammoum” mba ho madio no sady nahazoan-dàlana. Noho izany, dia tsy ara-dalàna ny tayammoum raha natao tamin’ny zavatra voan’ny nadjis, na tamin’ny zavatra nalaina ankeriny, ary torak’izany koa, tsy mety ny tayammoum raha natao eny amin’ny toerana nalaina ankeriny.

كَيْفِيَّةُ التَّيْمُمِ

Ny fomba fanaovana tayammoum

Voalohany dia ilaina ny olona mba hikapoka indray mandeha amin'ny tany ireo felatànany anankiroa, toy ny hita amin' ilay sary faha-7 miaraka amin'ny fikasana toy izao:


"أَتَيْمُّمُ بَدَلًا عَنِ الْوُضُوءِ أَوْ الْغُسْلِ قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى".

Dikany: "Izaho dia manao tayammoum solon'ny woulwou na ghousle mba hanatanteraka ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra."



Sary-7


Avy eo safoina ny handrina sy ny fihirifana amin'ny alalan'ireo felatanana roa, manomboka eny amin'ny faran'ny fanirian'ny volo, hatramin'ny manjamaso, miaraka amin'ny fotok'orona izay mifampitohy amin'ny handrina, tahaka ny hita amin'ny sary faha-8.



Sary-8

Avy eo misafo ny vohon-tanana rehetra havanana amin'ny alalan'ny felatanana havia, manomboka eo amin'ny fitohizan-dratsan-tànana ka hatramin'ireo lohan'ireo ratsa-tanana.

Ary torak'izany koa misafo ny vohon-tanana havia amin'ny alalan'ny felatanana havanana, manomboka eo amin'ny fitohizan-dratsan-tànana, ka hatramin'ny lohan'ireo ratsan-tànana, toy ny hita amin'ny sary faha-9.



Sary-9

Ny moustahab araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana sasany dia ny manakapoka fanindroany amin'ny tany ny felatanana roa, ka misafo ny vohon-tànana roa tahaky ny voalaza teo aloha.

Fanamarihana: tsy mety ny mametraka tsy misy fikampohana ny felatanana anankiroa amin'ny tany, tsy mety ihany koa ny tsy miara-akapoka izy roa.

Ferana ihany koa ny tsy fisian'ny sakana eo amin'ily tanana misafo sy ilay safoana. Noho izany, ny peratra dia anisan'ny sakana, ka tsy maintsy esorina amin'ny fotoana hanaovana ny tayammoum, ary torak'izany koa ny volo manaraka ny handrina, dia esorina aloha vao misafo ny handrina.

Raha nanao ny tayammoum nohon'ny swalàt ny olona, dia azony atao ny mikasika ny soratra amin'ny Quor'an, raha ohatra ilay tayammoum nataony dia nohon'ny antony izay mitohy, toy ny aretina, na koa ny tsy fisian'ny rano. Fa raha ny tayammoum no natao nohon'ny fahateren'ily fotoana, amin'izay fotoana izay, dia tsy azony atao ny mikasika ny soratra eo amin'ny Quor'an.

تَوَاقُضُ التَّيْمُمِ

Ny zavatra manimba ny tayammoum

Ny zavatra manimba ny tayammoum, dia mitovitovy amin'ny zavatra manimba ny woulwou, fa miampy ireto zavatra anankiroa ireto:

- 1- Ny fisian'ny rano
- 2- Ny fialan'ilay antony

Noho izany, raha ilay mpanao tayammoum no mahita rano, na sitrana tamin'ilay aretiny alohan'ny swalât, tonga dia simba avy hatrany ny tayammoum izay nataony.

غُسْلُ الْجَنَابَةِ

Ny fandroana djanàbah

Ny “djanabah” dia mitranga nohon'ny antony anankiroa:

a-Ny fivoahan'ny ranon'aina, na dia amin'ny alalan'ny nofy, na fahatairana.

b-Ny firaisana ara-nofy, na dia tsy mivoaka aza ny ranon'aina. Ary izany dia tanteraka amin'ny alalan'ny fampidirana ny lohan'ny mahalehilahy, na ny mitovy amin'ilay fetra ho an'izay efa tapaka ny lohan'ny mahalelahy azy, ka mampiditra izany any aloha na any aoriana, ary tsy misy ny fahasamihafana amin'ny maha-djanàbah eo amin'ilay miray sy ilay iraisana, na amin'ny lahy na amin'ny vavy.

Ireo asa tsy ara-dalàna na tsy azo atao raha tsy amin'ny alalan'ny fandroana djanabah:

1-Ny swalât, na dia ireo singan'ny swalât izay hadino aza, afa-tsy ny swalât atao amin'ny faty.

2-Ny twawâf wadjib miaraka amin'ny lamban'ny ihram.

3-Ny fifehezana, izany hoe raha mipetraka miaraka amin'ny djanàbah an-tsitrapo, ka hatramin'ny mangirandratsy, dia simba ny fifehezany.

4-Ny fikasihana ny soratra eo amin'ny Quor'an masina, ary koa ilay Anarana Be Voninahitra hoe: Allah.

5-Ny fipetrahana amin'ny masjid, eny na dia ny fidirana ao amin'ny masjid amin'ny fametrahan-javatra fotsiny ao anatiny aza, ary tsy mety ihany koa ny fidirana ao amin'ny masjid mba haka zavatra.

6-Ny fidirana amin'ireo masjid masina anankiroa lehibe, dia ny Al-masjidoul-haràm sy ny Al-masjidoun-nabawī (s.a.w)

7-Ny famakiana ny iray amin'ireo “ayatous-sadjdah” آيَةُ السَّجْدَةِ, izay hita amin'ireo sourate al-anzàim, ary izy ireo dia ny "الم السجدة، وحم السجدة، والتَّجْم والعلق". Fa araka ny voalazan'ireo manam-pahaizana, ny fitandremana tsara atao dia ny tsy famakiana mihitsy ireo sourate ireo, na dia ny antsasan'ny “bismiLLAH!” aza.

كَيْفِيَّةُ الْغُسْلِ

Ny fomba fandroana na fanaovana ghouse

Voalohany dia ny “niyah”, ary ny atao hoe niyah dia ny fikasana hanao fihetsika iray mba ho fanatanterahana ny didin'i Allah.

Faharoa dia ny fampikoriana ny rano amin'ireo silam-batana rehetra, ary ilaina ny fanesorana ny zava-drehetra izay manakana ny rano tsy ho tonga eny amin'ny hoditra.

Ny fandroana dia misy karazana roa, dia ny fandroana mitandahatra, izany hoe “tartibi”, sy ny fandroana mijoboka tanteraka any anaty rano, izany hoe “irtimàsi”.

Ny fandroana “tartibi” dia atao amin'ny fanasana anankitelo.

1-Ny fanasana ny loha iray manontolo, miaraka amin'ny vozona.

2-Ny fanasana ny ilam-batana havanana hatreny amin'ny faladian-tongotra.

3-Ny fanasana ny ilam-batana havia hatreny amin'ny faladian-tongotra.

Ary rehefa manasa ny ilam-batana tsirairay dia ilaina ny mampihotra kely izany, fa ny henatra kosa dia sasana isaky ny manasa ireo ilam-batana ireo, ary torak'izany koa ny foitra.

Fa ny fandroana “irtimàsi” kosa, ny tiana ho lazaina amin’izany dia ny fampijobohana indray mandeha amin’ny rano ny vatana iray manontolo, ary tsy maintsy lemama ireo toerana izay tsy azon-drano ka mila ampiakarina kely hiala amin’ny tany ny faladian-tongotra, raha toa ka mikasika eo amin’ny tany.

Ny fikasana amin’io fomba io dia wadjib ny fampiarahana izany amin’ny fotoana hijobohan’ily vatana manontolo any anaty rano.

Ferana amin’ny maha-ara-dalàna ny fandroana, ireny fepetra izay efa hita tany aloha mikasika ny woulwou, afa-tsy ny fepetra vitsivitsy.

Ny fepetra faharoa: ny fidiran’ny fotoana

Ny swalât dia tsy maintsy atao amin’ny fotoany. Koa izay manatanteraka ny swalât alohan’ny fotoana dia tsy ara-dalàna, ary koa tsy azo atao ny manatara azy ka tratran’ny fialàn’ily fotoana. Noho izany, raha manao azy aorian’ny fialàn’ily fotoana dia lasa “qalwà”.

Ny fotoan’ny swalâtoudh-dhouhr sy answr dia manomboka amin’ny fitongilan’ny masoandro eo afovoany, ka hatramin’ny filentehany. Ny fotoan’ny swalâtoul-magherib sy ny incha dia manomboka amin’ny fialan’ny taratra mena eny atsinanana, ka hatramin’ny misasak’alina. Fa ny fotoan’ny swalâtous-soubh kosa dia manomboka amin’ny mangirandratsy, hatramin’ny fiposahan’ny masoandro.

Ny fepetra fahatelo: ny qiblah

Ny “qiblah” dia ilay toerana misy ny Ka’aba feno fahamasinana, ka izay mahavita mamantatra ny fitodihana mankany aminy amin’ny fotoan’ny swalât, dia wadjib aminy ny manao izany, fa izay lavitra tahaka antsika eto Madagasikara ohatra, dia miverina amin’ireo famantarana maromaro izay mety hahafantarana izany ka anisan’izany:

Ny “mehrâb” an’ireo masdjid.

Ny fitodiky ny fasan’ireo silamo.

Ny fametrahan’ily mpivavaka ny ilam-batany havanana mankany atsinanana ary ny ilam-batany havia mankany andrefana, dia ny

manoloana azy no qiblah raha amintsika eto Madagasikara, araka ny mahazatra.

Fa raha vitany ny miverina amin'ireo famantarana voalaza ireo, dia afaka miverina izy amin'ireo zavatra rehetra izay mety manome tombatombana mikasika ny fitodihana, toy ny “boussole” na tondroavaratra ...sns, koa raha mbola tsy mahafa-po ireo zavatra ireo dia mitodika any amin'ireo vazan-tany efatra, raha mbola malalaka ny fotoana. Fa raha tery kosa dia mifidy vazan-tany iray, na mihoatra arakaraka ny fotoana ananany.

Ny fepetra fahefatra: ny fanaronana ny henatra

Wadjib ny fanaronana ny henatra amin'ny swalât sy ireo fanompoana miaraka aminy na dia tsy misy mahita aza; eny fa na dia ao anatin'ny haizina.

Ny henatry ny lehilahy eo amin'ny swalât dia ilay mahalehilahy sy ireo atody anankiroa ary koa ny fitombenana.

Ny an'ny vehivavy kosa dia ny vatany iray manontolo, na dia ny lohany sy ny volony aza afa-tsy ny tarehy, ny felatanany roa, hatreo amin'ny fitohizan'ny ratsa-tanana, ary koa ny faladian-tongotra hatreo amin'ny kitrokely.

Takiana amin'ilay lamban'ny mpivavaka ireto fepetra manaraka ireto:

- 1- Ny fahadiovany, fa tsy mety ny lamba nadjis.
- 2- Ny fahazoan-dâlana, noho izany dia tsy mety raha lamba nalaina ankeriny.
- 3- Tsy mila ho singa avy amin'ny biby maty ho azy.
- 4- Tsy ilaina ho avy amin'ny singan'ny biby tsy azo hohanina ny nofony.
- 5- Tsy mila vita avy amin'ny volamena tsy mitampoka, ho an'ny lehilahy.
- 6- Tsy mila vita avy amin'ny lamba landy tanteraka, ho an'ny lehilahy.

Raha ny mpivavaka no tsy mahita hisaronana na dia bozaka na ravinkazo aza, dia raha mety aminy ny manarona ny vatany amin'ny alalan'ny fotaka dia ataony izany, ary manatanteraka ny swalât izy araka ny fomba mahazatra.

Ny fepetra fahadimy: ny toerana ivavahana

Tsy mety ny swalât atao eny amin'ny toerana izay nalaina ankeriny, na io toerana io mihitsy no nalaina ankeriny na ny tombontsoa misy amin'izany toerana izany, ohatra: manao mibodo amin'ny tsy fandoavana ny hofan'ily trano.

Tsy azo atao ihany koa ny manao swalât eny amin'ny toerana iombonana, raha tsy mahazo alalana amin'ireo mpikambana. Tanteraka ny fahazoan-dalana amin'ny fanaovana swalât, na amin'ny alalan'ny fitenenana, sahala amin'ny fitenenan'ily tompony hoe: mivavaha ianao ao an-tranoko, na amin'ny alalan'ny fihetsika sahala amin'ny hoe: ny famelaran'ny “mouswalla” mitodika amin'ny qiblah ho an'ily mpivavaka, na amin'ny alalan'ny zava-misy mahazatra, toy ny fisokafan'ny varavaran'ny toerana efa voatokana hivahinianana. Ary ferana amin'ily toerana hanaovana swalât, mba hahatonga ilay mpivavaka mifikitra fa tsy manozongozona azy. Torak'izany koa, ferana ho twaharah ny toerana hametrahana ny handrina, ary ilaina izany mba ho anisan'ny tany, na zava-maniry avy amin'ny tany, na taratasy, fa ny tsara indrindra raha toa ka “tourbah” an'ny Imam Houssein (a.s).

Tsy azo atao ny manao soudjoud ambonin'ny harena ankibon'ny tany, na lavenona, na koa saribao, ary ferana ny fahazoana manao soudjoud eo ambonin'ireo zava-maniry, mba tsy ho zavatra azo hohanina, toy ny vary na varim-bazaha na voankazo.

Takiana ihany koa ny fahazoana manao soudjoud ambonin'ireo zava-maniry mba tsy ho zava-maniry azo atao fitafiana, toy ny landihazo, na rongonim-bazaha, ary tsy azo atao ny manao soudjoud ambonin'ny taratasy raha avy amin'ny landihazo, na lamba landy, na avy amin'ny rongonim-bazaha.

الْأَذَانُ وَ الْإِقَامَةُ

Ny adhàn sy ny iqàmah

Hamafisina fa ny adhàn sy ny iqàmah dia “moustahab” izany hoe tsara atao alohan’ny fanaovana swalàt.

كَيْفِيَّةُ الْاَذَانِ

Fomba fanaovana ny adhàn

Allàhou Akbar اللهُ أَكْبَرُ (in-4)

Ash’hadou allà ilàha illAllàh اللهُ إِلَّا إِلَهَ إِلَّا اللهُ (in-2)

Ash’hadou anna Mouhammadar-Rasouloullàh اللهُ مُحَمَّدًا رَسُولَ اللهِ (in-2)

Hayya anlas-swalàh حَيَّ عَلَى الصَّلَاةِ (in-2)

Hayya anlal-falàh حَيَّ عَلَى الْفَلَاحِ (in-2)

Hayya anlà khayril- anmal خَيْرِ الْعَمَلِ (in-2)

Allàhou Akbar اللهُ أَكْبَرُ (in-2)

Là ilàha illAllàh اللهُ لَا إِلَهَ إِلَّا اللهُ (in-2)

Tsara ho marihina fa ny fitenenana ny hoe أَشْهَدُ أَنْ عَلِيًّا وَلِيُّ اللهِ “ash’hadou anna Anliyaw-waliyouchàh” izay fanaon’ireo mpanaraka an’ireo Ahloul-baït (a.s) aorian’ny أَشْهَدُ أَنْ مُحَمَّدًا رَسُولَ اللهِ “ash’hadou anna Mouhammadar-Rasouloullàh”, dia tsy singa wadjib amin’ny adhàn na amin’ny iqàmah fa “moustahab” ary tena hamafisin’ireo manam-pahaizana shian ny mamaky azy.

كَيْفِيَّةُ الْإِقَامَةِ

Fomba fanaovana ny iqàmah

Allàhou Akbar اللهُ أَكْبَرُ (in-2)

Ash’hadou allà ilàha illAllàh اللهُ إِلَّا إِلَهَ إِلَّا اللهُ (in-2)

Ash’hadou anna Mouhammadar-Rasouloullàh اللهُ مُحَمَّدًا رَسُولَ اللهِ (in-2)

عَلَى الصَّلَاةِ Hayya anlas-swalàh (in-2)
 عَلَى الْفَلَاحِ Hayya anlal-falàh (in-2)
 عَلَى خَيْرِ الْعَمَلِ Hayya anlà khayril- anmal (in-2)
 فَذُقْ قَامَتِ الصَّلَاةُ Qad qàmatis-swalàh (in-2)
 اللَّهُ أَكْبَرُ Allàhou Akbar (in-2)
 لَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ Là ilàha illAllàh (in-1)

أَرْكَانُ الصَّلَاةِ

Ireo andrin'ny swalàt

Misy dimy ireo andrin'ny swalàt:

- 1-Ny fikasana na ny “nyah”.
- 2-Ny “takbiratoul-ihràm” izay atao eo am-pitsanganana mahitsy.
- 3-Ny fitsanganana eo am-panaovana ny takbiratoul-ihràm izay atao alohan'ny roukou'on, izany hoe ilay fitsanganana mifandray amin'ny roukou'on.
- 4-Ny “roukou'on” na ny fiandrehana.
- 5-Ny “soudjoud” na ny fiankohofana; ireo soudjoud roa miaraka no andrin'ny swalàt fa ny anankiray fotsiny dia tsy azo lazaina ho andry.

Ny atao hoe andrin'ny swalàt dia ilay singa izay mahatonga ny fahasimban'ny swalàt raha toa ka nampiana na nahena an-tsitrabo na amin'ny fanadinoana.

Noho izany, raha namela ny takbiratoul-ihràm ny mpivavaka, na nanao azy in-droa, an-tsitrabo na amin'ny fanadinoana dia simba swalàt nataony.

وَاجِبَاتُ الصَّلَاةِ غَيْرُ الرُّكُوبَةِ

Ireo wadjib izay tsy anisan'ny andrin'ny swalàt

Ireo wadjib amin'ny swalàt izay tsy anisan'ny andry dia ireo singan'ny swalàt izay manimba azy raha tsy nataon'ilay mpivavaka an-tsitrabo fa tsy tamin'ny fanadinoana.

Ireto avy izy ireo:

1-Ny fitsanganana eo afovoan'ny famakiana sy ilay fitsanganana aorian'ny roukou'on.

2-Ny famakiana.

3-Ny “dhikr” na ny fahatsiarovana.

4-Ny “tasha’houd” na ny fanekem-pinoana.

5-Ny “taslīm”.

6-Ny “tartīb” na ny filaminana.

7-Ny “mouwalâte” na ny fitohizana.

كَيْفِيَّةُ الصَّلَاةِ

Ahoana ny fomba fanaovana swalât

Aorian'ny adhàn sy ny iqàmah dia wadjib ny manao ny “nyah” , ary ny atao hoe “nyah” dia ny fikasana hanao swalât efa voafaritra mba hanatanteraka ny didin'i Allah, avy eo manao ny takbiratoul-ihràam, ary izany dia ilay fitenenana manao hoe : "Allahou Akbar " اللَّهُ أَكْبَرُ miaraka amin'ny fampiakarana ny tanana roa hifanandrify amin'ny sofina roa, toy ny hita amin'ily sary faha-10.



Sary-10

Avy eo mamaky souratoul-fàtihah sy ny sourat iray hafa, izay atao amin'ny famakiana arabo marina tsy misy diso toy izao manaraka izao:


بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ
 "الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ ، الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ ، مَالِكِ يَوْمِ الدِّينِ ، إِيَّاكَ نَعْبُدُ وَإِيَّاكَ
 نَسْتَعِينُ ، اهْدِنَا الصِّرَاطَ الْمُسْتَقِيمَ ، صِرَاطَ الَّذِينَ أَنْعَمْتَ عَلَيْهِمْ غَيْرِ الْمَغْضُوبِ
 عَلَيْهِمْ وَ لَا الضَّالِّينَ."

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ
 "قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ ، اللَّهُ الصَّمَدُ ، لَمْ يَلِدْ وَ لَمْ يُولَدْ ، وَ لَمْ يَكُنْ لَهُ كُفُوًا أَحَدٌ."

Wadjib amin'ny lehilahy ny mamoaika feo eo amin'ny famakiana ny souratoul-fâtihah sy ilay sourat manaraka rehefa manao ny swalâtoul-maghrib sy inch'a ary ny soubh, izany hoe mila mamaky izany amin'ny feo azo henoina. Fa eo amin'ny swalâtoudh-dhouhr sy al-answr kosa, ny wadjib dia ny manafina feo, izany hoe tsy ilaina ny mamoaika feo fa mibitsibitsika.

Eo amin'ny vehivavy indray, amin'ireny swalât amoaikana feo ireny dia manan-tsafidy izy amin'ny famoaikana ny feo rehefa tsy misy lehilahy maheno azy na ny fibitsibitsihana. Fa amin'ireny swalât tsy hamoaikana feo ireny kosa, dia wadjib amin'ny vehivavy ny mibitsibitsika eo amin'ny famakiana.

Ary vakiana ilay souratoul-fâtihah sy ilay sourat hafa manaraka azy eo am-pitsanganana sy am-pitoniana, sahala amin'ny hita amin'ilay sary faha-11. Rehefa tapitra ny famakiana dia mila mampiakatra ny tanana roa hanao takbir ho an'ilay roukou'on, sahala amin'ny hita eo amin'ny sary faha-10 etsy ambony.



Sary-11

Rehefa avy nanao takbir dia miondrika manao roukou'on ka hapetraka tsara eo amin'ny lohalika ireo felan-tanana roa izay asaratsaraka ireo rantsan-tanana, tahaka ny hita eo amin'ny sary faha-12, ary miteny manao hoe :

سُبْحَانَ رَبِّيَ الْعَظِيمِ وَبِحَمْدِهِ، اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ.

"Soub'hàna Rabbìyal-andhwìmi wa bihamdihi, Allāhoumma swalli anlà Mouhammadine wa àli Mouhammad".

Na miteny hoe : سُبْحَانَ اللَّهِ "Soub'hàna-LLAHI" in-3.



Sary-12

Rehefa vita izany dia mampiakatra ny loha, ary mitsangana mahitsy am-pitoniana toy ny amin'ny sary faha-11 ka miteny manao hoe :

سَمِعَ اللَّهُ لِمَنْ حَمِدَهُ "samian-LLAHOU liman hamidah".

Avy eo, manao takbir ho an'ilay soudjoud eo am-pitsanganana am-pitoniana tsara, ka rehefa vita ny takbir dia mila midina hanao soudjoud ka ny tanana anankiroa no mandeha aloha apetraka amin'ny tany avy eo, vao mametraka ny handrina eo ambony zavatra avy amin'ny tany azo iankohofana.

Ary ireo faritra enina entina manao soudjoud dia takiana mba hipetraka tsara amin'ny tany, dia ireto avy izany : ny fela-tanana roa sy ny lohalika roa, lohan'ny ankihiben'ny tongotra roa toy ny hita amin'ny sary faha-13, ary rehefa tony tsara ny mpivavaka eo am-piankohofany dia mila miteny manao hoe :

سُبْحَانَ رَبِّيَ الْأَعْلَى وَبِحَمْدِهِ، اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ.

"Soub'hàna Rabbìyal-anlà wa bihamdihi, Allāhoumma swalli anlà Mouhammadine wa àli Mouhammad."

Na miteny hoe : سُبْحَانَ اللَّهِ "Soub'hàna-LLAHI" in-3.




Sary-13

Avy eo, mampiakatra ny loha avy amin'ny soudjoud ary mipetraka mahitsy miankina amin'ny faladihan-tongotra havia am-pitoniana, ka miteny manao hoe :

اللَّهُ أَكْبَرُ ، اسْتَغْفِرُ اللَّهَ رَبِّي وَأَتُوبُ إِلَيْهِ ، اللَّهُ أَكْبَرُ .

"Allahou Akbar, astagh'firou-LLAHA Rabbi wa atoubou ilaihi, Allahou Akbar."



Sary-14

Aorian'ilay takbir faharoa dia mandeha manao ilay soudjoud faharoa ary manao sahala amin'ny natao tamin'ny voalohany ihany; fa rehefa mahavita ilay "dhikr wadjib " sy ilay " dhikr moustahab " dia ilaina ny mipetraka am-pitoniana amin'ny fipetrahana fakana fahafinaretana kely izay antsoina hoe: جَلْسَةُ الْإِسْتِرَاحَةِ toy ny hita amin'ny sary faha-14, ary miteny manao hoe: اللَّهُ أَكْبَرُ .

Rehefa vita io takbir io dia mitsangana ho an'ilay raka'anh manaraka, amin'ny alalan'ny fametrahana ny fela-tanana roa amin'ny tany mialohan'ny hitsanganana, no sady miteny manao hoe:

بِحَوْلِ اللَّهِ وَقُوَّتِهِ أَقُومُ وَأَقْعُدُ

"Bihaw'liLLAHI wa qouwwatihi aqoumou wa aq'ound" .

Avy eo manatanteraka an'ilay raka'an faharoa, amin'ny fomba sy endrika sahala amin'ny natao teo aloha. Fa raha toa ka ny swalât atao dia ny swalâtous-soubh, dia ilaina ny manao ny tashahoud sy ny taslîm aorian'ny fahavitana izany.

Ary miteny tahak'izao eo amin'ny tashahoud sy ny taslîm :
 أَشْهَدُ أَلَّا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَحْدَهُ لَا شَرِيكَ لَهُ ، وَ أَشْهَدُ أَنَّ مُحَمَّدًا عَبْدُهُ وَرَسُولُهُ ،
 اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ .
 السَّلَامُ عَلَيْكَ أَيُّهَا النَّبِيُّ وَ رَحْمَةُ اللَّهِ وَ بَرَكَاتُهُ ، السَّلَامُ عَلَيْنَا وَ عَلَى عِبَادِ
 اللَّهِ الصَّالِحِينَ ، السَّلَامُ عَلَيْكُمْ وَ رَحْمَةُ اللَّهِ وَ بَرَكَاتُهُ .

"Ash'hadou allà Ilàha ill-ALLAHOU wah'dahou là sharīka lahou, wa ash'hadou anna Mouhammadane an'bdouhou wa rasoulouhou, Allaḥoumma swalli anlà Mouhammadine wa àli Mouhammad ."

"Assalàmou anlaika ayyouhan'Nabiyou wa rah'matouLLAHI wa barakàtouhou, assalàmou anlainà wa anlà inbàdiLLAHIs-swàlihine, assalàmou anlaikoum wa rah'matouLLAHI wa barakàtouh".

Raha toa ka ny swalàtoudh-dhouhr, na answr, na inchà no atao dia wadjib amin'ilay mpivavaka ny fampiarahana ireo raka'ante roa voalohany amin'ireo swalàt ireo amin'ny raka'ante roa hafa, aorian'ny tashaḥoud fa tsy manao taslīm, koa rehefa tafatsangana dia mila mamaky ireto tasbih efatra ireto eo amin'ireo raka'ante roa farany ireo ho solon'ny famakiana ny souratoul-fâtihah:

سُبْحَانَ اللَّهِ وَالْحَمْدُ لِلَّهِ وَلَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَاللَّهُ أَكْبَرُ .

"Soubhàna-LLAHI wal'hamdou liLLAHI wa là ilàha illa-LLAHOU wa-LLAHOU Akbar " (in-3).

Ary rehefa efa nahavita ny roukou'on sy ny soudjoud roa dia manao ny tashaḥoud sy ny taslīm, sahala amin'ny hita teo aloha izay tsy misy fahasamihafana amin'ireo swalàt telo ireo afa-tsy ilay famoahana feo sy ilay fibitsibitsihana.

Ny wadjib eo amin'ny raka'ante roa voalohany amin'ny swalàtoul-inchà dia ny mamoka feo amin'ny famakiana ny souratoul-hamd sy ny sourat manaraka, fa ireo raka'ante roa voalohany eo amin'ny swalàtoudh-dhouhr sy ny answr kosa, ny wadjib dia ny mibitsibitsika eo amin'ny famakiana ireo sourate roa ireo afa-tsy ny famakiana ny بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ "BismiLLAHir-rahmànir-rahīm", fa ny famoahana feo amin'izany dia moustahab.

Fa raha ny swalàtoul-maghrib indray no atao, ny wadjib dia ny mampiaraka ireo raka'ante roa voalohany amin'ny raka'an iray aorian'ilay tashaḥoud. Ary mamaky eo amin'ilay raka'an iray farany ireo tasbih efatra izay averina in-telo mba ho solon'ny famakiana ny souratoul-fâtihah. Ary izany dia sahala amin'ilay hita teo aloha ihany manao hoe:

سُبْحَانَ اللَّهِ وَالْحَمْدُ لِلَّهِ وَلَا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ وَاللَّهُ أَكْبَرُ .

"Soubhàna-LLAHI wal'hamdou liLLAHI wa là ilàha illa-LLAHOU wa-LLAHOU Akbar" (in-3)

Rehefa vita izany dia manao ny tashahoud sy ny taslīm. Mamoaka feo amin'ireo raka'ante roa voalohany sahala amin'ny "swalàtoul-inchà", fa amin'ilay raka'an fahatelo kosa, ny wadjib dia ny mibitsibitsika eo amin'ny famakiana ny tasbīh.

Ary rehefa nahavita ny famakiana ny souratoul-fâtihah sy ny sourat manaraka amin'ilay raka'an faharoa, dia tokony manao ny takbir sady mampiakatra ny tânana roa manoloana ny tarehy; izany fomba izany no antsoina hoe: "qounòute" toy ny hita amin'ny sary faha-12, ary ao amin'izany fihetsika izany dia tokony mangataka hatsarana ho an'ny tena na ho an'ny hafa izay tiany angatahiny, sahala amin'ireto fangatahana ireto:

"اللَّهُمَّ اجْعَلْنِي مِنْ جُنْدِكَ فَإِنَّ جُنْدَكَ هُمُ الْعَالِيُونَ."

"Ry Allah, ataovy mba ho anisan'ny miaramilanao aho, marina tokoa fa ireo miaramilanao no mpandresy.

وَاجْعَلْنِي مِنْ حِزْبِكَ فَإِنَّ حِزْبَكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ.

Sy ataovy ho anisan'ny ekipanao aho, marina tokoa fa ireo ekipanao no avotra.

وَاجْعَلْنِي مِنْ أَوْلِيَائِكَ فَإِنَّ أَوْلِيَاءَكَ لَا خَوْفٌ عَلَيْهِمْ وَلَا هُمْ يَحْزَنُونَ.

Ary ataovy mba ho anisan'ny sakaizanao aho, satria ireo sakaizanao dia tsy manana fahatahorana no sady tsy malahelo.

اللَّهُمَّ صَلِّ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ."

Allah ô! Tahio Mouhammad sy ireo taranak'i Mouhammad"

Rehefa vita izany dia manao takbir sy mampidina ny tânana roa, avy eo dia manao ny roukou'on sahala amin'ny efa hita teo aloha.

Fanamarihana

Tandremo ry namana mpino silamo mba tsy ho anisan'ny olona kamo sy mpanao tsirambina ka tsy mahavita manatanteraka ny swalàt izay

adidy lehibe eo anatrehan'i Allah. Fa ny swalât no asa tena tian'i Allah indrindra, ary tsy misy zavatra tsara mihoatra azy, aorian'ny fananam-pinoana.

قَالَ رَسُولُ اللَّهِ (ص): "خَمْسُ صَلَّاتٍ افْتَرَضَهُنَّ اللَّهُ عَزَّوَجَلَّ ، مَنْ أَحْسَنَ وُضُوءَهُنَّ وَ صَلَّاهُنَّ لَوْفَتِهِنَّ وَأَتَمَّ رُكُوعَهُنَّ وَ خَشُوعَهُنَّ كَانَ لَهُ عَلَى اللَّهِ عَهْدَانِ يَغْفِرُ لَهُ".

Niteny ilay irak'i Allah (s.a.w) : “Ireo swalât dimy no nodidin'i Allah Ilay Be Voninahitra, koa izay manao tsara ny woulwou ho an'ireo swalât ireo sy manatanteraka ireo swalât ireo amin'ny fotoany ary manatontosa tsara ny fihondrehany sy manetry tena eo aminy dia hahazo avy amin'i Allah fampanantenana anankiroa izay hamelana ny helony”.

قال رَسُولُ اللَّهِ (ص): "أَلَيْسَ مِنِّي مَنِ اسْتَخَفَّ بِصَلَاتِهِ".

Niteny koa ilay irak'i Allah (s.a.w) hoe: “Tsy anisan'ny mpanara-diako izay manao tsirambina ny swalât-ny.”

قال رَسُولُ اللَّهِ (ص) لِعَلِيِّ (ع) : "يَا عَلِيُّ إِنَّ أَحَبَّتِ النَّاسِ سَرِقَةً مَّنْ يَسْرِقُ مِنْ صَلَاتِهِ"

قَالَ عَلِيُّ (ع): وَكَيْفَ ذَلِكَ يَا رَسُولَ اللَّهِ؟
قَالَ (ص): " الَّذِي لَا يَتِمُّ رُكُوعُهُ وَ سُجُودُهُ فَهُوَ سَارِقٌ صَلَاتِهِ".

Niteny ihany koa Izy (s.a.w) tamin'i Ali (a.s): “Ry Ali, marina tokoa fa ny olona tena ratsy fangalarana dia izay mangalatra amin'ny swalât-ny.

Nanontany i Ali (a.s) hoe : “Ahoana izany r'ilay Irak'i Allah?

Namaly Izy (s.a.w) hoe: “Izay manatontosa tsara ny rouko'on-ny sy ny soudjoud-ny dia olona mpangalatra swalât-ny.”

مُنَافِيَاتُ الصَّلَاةِ

Ireo zavatra manimba ny swalât

Ireto avy ireo zavatra manimba ny swalât:

1-Ny loto ara-pinoana na dia loto kely izany na loto lehibe; marina fa izany dia manimba ny swalât na aiza na aiza ao amin'ny swalât no tojo

izany na dia amin'ily faran'ny singan'ny taslīm izay wadjib aza, na natao an-tsitrapo izany na amin'ny fanadinoana.

2-Ny fitodihan'ny vatana rehetra miala amin'ny qiblah, na dia nohon'ny fanadinoana, na nohon'ny fahaterena vokatry ny rivo-doza aza.

3-Ny zavatra rehetra manala ny endriky ny swalāt araka ny fahitan'ireo mpahay lalāna, toy ny fandihizana na ny fitehafana na fanjairana ao anatin'ny swalāt...

4-Ny fitenenana an-tsitrapo na dia fitenenana izay voakambana amin'ny litera roa aza.

5-Ny fihomehezana izay mamoka feo.

6-Ny fitomaniana an-tsitrapo izay miaraka amin'ny feo. Eny, fa na dia tsy misy feo aza dia manimba ny swalāt araka ny fitandremana tsy maintsy arahina, raha ohatra ka nohon'ny antony fiainana eto an-tany no mampitomany azy.

7-Ny fihinanana sy ny fisotroana na dia kely fotsiny aza.

8-Ny fametrahana ny tātana iray ambonin'ny iray, izany hoe ny famehezana-tātana.

9-Ny fitenenana an-tsitrapo ilay teny hoe: “amīne” آمين aorian'ny famakiana ny souratoul-fātīhah.

الشَّكُّ فِي الصَّلَاةِ

Ny fisalasalana eo amin'ny swalāt

Ny fisalasalana amin'ireo fihetsika atao amin'ny swalāt raha toa ka miseho izany alohan'ny fidirana amin'ny fihetsika hafa ankoatr'ily fihetsika izay isalasalana, dia wadjib ny fanatanterahana izany fihetsika izany, toy ny mialohan'ny tsy mbola nidirana tamin'ny famakiana ny “Bismillahir-Rahmānir-Rahīm” dia niasalala ny mpivavaka amin'ny fanatanterahana ny takbīratoul-ihrām na tsia. Fa raha efa tafiditra tamin'ily singa manaraka, amin'izay fotoana izay dia tsy mila miraharaha ilay singa izay mampisalalala azy, fa ilaina ny fanohizany ilay swalāt ary tsy misy olana ny amin'izany. Fa ny fisalasalana eo amin'ireo raka'ante kosa, dia misy amin'izany ny manimba ny swalāt mihitsy raha mitombina ilay fisalasalana, ary misy izay tsy manimba ny swalāt saingy tsy maintsy mitaky fitsaboana.

Ireo fisalasalana eo amin'ny raka'ante izay mahatonga ny fahasimban'ny swalât dia ireto manaraka ireto:

-Ny fisalasalana amin'ny isan'ny raka'ante amin'ny swalâtous-swoubh.

-Ny fisalasalana amin'ny isan'ny raka'anh eo amin'ny swalâtoul-maghrib.

-Ny fisalasalana eo amin'ireo raka'ante roa voalohany amin'ireo swalât izay manana raka'ante efatra; izany dia mbola mahatonga ny fahasimban'ily swalât.

Koa ny wadjib dia ny mamerina ilay swalât, rehefa nitranga ny fisalasalana amin'ireo endrika voalaza teo ireo.

Fa ny endrika izay mbola azo tsaboina ny fisalasalana mba hahatonga ilay swalât ho ara-dalàna dia misy anankisivy:

1-Ny fisalasalana eo amin'ireo raka'ante roa voalohany sy ny fahatelo aorian'ny fahavitan'ny soudjoud farany, dia mila mihevitra ny tenany ho ao anatin'ny raka'anh fahatelo ilay mpivavaka ka manatanteraka ny raka'anh fahefatra, ary mamita ilay swalât hatramin'ny farany, avy eo mitsangana manao raka'anh “ihtiyâtw” iray araka ny fitandremana tsy maintsy arahina.

2-Ny fisalasalana eo amin'ny raka'anh fahatelo sy fahefatra na aiza na aiza toerana hisehoan'ily fisalasalana dia mila mihevitra ny tenany ho ao anatin'ny raka'anh fahefatra, ary rehefa vita ny swalât dia manao raka'ante ihtiyâtw” anankiroa mipetraka na raka'anh iray mitsangana.

3-Ny fisalasalana eo amin'ny raka'ante roa voalohany sy ny fahaefatra aorian'ny fanatanterahana ny soudjoud farany, dia mila mihevitra ny tenany ao amin'ny raka'an fahefatra, ka manohy ny swalât hatramin'ny farany. Avy eo, manao fitandremana amin'ny fanatanterahana raka'ante roa am-pitsanganana.

4-Ny fisalasalana eo amin'ny raka'ante roa voalohany sy ny fahatelo ary ny fahefatra aorian'ny fanatanterahana ny soudjoud farany, dia mila mihevitra ny tenany fa eo amin'ny raka'anh fahefatra ka manohy ny swalât hatramin'ny farany. Avy eo, manao fitandremana amin'ny fanatanterahana raka'ante roa mitsangana sy raka'ante roa mipetraka aorian'ily mitsangana.

5-Ny fisalasalana eo amin'ny raka'anh fahefatra sy fahadimy aorian'ny fanaovana ny “dhikr” eo amin'ny soudjoud farany, dia mila mihevitra fa eo amin'ny raka'anh fahefatra, ka manohy ny swalât hatramin'ny farany. Avy eo, manao ny soudjoud anankiroa izay antsoina hoe سَجَدْتِي السَّهْوُ “sadj'dataïs-sah'wi”.

6-Ny fisalasalana eo amin'ny raka'anh fahefatra sy fahadimy eo am-pitsanganana, dia mila manimba avy hatrany izany fitsanganana izany, ary ny lalàna mifehy ny fisalasalana amin'io dia sahala amin'ny lalàna mifehy ny fisalasalana eo amin'ny raka'anh fahatelo sy fahefatra, ka tohiziny hatramin'ny farany ny swalât, avy eo manao “swalatoul-ihtyàtw” raka'ante roa mipetraka.

7-Ny fisalasalana eo amin'ny raka'anh fahatelo sy fahadimy eo am-pitsanganana, dia mila manimba avy hatrany ilay fitsanganana, ka ny lalàna mifehy izany dia sahala amin'ny lalàna mifehy ny fisalasalana eo amin'ny raka'ante roa voalohany sy ny raka'anh fahefatra, ary dia manohy ny swalât hatramin'ny farany, avy eo manao ny swalatoul-ihtyàtw raka'ante roa mitsangana.

8-Ny fisalasalana eo amin'ny raka'anh fahatelo sy fahefatra ary fahadimy eo am-pitsanganana, dia mila manimba avy hatrany ilay fitsanganana, ary ny lalàna mifehy izany dia sahala amin'ny lalànan'ny fisalasalana eo amin'ny raka'ante roa voalohany sy ny raka'anh fahatelo ary ny raka'anh fahefatra, ka tohizany hatramin'ny farany ilay swalât. Avy eo, manao fitandremana amin'ny raka'ante ihtyàtw roa mitsangana sy raka'ante roa mipetraka.

9-Ny fisalasalana eo amin'ny raka'anh fahadimy sy fahenina eo am-pitsanganana, dia mila manimba ilay fitsanganana, ary ny lalàna mifehy izany dia sahala amin'ny lalànan'ny fisalasalana eo amin'ny raka'anh fahefatra sy fahadimy, ka tohizany hatramin'ny farany ilay swalât; avy eo manao ny sadj'dataïs-sah'wi anankiroa.

صَلَاةُ الْإِحْتِيَاطِ

Swalâtoul-ihdiyât

Ny “swalâtoul-ihdiyât” dia wadjib, tsy azo atao ny mamela azy ka hikasa hamerina indray ilay swalât. Ferana ao amin'ilay “swalâtoul-ihdiyât” ireo fepetra rehetra izay takiana amin'ny swalât. Noho izany, dia tsy maintsy ilaina ny fikasana sy ny takbiratoul-ihrà, ny famakiana ny souratoul-fâtihah izay tsy hamoahana feo, ary ny roukouon sy ny soudjoud, ny tachaoud ary ny taslîm eo amin'ny fanatanterahana azy. Rehefa mitranga ny iray amin'ireo zavatra manimba ny swalât eo anelanelan'ilay swalât sy ny swalâtoul-ihdiyât, tonga dia simba ilay swalât ka ilaina ny mamerina azy indray.

الْأَجْزَاءُ الْمُنْسَبَةُ

Ireo singa izay nadinoina

Raha nanadino ny soudjoud anankiray na ny tashaoud ny mpivavaka, ka tsy nahatsiaro izany raha tsy efa taorian'ny fidirana amin'ny “roukou'on” na ny “taslîm”, dia wadjib ny manolo izany aorian'ny swalât; torak'izany koa ny manolo ny tashaoud raha toa ka nanadino azy.

Ary wadjib eo amin'ny fanoloana na قِضَاءٌ, izay rehetra wadjib eo amin'ilay soloina, mikasika ireo singa sy ireo fepetra. Torak'izany koa, wadjib ny manao نِيَّةٌ “niyah” mikasika ny fanoloana. Tsy azo atao ny manao zavatra manimba ny swalât eo anelanelan'ny fanoloana sy ilay swalât.

سُجُودُ السَّهْوِ
soudjoudous-sah'wi

Wadjib ny manao سُجُودِ السَّهْوِ “sadj'dataïs-sah'wi” izany hoe fiankohofana anankiroan'ny fanadinoana nohon'ny fitenenana natao tao anatin'ny swalât tsy faniniana na hadino, na nohon'ny fanaovana taslîm tsy amin'ny toerany, na nohon'ny fitrangan'ny fisalasalana eo amin'ny raka'anh fahefatra sy fahadimy, na nohon'ny fanadinoana ny tashâhoud, ary koa nohon'ny zavatra niampy na banga rehetra natao tsy faniniana tao anatin'ny swalât. Ny “sadj'dataïs-sah'wi” dia soudjoud anankiroa atao mifanesy ary wadjib ny manao “niyah” amin'ny fanatanterahana ny didin'i Allah fa tsy wadjib ao aminy manao “takbir”.

كَيْفِيَّةُ سُجُودِ السَّهْوِ
Fomba fanaovana “soudjoudous-sahwi”

Voalohany dia manao fikasana toy izao:

"أَسْجُدُ سَجْدَتِي السَّهْوِ بِسَبَبِ -زِيَادَةِ التَّسْلِيمِ مَثَلًا- قُرْبَةً إِلَى اللَّهِ تَعَالَى."
"Asdjoudou sadj'dataïs-sahwi qourbatane ilaLLahi Taànlà"

Dikany : “Izaho dia miankohoka fiankohofana anankiroan'ny fanadinoana -ohatra nohon'ny fiampian'ny taslim - mba hanatanteraka ny didin'i Allah Ilay Avo Indrindra”.

Avy eo, mametraka ny handrina sy ireo rantsam-batan'ny soudjoud amin'ny tany, ary miteny manao hoe:

"بِسْمِ اللَّهِ وَبِاللَّهِ أَلْسَلَامٌ عَلَيْكَ أَيُّهَا النَّبِيُّ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ."
“Bismillahi wa billahi as-salâmour anlaika ayyouhan-Nabiyyou wa Rahmatoullahi wa Barakâtouh”

Avy eo, mampitraka ny loha no sady mipetraka, ary miverina manao soudjoud fanindroany sy mamerina ilay teny izay nolazaina teo aloha.

Avy eo, mipetraka manao tashaḥoud toy ny mahazatra sy taslim, ary ny tena tsara amin' ilay taslim dia ilay teny manao hoe:

"السلام عليكم ورحمة الله وبركاته"

"As-salàmou anlaïkoum wa Rahmatoullahi wa Barakàtough"

Aoka ho tsaroanao hatrany fa ny swalàt dia firesahana tsiambaratelo eo amin'ny mpanompo sy Ilay Mpahary. Noho izany, dia araraoty ry mpivavaka ny fotoana fanatanterahanao ny swalàt mba ho fotoan'ny fangatahanao izay tianao angatahina amin'Ilay Tompon'ny zava-drehetra, satria ny fotoan'ny swalàt no fotoana tsara indrindra amin'ireo fotoana rehetra, koa tsara ny mampiakatra ireo tãnanao anankiroa aorian'ny famaranana ny swalàt, ary mitenena toy ny fangatahana manao hoe:

"اللَّهُمَّ اغْنِنِي بِحَلَالِكَ عَنْ حَرَامِكَ وَبِطَاعَتِكَ عَنْ مَعْصِيَتِكَ وَبِفَضْلِكَ عَمَّنْ سِوَاكَ يَا حَيُّ يَا قَيُّوْمُ، وَصَلَّى اللهُ عَلَي سَيِّدِنَا وَنَبِيِّنَا مُحَمَّدٍ وَعَلَى آلِهِ الطَّيِّبِينَ الطَّاهِرِينَ."

“ Ry Allah ô! Ataovy manankarena aho amin'ny alalan'ireo zavatra halàl fa tsy amin'ny alalan'ireo zavatra haràm; amin'ny alalan'ny fankatoavana fa tsy amin'ny alalan'ny fanoherana Anao, amin'ny alalan'ny fitahiana fa tsy amin'ny alalan'ny fitahian'ny hafa. R'Ilay Velona¹, r'Ilay Mpanaramaso ny zava-boahary, koa ny tso-dranon'i Allah anie ho an' ilay lehibenay, sy ilay Mpaminaninay, i Mohammad sy ireo fiankaviany tsara izay madio.”

¹ Ilay mahalala ny zavatra rehetra.

كَلِمَةٌ آخِرَةٌ عَنِ الصَّلَاةِ

Resaka farany mikasika ny swalàt

Marina tokoa fa ny swalàt eo anatrehan'i Allah dia anisan'ny famantarana lehibe eo amin'ny finoana, no sady tsara indrindra amin'ireo famantarana rehetra. Matetika miverina ao amin'ilay bokin'i Allah ilay teny hoe: "swalàt". Izany dia manambara ny mahazava-dehibe sy ny mahabe voninahitra azy io eo anatrehan'i Allah. Niteny Ilay Avo Indrindra amin'ny toerana samihafa ao amin'ny Qour'an manao hoe:

"وَأَقِمُوا الصَّلَاةَ وَآتُوا الزَّكَاةَ."

"Atsanganonareo ny swalàt, ary atolorinareo ny zakàt".

Ny swalàt dia adidy mavesa-danja tokoa, ka mahatonga azy tsy azo avela na amin'ny fomba ahoana na amin'ny fomba ahoana, satria izy io no andrin'ilay finoana. Noho izany, rehefa mijoro ianao eo amin'ny fanatanterahana ireo asa soa ka manao vinavina tsara maro amin'ity tany ity, kanefa navelanao ny fanatanterahana ny vavaka swalàt, dia sahala amin'ny tsy nanao zavatra ianao eo anatrehan'i Allah Tomponao. Ny olona izay namela ny vavaka swalàt dia sahala amin'ny olona "kafir". Efa voaray amin'ny hadith masina ny teny manao hoe:

"الصَّلَاةُ عِمَادُ الدِّينِ، مَنْ أَقَامَهَا فَقَدْ أَقَامَ الدِّينَ وَمَنْ تَرَكَهَا فَقَدْ تَرَكَ الدِّينَ."

"Ny swalàt dia andrin'ny finoana, ka izay nampitsangana azy dia efa nampitsangana ny finoana, ary izay namela azy dia efa namela ny finoana".

Ny swalàt dia fisehoana iray amin'ireo zavatra maneho fampitoviana sy ny fahamarinana ao amin'ilay finoana, satria eo amin'ny fanatanterahana azy dia tsy mampisy fahasamihafana amin'ilay mpitarika sy ireo vahoaka isan-tsokajiny izay tarihiny.

Ny swalàt dia anisan'ny fomba iray mpanakana ny mpino amin'ny asa ratsy, satria ny olona rehefa manatanteraka ny swalàt amin'ny fomba tena izy miaraka amin'ny fahadiovana sy fananam-pinoana sy

fahamarinana ary fahadiovam-po, no sady swalàt mifanaraka amin'ily finoana marina sy feno ireo fepetra rehetra izay takiana aminy, ny olona toy izany dia tsy hahavita ny handainga na hamitaka na hangalatra na koa hampijaly namana sy hampisy korontana eo amin'ny fiaraha-monina.

Marina tokoa fa ny swalàt izay ekena dia miaro ny mpanao azy amin'ny fahotana, satria tsy afaka mitambatra velively ny fankatoavana an'i Allah sy ny fankatoavana ny shaïtwàn.

Ny swalàt no asa tena tian'i Allah aorian'ny fananam-pinoana “imàne”, koa noho izany, dia tsy tsara ho antsika ve ny manokana fotoana iray ho an'i Allah, hanatanterahana ny sitrapony miaraka amin'ny fahatoniana mba hitsinjovana ny fiafarantsika, sy hitadiavana ny fahasambarana eo anatrehany. Fa olombelona manao ahoana loatra moa ny olombelona izay tsy mahatsapa izany ?! Eny, fa mpino manao ahoana moa ny mpino izay mandany fotoana lava mikasika ny fiainana eto antany sy ireo zavatra izay tsy dia manan-danja loatra no sady tsy haharitra nefa mahihitra amin'ily Tompon'ny didy sy ny fandrindrana ireo zavadrehetra; ka tsy mandany fotoana kely akory izy mba hanatanteraka ny sitrapon'ny Tompo, izay miverina amin'ily mpanompo ihany ny tombotsoan'izany, satria mazava ho azy fa i Allah Ilay Avo Indrindra dia tsy manana tombotsoa amin'ny fanompoana ataon'ny mpanompo Aminy.

Anisan'ny habadoana lehibe ny fahihirana amin'ily Mpahary Ambony Indrindra, Ilay Mpanome ny fahasoavana rehetra, ka tsy mahafofy fotoana na dia kely miaraka Aminy. Aoka ho tsaroantsika tsirairay fa ny fiafaran'ny olombelona, na ho any amin'ny paradisa na ho any amin'ny afobe dia miankina amin'ireo swalàt dimy izay tanterahintsika ho an'i Allah ireo. Koa noho izany, ny olona salama saina dia mila vonona sy manomana ny tenany mialoha mba hiatrika ilay andro farany, dia ilay andro izay tsy hisy ilàna ny harena na ny zanaka, afa-tsy izay tonga eo anatrehan'i Allah amin'ny fo tony sy ny asa soa. Hamafisina fa ny swalàt dia fisaorana ho an'i Allah, Ilay Mpanome fahasoavana, ny swalàt ihany koa dia zavatra mavesa-danja amin'ily finoana na “dïne”, ary ny “dïne” dia zavatra voajanahary izay midika ho fanetren-tena tanteraka ho an'Ilay Mpahary ny lanitra sy ny tany.

Niteny ilay Irak'i Allah (saw) manao hoe:

"وَلِكُلِّ شَيْءٍ وَجْهٌ وَجْهُهُ وَ وَجْهٌ دِينِكُمْ الصَّلَاةُ"

"Ny zava-drehetra dia manana ny endriny, ary ny endriky ny finoanareo dia ny swalàt."

قَالَ أَمِيرُ الْمُؤْمِنِينَ عَلَيْهِ السَّلَامُ فِي الْحَتِّ عَلَى الصَّلَاةِ وَالْتِرْغِيبِ بِهَا :
تَعَاهَدُوا أَمْرَ الصَّلَاةِ وَتَقَرَّبُوا بِهَا وَحَافِظُوا عَلَيْهَا وَاسْتَكْبَرُوا مِنْهَا، فَإِنَّهَا كَانَتْ عَلَى
الْمُؤْمِنِينَ كِتَابًا مَوْفُوتًا، أَلَا تَسْمَعُونَ إِلَى جَوَابِ أَهْلِ النَّارِ حِينَ سُئِلُوا مَا سَلَكَكُمْ فِي
سَقَرٍ، قَالُوا لَمْ نَكُ مِنَ الْمُصَلِّينَ، وَإِنَّهَا لَتَحْتِ الدُّنُوبِ حَتَّ الْوَرَقِ وَتُطْفِقُهَا إِطْلَاقَ
الرَّبِيقِ وَشَبَّهَهَا رَسُولُ اللَّهِ (ص) ، بِالْحَمَّةِ تَكُونُ عَلَى بَابِ الرَّجُلِ فَهُوَ يَغْتَسِلُ مِنْهَا فِي
الْيَوْمِ وَاللَّيْلَةِ حَمْسَ مَرَّاتٍ، فَمَا عَسَى أَنْ يَبْقَى عَلَيْهِ مِنَ الدَّرَنِ وَقَدْ عَرَفَ حَقَّهَا
رَجَالٌ مِنَ الْمُؤْمِنِينَ الَّذِينَ لَا يُشْغَلُهُمْ عَنْهَا زِينَةُ مَتَاعٍ، وَلَا قُرَّةُ عَيْنٍ مِنْ وُلْدٍ وَلَا مَالٍ."

Dikany : Nilaza ilay Filohan'ireo mpino mikasika ny famporisihina amin'ny swalàt, nanao hoe : mandraisa andraikitra ianareo mikasika ny swalàt, ary manatona -an'i Allah- amin'ny alalany, ary arovinareo izy sy manaova azy betsaka. Tena marina ny swalàt dia voasoratra ara-potoana ho an'ireo mpino. Tsy renareo ve ny valitenin'ireo olon'ny afo rehefa nanontaniana izy hoe: inona no mahatonga anareo tarihina mankany amin'ny Saqara -afobe-? Dia hamaly izy ireo hoe: tsy anisan'ireo izay nanatanteraka ny swalàt izahay. Ary hamafisina fa ny swalàt dia mampihintsana ny fahotana sahala amin'ny fihintsanan'ny ravinkazo, sy mandroaka ny fahotana sahala amin'ny fandroahana ny andevo ary ny Irak'i Allah (s.a.w) dia nanao fanoharana ny swalàt amin'ny loharano izay eo akaikin'ny varavaran'ny olona ka mandro andro aman'alina amin'io rano io in-dimy isan'andro izy; koa angamba tsy azo eritreretina fa mbola hisy loto tavela amin' izany olona izany. Eny, efa nahafantatra ny zon'ny swalàt ireo mpino lehibe izay tsy manaiky ho variana amin'ny rendrarendra na amin'ny zanaka sy harena ka manadino ny swalàt."

Hoy indrindra i Allah milaza manao hoe :

"رَجَالٌ لَا تُلْهِيُهُمْ تِجَارَةٌ وَلَا بَيْعٌ عَنْ ذِكْرِ اللَّهِ وَ إِقَامِ الصَّلَاةِ وَ إِيْتَاءِ الزَّكَاةِ"¹

¹سورة النور. الآية: 37

Dikany: “Misy ireo olona izay tsy variana amin’ny varotra, na amin’ny takalo, ka miala amin’ny fahatsiarovana an’i Allah sy ny fanatanterahana ny swalàt ary ny fanomezana ny harena fiantrana”.

Ilay Irak’i Allah dia nanome lanja lehibe ny swalàt, indrindra taorian’ny nahazoany vaovao mahafaly arak’ily tenin’i Allah manao hoe:
"وَأْمُرْ أَهْلَكَ بِالصَّلَاةِ وَاصْطَبِرْ عَلَيْهَا"¹.

Dikany: “Amporisio ny fianankavianao amin’ny fanatanterahana ny swalàt, ary miareta ihany koa ianao amin’izany.”

Farany, dia mangataka amin’ny Tompo isika mba tsy haviliny amin’ny fahaverezana ny fontsika, satria marina dia marina fa Izy Allah no Ilay Mpamindra fo.

"رَبَّنَا لَا تُزِغْ قُلُوبَنَا بَعْدَ إِذْ هَدَيْتَنَا وَهَبْ لَنَا مِنْ لَدُنْكَ رَحْمَةً إِنَّكَ أَنْتَ الْوَهَّابُ".
وَ سَلَامٌ عَلَى الْمُرْسَلِينَ وَالْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ

¹سورة طه. الاية: 132

Ireto misy dou'an vitsivitsy izay tsara atao amin'ny fotoana rehetra.

1- رَبَّنَا آتِنَا فِي الدُّنْيَا حَسَنَةً، وَفِي الآخِرَةِ حَسَنَةً، وَقِنَا عَذَابَ النَّارِ وَصَلِّ عَلَيَّ مُحَمَّدٍ وَآلِهِ الْأَبْرَارِ.

2- رَبِّ أَوْزِعْنِي أَنْ أَشْكُرَ نِعْمَتَكَ الَّتِي أَنْعَمْتَ عَلَيَّ وَعَلَى وَالِدَيَّ. وَأَنْ أَعْمَلَ صَالِحاً تَرْضَاهُ. وَأَدْخِلْنِي بِرَحْمَتِكَ فِي عِبَادِكَ الصَّالِحِينَ.

3- فَاطِرَ السَّمَاوَاتِ وَالْأَرْضِ. أَنْتَ وَلِيِّي فِي الدُّنْيَا وَالْآخِرَةِ ، تَوَفَّيْ مُسْلِماً ، وَالْحَقِيْبِي بِالصَّالِحِينَ.

4- اَللّٰهُمَّ صَلِّ عَلَيَّ مُحَمَّدٍ وَآلِ مُحَمَّدٍ، وَاجْعَلِ النُّوْرَ فِي بَصْرِي ، وَالْبَصِيْرَةَ فِي دِيْنِي ، وَالْيَقِيْنَ فِي قَلْبِي ، وَالْاِخْلَاصَ فِي عَمَلِي، وَ السَّلَامَةَ فِي نَفْسِي، وَالسَّعَةَ فِي رِزْقِي ، وَارْزُقْنِي الشُّكْرَ لَكَ اَبَدًا مَا اُبْقَيْتَنِي.

5- اَللّٰهُمَّ اهْدِنَا مِنْ عِنْدِكَ ، وَافْضْ عَلَيْنَا مِنْ فَضْلِكَ ، وَاَنْشُرْ عَلَيْنَا مِنْ رَحْمَتِكَ ، وَاَنْزِلْ عَلَيْنَا مِنْ بَرَكَاتِكَ . اَللّٰهُمَّ اَعِنَّا مِنَ النَّارِ وَاَدْخِلْنَا الْجَنَّةَ وَوَقِّفْنَا لِمَا يَرْضِيكَ عَنَّا.

6- اَللّٰهُمَّ اِنِّ رَحْمَتَكَ اَرْجِيْ مِنْ عَمَلِي ، وَاِنَّ مَغْفِرَتَكَ اَوْسَعُ مِنْ ذَنْبِي . اَللّٰهُمَّ اِنِّ كَانَ ذَنْبِي عِنْدَكَ عَظِيْمًا فَعَفُوْكَ اَعْظَمُ مِنْ ذَنْبِي . اَللّٰهُمَّ اِنِّ لَمْ اَكُنْ اَهْلًا اَنْ اُبْلَغَ رَحْمَتَكَ، فَرَحْمَتُكَ اَهْلٌ اَنْ تَبْلُغَنِي وَ تَسْعَنِي لِاَنَّهَا وَسِعَتْ كُلَّ شَيْءٍ بِرَحْمَتِكَ يَا اَرْحَمَ الرَّاحِمِيْنَ.

7- اَللّٰهُمَّ اِنِّيْ اَعُوْذُ بِكَ مِنْ شَرِّ نَفْسِيْ فَاِنَّ النَّفْسَ لِاَمَّارَةٌ بِالسُّوْءِ اِلَّا مَا رَجَمَ رَبِّيْ. وَاَعُوْذُ بِكَ مِنْ شَرِّ الشَّيْطَانِ الَّذِي يَزِيْدُنِيْ ذَنْبًا اِلَى ذَنْبِي.

قِصَّةُ

Tantara

النُّبُوَّةُ

Ny faminiana

F- Iza no mitaiza ny zazakely?

V- Ny ray aman-dreniny.

F- Iza no mampianatra ny ankizy?

V- Ny mpampianatra.

F- Iza no mampiely ny finoana amin'ny olona?

V- Ny Mpaminany.

Ny mpaminany dia irak'i Allah nalefany mba hampianatra ny olona ny hatsarana sy ny fahalalam-pomba; ireo Mpaminany nalefan'i Allah dia maro tokoa ka anisan'izy ireo: i Nouh (a.s), Ibrahim (a.s), Moussa (a.s), Issa (a.s), Mouhammad (s.a.w).

وِلَادَةُ النَّبِيِّ مُوسَى (ع)

Fahaterahan'ny Mpaminany Moussa (a.s)

Tao amin'ny tanànan'i Egypta dia nisy vahoaka antsoina hoe: “Bani Israïl”, izany hoe ireo taranak'Israëly. Ary nisy mpanjaka iray antsoina hoe Fir'aona, tena ratsy fanahy lozabe sy mpanageja no nanjaka teo amin'izy ireo. Indray andro, tonga teo aminy ny iray tamin'ireo ombiasany, nilaza nanao hoe: ry ilay mpanjakan'ny mpanjaka, amin'izao vanim-potoana iainantsika izao dia hisy zaza hateraka amin'ireo Bani Israëly izay ho avy hamono anao.

Tezitra mafy ilay mpanjaka ka naniraka sy nanome baiko ireo miaramilany hamono sy hampamono ireo zazakely rehetra teraka amin'ny taranak'Israëly, ary dia notanterahin'ireo miaramila ny baikony ka maro ireo zaza maty tamin'izany.

Teo amin'io tanàna io anefa, dia nisy vehivavy mpino, tsara fanahy, bevohoka ary natahotra mafy amin'ny hamonoana ny zanany. Nanafina ny kibony nandritra ny fotoana vitsivitsy izy, ary nangataka tamin'i Allah mba hanavotra ny zanany, koa dia nandefa hafatra taminy i Allah mba hampiditra ny zanany ao anaty vatakely raha vao teraka, ka hametraka izany eny ambonin'ny ranomasina. Notanterahan'ny renin'i Moussa tokoa izany baiko izany, ka naniraka ny zanany vavy antsoina hoe: Koulthoum izy mba hanara-maso ny fizotran'ilay vatakely, izay nentin'ny onja hatreny amin'ny fari-dranomasina eo amin'ny sisiny misy ny tranon'i Fir'aona. Tamin'izany fotoana izany indrindra dia teo i Assiah vadin'i Fir'aona, nitsangatsangana teo amorony amin'ny sisin-dranomasina. Izy dia tsy mbola nanan-janaka, izy ihany koa dia anisan'ireo mpanompo mpino marina sy mpivavaka amin'i Allah tokana.

Rehefa hitan'i Assiah ilay vatakely dia naniraka ireo miaramila izy mba hitondra izany eo aminy. Nosokafany ilay vata, ka zaza mahafinaritra, feno fahadiovana sy fahamasinana no hitany. Tafiditra tao am-pony ny fiantrana sy ny fitiavana azy, ka naniry mafy ny hitaiza azy izy, mba hanangana azy ho zanaka. Fantatr'i Fir'aona ilay mpanageja anefa ny momba ilay zaza ary nikasa ny hamono azy izy, fa nanambitamby azy ny vadiny ary niteny taminy hoe: tsy nanan-janaka isika, koa avelao izy ho tezaintsika ka hatsangantsika ho zanaka hanala ny sorisory. Nanaiky izany i Fir'aona, fa ny olana mipetraka dia hoe: iza no hampinono an'ilay zaza? Nampiantso vehivavy maromaro mba hampinono azy i Fir'aona fa tsy nanaiky ny hinono na dia iray tamin'izy ireny aza i Moussa (a.s). Teo i Koulthoum, anabavin'i Moussa (a.s) nahita ny fandavan'ilay anadahiny ny finonoana tamin'ireo vehivavy saika hampinono azy. Koa nanatona ary nanontany izy hoe: tianareo ve ny hitadiavako vehivavy hampinono azy? Dia namaly izy ireo hoe: tena mahafaly anay izany. Avy eo, dia lasa ny anambavin'i Moussa (a.s) nanatona an-dreniny ary nitantara taminy izany rehetra izany, ka tonga ny reniny nampinono ny zanany, nampisakafo, nitaiza, ka naneho fiantrana tena lehibe taminy mandra-pahalehibe sy nahatonga azy ho irak'i Allah.

نَبِيُّنَا مُحَمَّدٌ (ص)

Ny Mpaminantsika Mouhammad (s.a.w)

Ny mpaminany Mouhammad (s.a.w) no farany tamin'ireo Mpaminany, teraka tao Makka Al-Moukarramah ary maty tao Madina Al-Monawwàrah.

Ny rainy : AbdouLLAH.

Ny reniny: Aminah Bint Wahab.

Ny raibeny: Abdoul-Moutwallib.

Ny dadatoany: Abou Twàlib.

Ny vadiny: Khadidjah Bint Khouwailid.

Ny zanany vavy: Fàtwimatouz-Zahrà.

قِصَّةُ

Tantara

النَّبِيُّ مُحَمَّدٌ فِي غَارِ حِرَاءِ

Mpaminany Mouhammad (s.a.w) tao an-davabaton'i Hirà

Ny olona tao Makka dia nanompo sampy, nanageja ny mahantra, ary nampijaly ny andevo, namono ireo zaza amam-behivavy sy ny ankizy madinika, ary i Mouhammad (s.a.w) dia niaina teo anivon'izy ireo ka nitondra vesatra tao am-pony izany fomba sy fihetsika ratsy nataon'ireo vahoaka izany. Izy dia manana fahazarana mandeha manalavitra ny tanàna sy mitoka-monina mba hanompo an'i Allah sy handinika ireo zava-boahary. Koa indray andro, dia niala teo an-tanànany Izy, ka tonga tamin'ny toerana eo amin'ny vohitra iray antsoina hoe: Ghàri Hirà, mba hanompo sy handinika an'ireo zava-boaharin'i Allah toy ny lanitra sy ny tany, ny masoandro, ny volana, ireo kintana, ireo vohitra, ireo renirano, ny ranomasina, ny zava-maniry, ny olombelona ...sns.

Nanontany ny tenany izy hoe:

مَا أَعْظَمَ هَذِهِ الْمَخْلُوقَاتِ ! وَمَا أَعْظَمَ خَالِقَهَا الْكَبِيرَ !

“Tena goavana ireto zava-boahary ireto izany! Ary tena goavana Ilay Mpahary azy ireo izay Lehibe tokoa!”

Koa indray andro Izy (s.a.w), teo amin’ny fanompoana sy fandinihana dia nahare feo niantso Azy nanao hoe: Ry Mouhammad, vakio! Kanefa tsy nahay mamaky teny sy nanoratra i Mouhammad (s.a.w) koa gaga sy talanjona Izy no sady nijery ny manodidina fa tsy nahita zavatra. Avy eo, nijery ny lanitra Izy, ka nahita hazavana nipoitra avy eny. Namaly Izy no sady nijery ny lanitra ka niteny nanao hoe:

وَمَا أَنَا بِقَارِيءٍ .

“Tsy mahay mamaky teny aho ”.

Tonga fanindroany sy fanintelony ilay feo ary izy namaly hatrany hoe: “tsy mahay mamaky teny aho”. Farany, ilay feo niteny taminy hoe:

اقْرَأْ بِسْمِ رَبِّكَ الَّذِي خَلَقَ.

“Vakio amin’ny anaran’ny Tomponao, Ilay Nahary”.

Io feo io dia feon’ily Anjely Djibraïl (a.s) izay nalefan’i Allah mba hampilaza amin’i Mouhammad (s.a.w), fa Izy dia anisan’ireo Mpaminaniny sy ireo Irany. Rehefa niverina tany amin’ny tranony i Mouhammad (s.a.w) dia nitantara tamin’i Khadidja vadiny izay zavatra nitranga. Faly dia faly izy ary nankasitraka tokoa, no sady nino Azy sy nanaraka ny finoany.

Atao tsianjery لِلْحِفْظِ:

أَخْلَاقُ الْمُسْلِمِ

نَظِيفٌ وَ مُهَدَّبٌ	الْمُسْلِمُ إِنْسَانٌ
وَلَا يَكْذِبُ	يَقُولُ الصِّدْقَ
وَلَا يَخُونُ	يُؤَدِّي الْأَمَانَةَ
وَلَا يَسُبُّ أَوْ يَسْتُمُّ	يَتَكَلَّمُ الْكَلَامَ الْجَمِيلَ
وَلَا يَعْصِي لَهَا أَمْرًا	يُطِيعُ وَالِدَيْهِ
وَلَا يُؤْذِيهِمْ	يُحْسِنُ إِلَى جِيرَانِهِ
يَعْمَلُ الْخَيْرَ وَ يَتْرُكُ الشَّرَّ	الْمُسْلِمُ إِنْسَانٌ

Toetran'ny mpino silamo

Ny mpino silamo dia olombelona,

Madio sy hendry

Miteny marina,

Tsy mandainga

Mpanatanteraka toky,

Tsy mamitaka

Miresaka tsara,

Tsy manompa na manaratsy

Mankato ray aman-dreny,

Tsy manohitra ny baikon'izy ireo

Manao soa amin'ny mpifanolobodirindrina aminy,

Tsy mampijaly azy ireo

Ny mpino silamo dia olombelona manao ny tsara,

Sady tsy manao ny ratsy

قِصَّةٌ

Tantara

مِنْ أَخْلَاقِ النَّبِيِّ (ص)

Anisan'ny fahalalam-pomban'ny Mpaminany (s.a.w)

Ny Mpaminany Mouhammad (s.a.w) dia niantso ny vahoakany mba hanompo an'i Allah tokana ka hiala amin'ny fanompoan-tsampy sy ny fahazaran-dratsy isan-karazany. Nandà mafy ny antsony ny vahoaka tamin'izany ka niziriziry tamin'ny fanoherana sy fanarabiana ary fampijaliana sy fitoraham-bato Azy mihitsy aza. Na dia ireo mpifanolobodirindrina taminy aza dia nampijaly Azy, ka tonga hatramin'ny fahasahian'izy ireo nametraka tsilo sy fako maloto teo amin'ny lâlany sy teo amin'ny varavaran'ny tranony. Niaritra sy nangina ary nandefitra, tsy namaly ilay fampijaliana natao taminy anefa ilay Mpaminany (s.a.w).

Indray andro Izy (s.a.w) nivoaka tao amin'ny tranony nefa tsy nahita ireo tsilo sy loto izay matetika fahitany teo amin'ny lâlana

fandalovany. Gaga sy talanjona tamin'izany Izy ka nanontany ny antony tamin'ireo mpanara-diany, ary dia namaly Azy izy ireo hoe: marary anie ilay mpifanolobodirindrina aminao izay nanao ireny r'ilay Irak'i Allah. Teo noho eo ny Mpaminany (s.a.w) dia nitaona ireo mpanara-diany mba hiaraka Aminy handeha hamangy azy satria ny fanaovana tsara amin'ny mpifanolobodirindrina, sy ny famangiana ny marary, ary ny fandeferana amin'ilay nanao ratsy dia anisan'ny fahalalam-pomba lehibe eo amin'ny mpino silamo. Tonga tao an-tranon'ilay narary ny Mpaminany (s.a.w) niaraka tamin'ireo mpanara-diany ary niarahaba azy no sady nanontany ny fahasalamany, ary koa nangataka fahasalamana ho azy haingana. Menatra no sady nalahelo mafy ny tenany ilay marary, ka tena nanao fialatsiny tokoa tamin'ny Mpaminany (s.a.w) mikasika ireo fihetsika ratsy rehetra nataony taminy, avy eo izy tsy nisalasala intsony niteny nanao hoe:

يَا رَسُولَ اللَّهِ، أَشْهَدُ أَلَّا إِلَهَ إِلَّا اللَّهُ، وَأَشْهَدُ أَنَّكَ رَسُولُ اللَّهِ.

“Ry ilay irak'i Allah, izaho dia manaiky marina fa tsy misy Andriamanitra afa-tsy i Allah, ary izaho dia manaiky tokoa fa Ianao dia Irak'i Allah”.

Eto dia hita ny fampianarana nasehon'ny Mpaminany (s.a.w), mikasika ny fahalalam-pomba sy toetra tsara ary modely tokony hananan'ny mpino silamo, ary hita ihany koa ny fiaretany sy ny fanambanian-tenany, satria nahatonga ilay olona ratsy toetra sy mpitsipaka an'i Allah ho nivadika ka lasa olo-mpino tsara.

دُعَاءُ:

رَبِّ اغْفِرْ لِي وَلِوَالِدَيَّ وَارْحَمْنِي وَارْحَمَهُمَا كَمَا رَبَّيْتَنِي صَغِيرًا.

Tompo ô, mamela ahy sy ireo ray aman-dreniko, ary mamindra fo ahy sy ho azy ireo sahala amin'ny nitaizan'izy ireo ahy fony fahakely.

النَّبِيُّ إِبْرَاهِيمُ (ع) وَعِبَادَةُ الْأَصْنَامِ

Ny Mpaminany Ibrâhîm (a.s)

sy ny fanoherany ireo fanompoan-tsampy

Tamin'ny vanim-potoan'ny Mpaminany Ibrâhîm (a.s) dia nanjaka ny fanompoan'ireo vahoaka ny sampy ary nanolotra fanatitra ho amin'izany mihitsy izy ireo. Ny Mpaminany Ibrâhîm kosa dia nanarabiraby azy ireo tamin'ny fanompoan'izy ireo ny sampy izay vato tsy mahita no sady tsy maheno, tsy mahay miteny ary tsy afa-mihetsika, ka nijoro niantso azy ireo mba hanompo an'i Allah Tokana Mpahary ny zava-drehetra, nefa tsy nankato Azy ireo vahoaka ireo, fa niziriziry ary nanohy ny fanompoana mahazatr'azy ireo.

Nony tonga ny andro fety anankiray, rehefa variana tany ivelan'ny tanàna ny olona, dia nandeha ny Mpaminany Ibrâhîm tao amin'ilay trano fivavahan'izy ireo, ary namotipotika ireo sampy rehetra tamin'ny famaky afa-tsy ilay sampy lehibe izay nanantonany ilay famaky teo amin'ny vozony.

Koa rehefa niverina ny olona ny hariva handeha hivavaka, nahita ireo sampy potipotika dia tezitra ary nitolona mafy mandra-pahatonga azy ireo teo amin'ny mpanjakan'izy ireo izay nantsoina hoe Namroud mba hitaraina aminy ny zava-nitranga. Nanontany azy ireo i Namroud hoe: iza no nanao izany? Nanondro an'Ibrâhîm izy ireo. Avy eo dia lasa ireo vahoaka nikaroka Azy, ka nitondra Azy tany amin'ny tranon'ny mpanjaka. Koa nametraka fanontaniana taminy izy ireo hoe: ry Ibrâhîm, Ianao ve no nanao izany tamin'ireo andriamanitray? Namaly azy ireo Izy hoe: ny lehiben'izy ireo no nanao izany fa hanontanianareo izy?

Nanomboka nifampijerijery ny olona no sady niteny hoe: ahoana no hahafahantsika manontany azy kanefa izy tsy mahay miteny? Avy eo, tezitra tamin'i Ibrâhîm izy ireo ka nanapan-kevitra ny handoro azy tamin'ny afo mba ho famaliana faty ny sampin'izy ireo.

Lasa ny olona nanangona kitay tamin'ny toerana rehetra, avy eo dia nampirehetin'izy ireo ny afo ka nalain'izy ireo Ibrâhîm ary natsipy tao

amin'ilay afo. Fa i Allah kosa nahita ny zavatra rehetra nataon'ireo vahoaka dia niaro an'ilay Mpaminany ka nodidiany ilay afo nanao hoe:

"يَا نَارِ، كُونِي بَرْدًا وَسَلَامًا عَلَىٰ إِبْرَاهِيمَ".

Izay midika hoe: " Ô r'ilay afoko, meteza mba hangatsiatsiaka sy handry fahalemana amin'Ibrâhîm".

Teo noho eo, dia nivadika zaridaina izay nisy hazomaniry sy renirano ary rivotra tsara ilay afo. Koa rehefa maty ilay afo, tonga ny olona nijery ka nahita an'Ibrâhîm tamin'ny endrika miramirana, feno fahandriam-pahalemana sy fahasalamana tsara, ary gaga ny sasany tamin'izy ireo ka niteny nanao hoe: tena Mpaminany marina tokoa Izy ity. Avy eo, dia niditra nanaraka ny finoan'Ibrâhîm izy ireo ary lasa nivavaka amin'i Allah tokana.

Rehefa nahalala izany i Namroud dia natahotra mafy ny amin'ny fanjakany ho voahozongozona ka voatery izy nandroaka an'Ibrâhîm sy ny mpanara-diany hiala tao amin'ilay tanànanany.

Atao tsianjery **لِلْحِفْظِ**:

"رَبِّ اجْعَلْنِي مُقِيمَ الصَّلَاةِ".

أَوْقَاتُ وَرَكَعَاتُ الصَّلَاةِ

Ireo fotoana sy raka'ante amin'ny swalât

Ny mpino silamo dia mivavaka in-dimy isan'andro, ary izany dia:

-Ny swalâtous-swoubh: raka'ante roa, ary ny fotoana natokan'i Allah hanatanterahana azy dia manomboka amin'ny mangirandratsy ka hatramin'ny fiposahan'ny masoandro.

-Ny swalâtoudh-dhwouhr: raka'ante efatra

-Ny swalâtoul-answr: raka'ante efatra

Ireo swalât roa ireo dia mikambana amin'ny fotoana anankiray. Izany dia miatomboka amin'ny mitatao vovonana ka hatramin'ny

filentehan'ny masoandro, fa ny swalàtoudh-dhwouhr no tsy maintsy atao mialoha.

-Ny swalàtoul-maghrib: raka'ante telo

-Ny swalàtoul-inchè: raka'ante efatra

Ireo swalàt roa ireo dia mikambana ihany koa amin'ny fotoana anankiray. Izany dia manomboka amin'ny filentehan'ny masoandro aorian'ny fialàn'ilay soritra mena eny atsinanana ka hatramin'ny misasak'alina, fa ny swalàtoul-maghrib no tsy maintsy atao alohan'ny inchè.

Amin'ny swalàt rehetra izay atao, ny mpivavaka silamo dia wadjib ny famakiana ny “souratoul-fâtihah” eo amin'ny raka'anh voalohany sy faharoa. Ary toy izao izany souratoul-fâtihah:

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ
الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ * الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ *
مَالِكِ يَوْمِ الدِّينِ * إِيَّاكَ نَعْبُدُ وَإِيَّاكَ نَسْتَعِينُ *
إِهْدِنَا الصِّرَاطَ الْمُسْتَقِيمَ * صِرَاطَ الَّذِينَ أَنْعَمْتَ عَلَيْهِمْ
* غَيْرِ الْمَغْضُوبِ عَلَيْهِمْ وَلَا الضَّالِّينَ *

Bismillahir-Rahmànir-Rahîm

Al-hamdou lillâhi Rabbil-âlamîn. Ar-Rahmànir-Rahîm.

Mâlîki yawmid-dîn. Iyyàka naenboudou wa Iyyàka nasta'in.

Ihdenas-swiràtwal-moustaqîm. Swiràtwal-ladhîna an'anmta anlâihim,
ghâiril-maghlwoûbi anlâihim wa lal-lwàllîn.

Fanazarana

Ampifanohizo ireto teny manaraka ireto mba hanome ny heviny marina:

1-swalat soubh raka'ant telo

2-swalàt al-maghrib raka'ant efatra

3-swalat al-answr raka'ant roa

جَوَارُ

Fifamalian-dresaka

مِنْ آدَابِ الْمُسْلِمِ

Anisan'ny fahalalam-pomban'ny mpino silamo

Indray andro, nisy ankizy iray antsoina hoe Yàsir, nahita olona antitra mila miampita amin'ny lalana fa tsy afaka, nohon'ny ankamaroan'ireo fiara nifamezivezy. Nanatonin'i Yàssir ilay anti-dahy ary hoy izy taminy:

"السَّلَامُ عَلَيْكَ أَيُّهَا الْجَدُّ الْجَلِيلُ".

“Ny fahandriam-pahalemana anie ho aminao, ry dadabe hajaina”.

Namaly azy ilay anti-dahy hoe:

"وَعَلَيْكَ السَّلَامُ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ"

“Ary ho aminao anie ny fahandriam-pahalemana sy ny indrafon'i Allah ary ny fahasoavany”.

Koa niteny tamim-panajana sy fahendrena taminy i Yàsir nanao hoe:

"أَتَسْمَحُ يَا جَدُّ بِمُسَاعَدَتِكَ عَلَى عُبُورِ الشَّارِعِ؟"

“Ekenao ve ry dadabe ny hanampiano anao mba hiampita lalana?”

Namaly ilay dadabe hoe :

"نَعَمْ يَا وَلَدِي الْعَزِيزَ، وَسَأَكُونُ لَكَ مِنَ الشَّاكِرِينَ".

“Eny, ry zafiko malala, ary ho anisan'ny mpankasitraka anao aho.”

Niteny indray i Yàssir hoe:

"هَاتِ يَدَكَ"

“Omeo ahy àry ny tànanao.

Dia nentin'i Yàssir niampita hatreny amin'ny sisin-dàlana ilay anti-dahy, avy eo inty farany dia niteny nanao hoe:

"شُكْرًا جَزِيلًا، جَزَاكَ اللهُ خَيْرًا".

“Misaotra betsaka, omen’i Allah fahasoavana maro anie ianao.”

Namaly azy i Yàssir, nanao hoe:

"لَا يَا جَدُّ، لَا شُكْرًا عَلَى وَاجِبٍ، لَقَدْ قُفْتُ بِوَاجِبِي، وَأَنَا بِخِدْمَتِكَ وَخِدْمَةِ كُلِّ الضُّعَفَاءِ الْمُؤْمِنِينَ".

“Tsia, ry dadabe. Tsy tokony hisaorana ny adidy tsy maintsy atao. Adidiko no notanterahiko ary izaho dia vonona hatrany ny hanampy anao sy ny mpino rehetra izay osa...”

Farany, nanoroka an’i Yàssir ilay anti-dahy ary niteny taminy nanao hoe:

"بَارَكَ اللهُ فِيكَ وَصَاحِبَيْتِكَ السَّلَامَةَ".

“Ho tahian’i Allah anie ianao ary hiaraka aminao hatrany ny fahandriam-pahalemana.”

Atao vakinteny لِلْفِرَاءَةِ:

"سُبْحَانَ اللهِ وَالْحَمْدُ لِلَّهِ وَلَا إِلَهَ إِلَّا اللهُ وَاللهُ أَكْبَرُ"

الرِّفْقُ بِالْحَيَوَانَ

Ny fiantrana amin'ny biby

Ny biby dia sahala amin'ny olombelona, zava-boahary manana nofo aman-drà sy taolana.

Ny biby dia sahala amin'ny olombelona, mahatsiaro noana sy mangetaheta, marary ary mahatsapa mangotsoka.

Ny mpino silamo dia miantra ny biby ka tsy mikapoka azy, tsy mampijaly na mampiady azy, koa rehefa mangetaheta izy dia manome rano azy, rehefa noana izy dia mampihinana sakafo azy, rehefa marary izy dia mitsabo azy.

Allah, Ilay Avo Indrindra dia mibaiko antsika hitia sy hiantra ny biby, satria iray amin'ireo zava-boaharin'i Allah izy. Fanampin'izany, ny biby manampy ny olombelona eo amin'ny fivelomany manontolo, eo amin'ny famboleny, ny fitanterana sy famindrana ny entany, ny rononiny dia sotroin'ny olombelona, ny nofony sy ny atodiny atao sakafo, ary ny hodiny sy ny volony dia mbola ahazoan'ny olona tombon-tsoa lehibe ... sns.

قصة

Tantara

Nisy vehivavy iray nanana saka ka nampijaly azy fatratra, tsy nanana fiantrana na indrafo taminy. Indray andro, nohon'ny hatezerana nahazo an'io vehivavy io dia nalainy ilay saka ka nogadrainy tamin'ny toerana maizina tsy misy sakafo no sady tsy misy rano. Nihodikodina teo amin'ilay toerana nisy azy ilay saka nitady fivoahana fa tsy nahita ka dia reraka sy nalemy, tsy afa-nihetsika intsony, ary farany dia nitarika hatrany amin'ny fahafatesany izany. Niakatra tany amin'ilay Mpahary ny fanahiny, nitaraina nohon'ny fanagejàna nataon'ilay vehivavy taminy. Koa nandefa hafatra tamin'ilay Mpaminany izay niaina tamin'io vanim-

potoana io i Allah fa izany vehivavy izany dia hampidirina any amin'ny afobe satria nampijaly ilay biby tsy manan-tsiny.

Indray andro, ny Mpaminany no nanao dia lavitra niaraka tamin'ireo mpanara-diany, ka nisy fody iray niaraka tamin'ny zanany roa teo afovoan'ny lâlana. Nalain'ny sasany tamin'ireo mpanara-diany ireo zanany roa ireo, ary ilay reniny dia tavela ka lasa nihodikodina manodidina teny ambony niaraka tamin'ny halahelo sy hotsoka. Nahita izany ny Mpaminany dia niantra azy ary niteny tamin'ireo mpanara-diany hoe: “iza aminareo no nampijaly ity fody ity amin'ny zanany? Avereno aminy ny zanany!”

Atao tsianjery **لِلْحِفْظِ** :

"إِرْحَمُوا مَنْ فِي الْأَرْضِ يَرْحَمَكُم مَّن فِي السَّمَاءِ"

Dikany: “Mamindra fo amin'izay ety an-tany ianareo, dia hamindra fo anareo izay any an-danitra”.

الْكَعْبَةُ قِبْلَةُ الْمُسْلِمِينَ

Ny Kaenbah fitodihan'ireo silamo

Makka ilay tanàna masina dia any amin'ny faritra arabo. Ao amin'io tanàna io no ahitana ny Masdjidoul-haràm, ary eo afovoan'ny Masdjidoul-haràm no misy an'ilay Kaenbah masina.

Ny voalohany nanangana ny Kaenbah dia ny Mpaminany Ibrahîm (a.s), ary nanampy tamin'ny fanamboarana Azy dia ny zanany lahy ny Mpaminany Ismaël (a.s). Ny Kaenbah dia fitodihan'ireo mpino silamo, izay itodihan'izy ireo amin'ny fotoan'ny swalât ary fanaovan'izy ireo ihany koa ny “twawâf” amin'ny fotoan'ny hadj.

تَمْرِينٌ

Fanazarana

Fanotania:

- 1-Inona no anaran'ilay tanàna masina any amin'ny faritra arabo?
- 2-Inona no hita eo afovoan'ny Masdjidoul-haràm?
- 3-Iza no olona voalohany nanamboatra ny Kaenbah?
- 4-Iza no nanampy Azy tamin'ny fanamboarana ny Kaenbah?
- 5-Inona no fitodihan'ireo mpino silamo rehefa manao swalât?
- 6-Amin'ny fotoan'ny hadj, manao inona eo amin'ny Kaenbah ny silamo?

أَدَابُ إِسْلَامِيَّةٌ

Fitondrantena islamika

Ahmad dia ankizy silamo, hendry sy mahalala fomba. Rehefa mifanena amin'i Ali namany i Ahmad, dia miteny manao hoe:

"السَّلَامُ عَلَيْكُمْ".

"As-salàmou anlaïkoug" ¹

Koa mamaly azy i Aly hoe:

"وَعَلَيْكُمْ السَّلَامُ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ."

"Wa anlaïkoumous-salàmou wa rahmatoullàhi wa barakàtoug"²

Rehefa manomboka misotro rano na misakafo na mianatra i Ahmad dia miteny manao hoe:

"بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ"

"Bismillàhir-Rahmànir-Rahïm"³

Rehefa tapitra ny fisakafoanana na ny fisotroana, na ny fianarana dia miteny hoe:

"الْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ"

"Al-hamdoug lillàhi Rabbil-ànlamïn"⁴

Mamaky matetika toko na sourat vitsivitsy ao amin'ny Qour'an i Ahmad, ary rehefa manomboka mamaky ny Quor'an izy dia miteny manao hoe:

"أَعُوذُ بِاللَّهِ مِنَ الشَّيْطَانِ الرَّجِيمِ"

"A'oundhou billàhi minash-shaïtwànir-radjim"⁵

¹ Ny fahandriam-pahalemana anie ho aminao.

² Ary ho aminao anie ny fahandriam-pahalemana sy ny indrafon'i Allah ary ny fahasoavany.

³ Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be Fiantrana, Ilay Be Indrafo".

⁴ Ny dera sy ny laza dia ho an'i Allah Tompon'izao tontolo izao.

⁵ "Mangataka fiarovana amin'i Allah aho noho ilay shaïtwàn voaozona".

جَوَارُ

Fifamalian-dresaka

أَحْمَدُ فِي زِيَارَةِ صَدِيقِهِ عَلِيٍّ

Ahmad ao anatin'ny famangiana an'i Ali namany

Indray andro i Ahmad namangy an' ilay namany i Ali ao amin'ny tranony, ka nahita ny varavarany nivoha fa tsy nahasahy niditra satria i Allah ao anatin'ny Qur'an, miteny manao hoe:

" يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لَا تَدْخُلُوا بُيُوتًا غَيْرَ بُيُوتِكُمْ حَتَّى تَسْتَأْذِنُوا وَ تَسَلَّمُوا عَلَىٰ أَهْلِهَا "

Dikany: “Ry ianareo mpino, Aza miditra amin'ny trano hafa ankoatra ny tranonareo ianareo raha tsy efa nangataka alalana sy niarahaba ny tompon-trano”.

Koa nandondona ny varavarana i Ahmad no sady niandry kely; tonga namonjy azy i Ali ary i Ahmad niarahaba azy, niteny nanao hoe:

السَّلَامُ عَلَيْكَ يَا صَدِيقِي الْعَزِيزُ .

“Ny fahandriam-pahalemana anie ho aminao r'ilay namako malala”.

Namaly i Ali hoe:

وَعَلَيْكَ السَّلَامُ وَرَحْمَةُ اللَّهِ وَبَرَكَاتُهُ، أَهْلًا وَسَهْلًا، تَقْضَلُ.

“Ary ho aminao anie ny fahandriam-pahalemana sy ny indrafon'i Allah ary ny fahasoavany, tonga soa anie ianao fa dia mandrosoa”.

Niditra tao amin'ilay efi-trano fandraisam-bahiny i Ahmad no sady niandry kely, nipetraka teo ambony seza mahafinaritra izy fa tsy nikasika na inona na inona amin'ireo entana tao amin'ilay efitra.

Nanomboka niresaka tamin'i Ali niaraka tamin'ny fitenenana feno fahalalam-pomba sy fahendrena i Ahmad, momba ny fianarana, ny trano, ny fisakaizana ...sns.

Taorian'izany dia nahatsapa hetaheta i Ahmad ka niteny tamin'i Ali hoe:

Ry Ali, raha tsy manahirana anao, afaka manome rano iray kaopy ahy ve ianao?

Namaly i Ali hoe:

Eny, amin'ny fo feno hafaliana ry Ahmad. Nivoaka kely i Aly, avy eo nitondra rano amin'ny kaopy, nanolotra no sady niteny hoe:

“Mandrosoa”.

Nankasitraka izany i Ahmad nanao hoe:

شُكْرًا جَزِيلًا، سَقَاكَ اللهُ مِنْ مَاءِ الْكَوْثَرِ.

“Misaotra betsaka, enga anie i Allah hampisotro anao ny ranon'ny Kaw'thar”.

Rehefa avy nisotro ilay rano i Ahmad dia niteny nanao hoe:

وَالْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ.

“Ary ny dera sy laza dia ho an'i Allah Tompon'izao tontolo izao”.

Niteny taminy i Ali hoe:

هَنِيئًا.

“Mazotoa”.

Namaly i Ahmad hoe :

هَذَاكَ اللهُ تَعَالَى.

“Ankasitrahan'i Allah anie ianao”.

Nony afaka antsasakadiny. Nanao veloma tamin'ilay namany i Ahmad, ka niteny hoe:

السَّلَامُ عَلَيْكُمْ.

Namaly azy i Ali hoe:

وَعَلَيْكُمْ السَّلَامُ، رَافَقْتُكَ السَّلَامَةَ.

“Ary ho aminao anie ny fahandriam-pahalemana no sady hanaraka anao hatrany”.

Atao tsianjery للحفظ :

يَا أَيُّهَا الَّذِينَ آمَنُوا لَا تَدْخُلُوا بُيُوتًا غَيْرَ بُيُوتِكُمْ حَتَّى تَسْتَأْذِنُوا وَتُسَلِّمُوا عَلَى أَهْلِهَا.

تَمْرِينُ

Fanazarana

Fanontaniana:

- 1-Inona no teneninao rehefa mifanena amin’ny namanao silamo?
- 2-Inona no havalinao azy raha miarahaba anao izy?
- 3-Inona no teneninao rehefa manomboka misotro, na mihinana na mianatra?
- 4-Inona no teneninao rehefa avy misotro, na mihinana, na mianatra?
- 5-Inona no teneninao rehefa hanomboka hamaky ny Qour’an?

الْأَدَانُ Ny adhàn

Mialohan'ny swalàt dia tsara ny manao adhàn ilay mpanao adhàn ka miantso manao hoe :

- Allahou Akbar اللهُ أَكْبَرُ (in-4)
- Ash'hadou al-là ilàha ill'Allàh اللهُ إِلَّا إِلَهَ إِلَّا اللهُ (in-2)
- Ash'hadou anna Mouhammadar-Rasoùloullàh اللهُ مُحَمَّدًا رَسُولُ اللهِ (in-2)
- Ash'hadou anna Anliyyaw-Waliyyoullàh اللهُ عَلِيًّا وَلِيُّ اللهِ (in-2)
- Hayya anlasw-swalàh الصَّلَاةِ حَيَّ عَلَى (in-2)
- Hayya anlal-falàh الفَلَاحِ حَيَّ عَلَى (in-2)
- Hayya anlà khàiril-anmal خَيْرِ الْعَمَلِ حَيَّ عَلَى (in-2)
- Allahou Akbar اللهُ أَكْبَرُ (in-2)
- Là ilàha ill'Allàh اللهُ إِلَّا إِلَهَ إِلَّا اللهُ (in-2)

قصة Tantara

Fahiny, dia nisy mpino iray tia manao asa soa, miantra ny mahantra sy manampy ny sahirana. Izy dia nanana tanimboly lehibe nahitana ireo hazo sy anana isankarazany ary voankazo sy renirano...sns. Koa isaky ny tonga ny fotoam-pahavokarana dia mihazakazaka sy midodododo tonga eo aminy ireo mahantra, ary ilay mpino mandray azy ireo tamim-panajana sy hafaliana feno tokoa; mampisakafo sy mizara ny anjaram-pivelomana amin'izy ireo, ary farany dia manao veloma azy ireo amin-panajana sy fahalalam-pomba. Rehefa mandeha mody ireo mahantra dia manao firarian-tsoa ho azy. Ary isan-taona izy dia mitombo ny vokatra azony satria i Allah dia mamaly ny firarian-tsoan'ireo mahantra ireo ka lasa nitombo ny fahasoavana avy amin'ilay tanimboly.

Fotoana vitsy taorian'izany, dia nodimandry ilay lehilahy mpino tsara fanahy, lasan'ireo mpandova ilay tanimboly, ary izy ireo dia olona tsy mpino tsara tahaka ny rain'izy ireo. Koa rehefa tonga ny fotoam-pahavokarana, dia niraihina izy ireo ka nifanome hevitra nanao hoe : andeha hosakanantsika ireo mahantra tsy hiditra intsony ao amin'ny

tanimboly, ary isika tsy hanaiky ny hizarazarana ny harenantsika tahaka ny nataon'ny raintsika.

Indray alina, mialohan'ny fifohazan'ireo mahantra dia nikasa haka sy hanangona ireo vokatra ireo mpandova. Fa i Allah izay tsy misy zavamiaina Aminy, dia nahita sy nahafantatra ny fikasan-dratsin'izy ireo, ka nandefasany rivo-doza tena mahery vaika tao amin'ilay tanimboly, vokatr'izany dia tapatapaka ny hazo rehetra ary simba sy potipotika ireo voankazo sy ireo anana isankarazany; ary dia nanjary toy ireny toeramalalaka tsy mamokatra sy tsy ahitan-tombotsoa ireny ilay tanimboly. Nony maraina ny andro, nandeha nankany an-tanimboly ireo mpandova fa tsy nahita zavatra afa-tsy hazo maina sy tapaka sy ireo voankazo simba. Tamin'izay fotoana izay, dia nalahelo be ireo zanaka mpandova, nitomany ary nanenina no sady niteny nanao hoe:

"إِنَّا كُنَّا الظَّالِمِينَ"

“Marina tokoa fa izahay teo dia mpanao tsindrihazolena.”

سُورَةُ الْمَسَدِ

Souratoul-masad (toko ny tady voarandrana)

تَبَّتْ يَدَا أَبِي لَهَبٍ وَتَبَّ

-Levona ireo tanan-droan'i Abou Lahab, ary levona koa ny tenany.

مَا أَغْنَىٰ عَنْهُ مَالُهُ وَمَا كَسَبَ

-Tsy nahavotra azy akory, na ny harenany, na izay nangoniny,

سَيَصْلَىٰ نَارًا ذَاتَ لَهَبٍ

-fa hodorana ao amin'ilay afobe miredareda izy,

وَأَمْرَأَتُهُ حَمَّالَةَ الْحَطَبِ

-toy izany koa ny vadiny, ilay mpitondra kitay.

فِي جِيدِهَا حَبْلٌ مِّن مَّسَدٍ

-Eo ambozony dia misy tady mafy voarandrana.

قصة Tantara

Ny Mpaminany Mohammad (s.a.w.) dia nanana dadatoa iray antsoina hoe: “Abou lahab”. Anisan’ireo izay tena fahavalon’ny Mpaminany tokoa io olona io. Nanaraka ny Mpaminany foana izy tamin’ily fampielazana ny finoana islam; ka rehefa miteny amin’ny olona ilay Mpaminany hoe: Izaho dia Irak’i Allah ho aminareo, dia mandrara ny olona tsy hino sy mampanainga Azy ilay dadatoany, i Abou lahab.

Ny vadin’i Abou lahab ihany koa dia vehivavy tena mpitsipaka an’i Allah, sy nankahala ny Mpaminany fatratra, no sady nampijaly Azy, nametraka tsilo foana isaky ny toerana sy ny lalàn-kizorany. Eny, indraindray aza dia mitoraka fako mihitsy amin’ily Mpaminany (s.a.w).

Tezitra mafy tamin’i Abou lahab sy ny vadiny i Allah noho izany fihetsika rehetra izany, ary nampiomana ho azy ireo ny sazy mamirifiry ao anatin’ny afobe, satria izy ireo dia olona mpanageja sy mpitsipaka an’i Allah.

Atao tsianjery **لِلْحِفْظُ** :

"الْمُسْلِمُ مَنْ سَلِمَ النَّاسُ مِنْ يَدِهِ وَلِسَانِهِ."

Dikany: “ny mpino silamo dia ilay olona izay ny mpiarabelona aminy dia mandry fahalemana avy amin’ny tanany sy ny lelany”.

يَوْمُ الْقِيَامَةِ Andron’ny fitsanganana

Ny andron’ny fitsanganana any amin’ny andro farany dia ho rava ireo vohitra, ho ritra ireo renirano sy ny ranomasina, hiraraka ireo kintana sy ny masoandro amam-bolana...sns, ary handalo amin’ny fahafatesana avokoa ireo zava-manan’aina rehetra ka tsy hisy tavela afa-tsy i Allah.

Amin'ny andro farany, hatsanganin'i Allah avy ao amin'ny fasany ireo maty, ary hitsara azy ireo tamin'ireo fihetsika nataony tety an-tany Izy, ka hampiditra ireo mpino, mpankato any amin'ny paradisa, fa ny tsy mpino kosa dia hampidiriny ao amin'ny afobe.

Ny mpino silamo marina dia miomana lalandava ho amin'ilay fitsarana any amin'ny andro farany, ka miezaka ny manao ny tsara eto antany mba hahazo ny paradisa.

دعاء

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَنِ الرَّحِيمِ
اللَّهُمَّ اجْعَلْنِي مِنْ جُنْدِكَ، فَإِنَّ جُنْدَكَ هُمُ الْعَالِيُونَ.
وَاجْعَلْنِي مِنْ حِزْبِكَ، فَإِنَّ حِزْبَكَ هُمُ الْمُفْلِحُونَ.
وَاجْعَلْنِي مِنْ أَوْلِيَائِكَ، فَإِنَّ أَوْلِيَاءَكَ لَا خَوْفٌ عَلَيْهِمْ وَلَا هُمْ يَحْزَنُونَ
اللَّهُمَّ وَاجْعَلِ الْحَيَاةَ زِيَادَةً لِي فِي كُلِّ خَيْرٍ.
وَالْوَفَاةَ رَاحَةً لِي مِنْ كُلِّ شَرٍّ.
بِمُحَمَّدٍ وَآلِهِ صَلَّى اللَّهُ عَلَيْهِ وَآلِهِ.

Tonombavaka

Amin'ny anaran'i Allah, Ilay Be indrafo, Ilay Be fiantrana

Ry Allah ô, ataovy mba ho anisan'ny miaramilanao aho, marina tokoa fa ny miaramilanao no mpandresy. Ary ataovy ho anisan'ny ekipanao aho, marina tokoa fa ny ekipanao no avotra, ary ataovy mba ho anisan'ny sakaizanao aho, marina tokoa fa ny sakaizanao dia tsy manana fahatahorana no sady tsy manana alahelo.

Ry Allah ô, ataovy ny fahavelomana mba ho fitomboana ho ahy amin'ny hatsarana rehetra, ary ny fahafatesana mba ho fahafinaretana ho ahy eo anatrehan'ny haratsiana rehetra.

Amin'ny alalan'i Mouhammad sy ireo taranany, ny tso-dranon'i Allah anie ho Azy sy ho an'Izy ireo.

تَمْرِينُ

Fanazarana

Ampifanohizo ireto teny andaniny sy ankilany manaraka ireto mba hanome fehezanteny mazava:

Ho rava	Ny mpankato
Ho faty	Ny maty
Hatsanganin'i Allah	Ny mpitsipika
Hampidirina ao am-paradisa	Ireo vohitra
Hampidirina ao amin'ny afobe	Ireo zava-boahary

أَنَا مُسْلِمَةٌ

Izaho dia lehilahy silamo

أَنَا مُسْلِمٌ

Izaho dia vehivavy silamo

Mitia ny raiko sy ny reniko aho.

Mankato ny raiko sy ny reniko aho ary tsy manohitra mihitsy ny baikon'izy ireo.

Manampy ny raiko sy ny reniko aho ary miresaka mahafinaritra amin'izy ireo.

Mitia ny rahalahiko sy ireo mpiara-mianatra amiko ary ny olona rehetra aho.

Mitia ny mpifanolobodirindrina amiko aho ka tsy manahirana azy ary koa tsy mampijaly azy.

Manaja ny olona rehetra aho, manampy ireo mahantra ary mihantra ireo kamboty sy mamindrafo amin'ireo antitra.

Atao tsianjery لِلْحَفِظُ :

"رَضَى اللهُ مِنْ رَضَى الْوَالِدَيْنِ"

“Ny hafalian’i Allah dia avy amin’ny hafalian’ny ray aman-dreny”

تَمْرِينٌ

Fanazarana

Fenoy ny banga:

Mitia.....sy ny reniko aho.

Mitia.....sy ireo namana mpiara-mianatra amiko aho.

Mitia.....aho ka tsy manahirana azy ary koa tsy mampijaly azy.

Manampy.....ary mihantra ireo kamboty aho.

النَّظَافَةُ مِنَ الْإِيمَانِ

Ny fahadiovana dia anisan'ny fananam-pinoana

Samir dia ankizy silamo madio, maka tahaka ireo fihetsika izay nataon'ny Mpaminany (s.a.w) izy, ka manasa ny vatany sy manadio ny lambany, mihogo ny volony, ary manapaka ny hohony.

Samir dia manasa ny tanàny roa sy ny tarehiny ary miborosy ny nifiny mialoha sy aorian'ny fisakafoanany.

Samir dia mitafy lamba madio, matory amin'ny fandriana madio, ary eo anatrehan'ireo mpiara-mianatra aminy izy dia mamerimberina matetika ilay tenin'ny Mpaminany (s.a.w) manao hoe:

"النَّظَافَةُ مِنَ الْإِيمَانِ".

Izay midika hoe: “Ny fahadiovana dia anisan'ny fananam-pinoana”.

جَوَارٌ

Resaka fifamaliana

النَّبِيُّ (ص) يُحِبُّ الْأَطْفَالَ

Ny Mpaminany (s.a.w) dia mitia ireo ankizy

Indray alina, tao anatin'ny vanim-potoan'ny ririnina izay namirifiry tokoa ny hatsiaka, no nivory ny ankohonana silamo iray, izay nahitana ny ray sy ny reny ary ireo zanaka anankitelo dia i Ali sy i Zaïnab ary i Houssein.

Niteny i Houssein tamin'ny rainy hoe: rahampitso izahay dia ao anatin'ny fialan-tsasatra ry dada!

Nanontany ny rainy hoe: fa maninona?

Namaly i Houssein: rahampitso no andro fetin'ny fitsingerintaonan'ny nahaterahan'ny lehibentsika Mohammad (s.a.w).

Nandray fitenenana i Zaïnab hoe: tantarao anay ry dada ny mikasika ny Mpaminany Mohammad (s.a.w).

Niteny ny rain'izy ireo hoe: ankafaliana tokoa ry zanako no hitantarako izany! Ny ho resahiko aminareo androany dia ny mikasika ny fitiavan'ny Mpaminany an'ireo ankizy.

Fa hoy i Ali: eny ry dada, fa izany dia resaka vaovao tsy mbola noresahin'ny mpampianatray tany amin'ny madrassah.

Nitantara àry ny rain'izy ireo nanao hoe: ny Mpaminany lehibentsika (s.a.w), dia nanam-pitiavana tokoa an'ireo zanany, nitrotro azy ireo teo amin'ny tratrany, nanoroka sy niara-nilalao tamin'izy ireo, ary rehefa maheno ny fitomanian'izy ireo Izy dia mangoraka sy malahelo ka miezaka ny mampangina azy ireo. Fa mba hainareo moa ny anaran'ireo zanak'ilay Mpaminany?

Namaly i Houssein hoe: eny ry dada! Telo lahy izy ireo, dia i Abdoullah sy i Qassim ary Ibrahim, fa saingy maty avokoa izy ireo fony ilay Mpaminany (s.a.w) mbola velona.

Namaly ihany koa i Zaïnab hoe: ary miisa efatra kosa ny vehivavy, dia i Zaïnab sy i Roqayyah, ary i Ommou Koulthoum sy i Fàtwimatouz-Zahrà vadin'ny Imàm Ali (a.s).

Niteny ny rain'izy ireo hoe: tsara be ny nataonareo, ary ny Mpaminany ihany koa dia nanam-pitiavana an'ireo zanak'i Fatwimah zanany vavy. Ny anaran'izy ireo dia i Hassan sy i Houssein, ary ny sayidatouz-Zaïnab sy i Ommou Koulthoun. Nanam-pitiavana ihany koa an'ireo ankizy rehetra Izy ary niarahaba azy ireo rehefa mifanena eny andàlana, sy mitsikitsiky miaraka amin'izy ireo. Ny Mpaminany (s.a.w) dia manome ho azy ireo fanomezana sy vatomamy.

Nanontany i Zainab hoe: moa ve ilay Mpaminany mba mitia ireo ankizy vavy?

Namaly ny rainy hoe: ilay Mpaminany (s.a.w) dia mihantra ny ankizy rehetra, ary tsy misy ny mahasamihafa ny ankizy lahy sy ny vavy, fa izy rehetra ireo dia mitovy eo anatrehan'ilay Mpaminany. Izy dia tena mitia fatratra ilay zanany vavy, i Fâtwhimah ary tsy nivoaka ny tranony Izy raha tsy efa nanana fahatokisana ny amin'ny fahasalaman'i Fatwhimah sy ny fahasalaman'ny vady aman-janany.

سُورَةُ النَّاسِ

Ny token'ny olombelona

قُلْ أَعُوذُ بِرَبِّ النَّاسِ * مَلِكِ النَّاسِ * إِلَهِ النَّاسِ * مِنْ شَرِّ الْوَسْوَاسِ الْخَنَّاسِ
* الَّذِي يُوَسْوِسُ فِي صُدُورِ النَّاسِ * مِنَ الْجِنَّةِ وَالنَّاسِ *

Dikany:

- Lazao hoe: “Mitady fiarovana amin'Ilay Tompon'ny olombelona aho”.
- Ilay Mpanjakan'ny olombelona,
- Ilay Andriamanitry ny olombelona,
- Manoloana ny ratsy ataon'ny mpibitsibitsika miafina,
- Izay maka fanahy ny olombelona,
- Avy amin'ny djiny izany na avy amin'ny olombelona.

Atao tsianjery لِلْحِفْظِ :

"إِنَّ الشَّيْطَانَ لَكُمْ عَدُوٌّ مُبِينٌ".

“Marina tokoa fa ny Chaïtwàn dia fahavalonareo miharihary”.

النَّبِيُّ عَيْسَى بْنُ مَرْيَمَ (ع)

Ny Mpaminany Inssà zanak'i Mariam (a.s)

Inm'ràn, rain'i Mariam dia anisan'ireo olona nanan-kaja teo amin'ireo zanak'Israely. Ny vadiny dia momba, ka nangataka tamin'i Allah ravehivavy mba hahazo zanaka lahy, ary nanao voady fa raha tera-

dahy izy dia hapetrany ho mpikarakara ao amin'ily tranon'i Allah ao Jerosalema.

Namaly ny fangatahany i Allah, saingy nanome azy zanaka vavy. Fa ny mahazatra, ny vehivavy dia tsy sahala amin'ny lehilahy izay afaka manao asa fikarakarana ao amin'ny trano fanompoana an'i Allah. Fa na dia izany aza, nisaotra an'i Allah ihany Izy tamin'ny fahazoany zanaka, ka nanome ny anarany hoe: Mariam.

Voaray avy tamin'ny hadith fa i Inm'ràn dia maty raha mbola kely i Mariam, ka tsy nisy ny olona nijoro tamin'ny fitaizana Azy. Natolotry ny reniny tamin'ireo lehibe ara-panahy amin'ny fikambanan'ily trano masina Izy, izay nampifanolana azy ireo hoe: iza no hitaiza ilay ankizivavy? Nony farany, tapakevitr'izy ireo ny hanao ankitsapaka ka nivoaka avy tamin'izany fa ny Mpaminany Zakaria, izay vadin'ny rahavavin-dreniny ihany no hitaiza Azy. Nanokan-toerana ho an'i Mariam tao amin'ily tranom-piankohofana ny Mpaminany Zakaria, ka nanomboka nanoro lalana azy amin'ny fanompoana an'i Allah Tokana.

Nitondra vaovao tsara ho an'i Mariam ireo Anjely

Indray andro, nitokana nanalavitra ny olona i Mariam, ilay madio amin'ny fahotana, nijoro irery Izy tamin'ny fanompoana an'i Allah. Indro, hitany teo anatrehany nisy lehilahy tomady izay tsy fantany hoe avy aiza; natahotra Izy no sady nanalavitra azy ka niteny hoe:

"أَعُوذُ بِاللَّهِ وَمَنْ أَنْتَ؟ وَمَنْ جَاءَ بِكَ فِي هَذَا الْمَكَانِ؟"

Dikany : “Mangataka fiarovana amin'i Allah Aho, fa iza ianao? ary iza no nitondra anao amin'ity toerana ity?”

Namaly ilay lehilahy hoe:

"لَا تَخَافِي يَا مَرْيَمُ، أَنَا الْمَلَكُ جِبْرِيْلُ، جِئْتُكَ مِنْ عِنْدِ اللَّهِ وَلِأُبَشِّرَكَ بِبَشْرَى سَعِيْدَةٍ...".

Dikany: “Aza matahotra ry Mariam, izaho no ilay Anjely Djibril. Iraka tonga Aminao avy amin'i Allah Aho, hanambara vaovao mahafaly Aminao... Marina tokoa fa Ianao dia vehivavy tsara sy madio, lavitry ny fahotana, avy amin'ny fianakaviana madio, ary efa neken'i Allah ny fivavahanao sy ny fifehezanao, koa hanome fanomezana ho anao Izy, ho valin'ily fahatahoranao Azy”.

Taorian'izany vao nisinda ilay fatahorana nisy tamin'i Mariam, ka lasa nanana fahatoniana Izy noho izany resak'ily Anjely izany, ary nanontany Izy hoe: inona no vaovao tsara momba Ahy izay nampitondrain'i Allah Anao?

Dia namaly Azy ilay Anjely hoe: Allah dia nanome fanambinana ho Anao mba hiterahanao zazalahy tsara sy manana fahatahoran'Azy.

Niteny indray i Mariam hoe: Ahoana ary no hananako zanaka lahy kanefa tsy nisy lehilahy nikasika Ahy akory?!

Namaly ilay Anjely hoe: Ry Mariam, marina tokoa fa i Allah dia Mahefa ny zava-drehetra. Nahary an'i Adama tsy nisy ray sy reny Izy; noho izany dia hovitany ihany koa ny hahary olombelona tsy misy ray. Allah Ilay Avo Indrindra rehefa hanao zavatra dia miteny fotsiny hoe: misia dia misy.

Namaly i Mariam rehefa avy eo hoe: mino tokoa an'i Allah, Ilay Hendry, Mahefa ny zava-drehetra Aho.

Avy eo, tsy hitan'i Mariam ilay Anjely, fa nanjavona tamin'ny fahitany, toy ny tsy nahafantarany ihany koa ny nahatongavany.

Ny fahaterahan'ny Mpaminany Inssà (a.s)

Nahatsapa ny fihetsehan'ily zaza tao an-kibony i Mariam ary natahotra ny resak'olona tao an-tanàna; arak'izany dia niaina tamin'ny halahelo lehibe Izy ka nisafidy ny hihataka lavitry ny olona. Koa rehefa tonga ny fotoana fiterahany dia nandeha teo am-pototry ny hazon'atrendry iray Izy, nahitana renirano mikoriana teo akaikiny ary nahatsiaro ireo fianakaviany Izy, ka niteny anakampo hoe: inona àry no horesahin'izy ireo Amiko rehefa Izaho mody mitondra zazakely nefa Izaho tsy manam-bady? Dia hoy indrindra Izy hoe:

"يَا أَيَّتُهَا مِثُّ قَبْلَ هَذَا وَكُنْتُ نَسِيًّا مِّنْسَاءً"¹

Dikany: "Naleoko maty talohan'ity fotoana ity ka ho hadinoina tanteraka Aho".

¹سورة مريم 23

Tamin'io fotoana io, dia naheno feo niantso Azy amin'ny toerana tsy fantany i Mariam, izay niteny taminy hoe: “Aza malahelo, aza matahotra fa i Allah tsy hamela Anao irery. Fa rehefa noana Ianao, dia mihinàna atrendry masaka amin'io hazo io ary rehefa mangetaheta, dia misotroa amin'io rano io. Raha misy manontany Anao mikasika ilay zazakely dia lazao hoe: tena marina fa Izaho dia nanao voady mba tsy hiresaka.

Ny firesahan'i Inssà (a.s) fony vao teraka

Rehefa niteraka ilay zanany i Mariam dia nitondra azy tany amin'ny fianakaviany. Ary rehefa nahita ilay Zaza teo an-tanany izy ireo dia nihoraka niaraka tamin'ny fankahalana sy tsy fankasitrahana, ary niteny nanao hoe: inona ity nataonao ity ry Mariam, ary avy aiza io Zaza io?!

Fa i Mariam kosa, dia tsy niresaka no sady tsy nahaloha-peo fa ny sisa nataony dia ny nanao baiko moana nanondro ilay Zaza. Koa vao maika gaga ireo vahoaka tamin'izany tsy fitenenana sy ny fanondroany ilay Zaza izany, ka niteny taminy izy ireo hoe: fomba ahoana moa no hahafahanay hifampiresaka amin'ny Zaza vao teraka? Teo noho eo, dia niresaka tamin'ny alalan'ny herin'i Allah ilay Zazakely. Nanambara ny fahadiovan'ny Reniny Izy, nanalavitra amin'izay fomba fieritreretany izy ireo Azy, ka niteny araka ny voalaza ao amin'ny Qur'an hoe:

”إِنِّي عَبْدُ اللَّهِ ، أَتَانِي الْكِتَابَ وَ جَعَلَنِي نَبِيًّا وَ جَعَلَنِي مُبَارَكًا أَيْنَمَا كُنْتُ ،
وَأَوْصَانِي بِالصَّلَاةِ وَالزَّكَاةِ مَا دُمْتُ حَيًّا ، وَبِرًّا بِالذِّئْبِ وَلَمْ يَجْعَلْنِي جَبَّارًا شَقِيًّا ،
وَالسَّلَامُ عَلَيَّ يَوْمَ وُلِدْتُ وَيَوْمَ أَمُوتُ وَيَوْمَ أُبْعَثُ حَيًّا”¹.

Dikany: “Marina tokoa fa, Izaho dia mpanompon'i Allah. Nanome Ahy boky Izy, ary nanendry Ahy ho Mpaminany, ary na aiza na aiza no misy Ahy dia nohamasininy Aho, ary nandidy Ahy hanatanteraka ny vavaka fanompoana swalàt sy ny harena fihantrana zakàt Izy raha mbola velona Aho, ary koa ho tsara fanahy amin'ny Reniko. Tsy nataony maherisetra na koa olon-dratsy Izy. Ary ho Amiko anie ny fahandriam-

¹سورة مريم 31:30

pahalemana, amin'ny andro hahaterahako sy ny andro hahafatesako, ary amin'ny andro hananganana Ahy ho velona”.

Gaga ny olona rehefa naheno ilay Zaza izay mbola teo ampandriana niresaka tamin'izy ireo, ka avy hatrany dia tsapan'izy ireo fa marina tokoa, i Mariam ilay virijiny dia vehivavy madio, ny zanany dia famantarana iray amin'ireo famataran'i Allah ary tsy maintsy hanana ny maha-izy azy amin'ny ho avy.

Mpaminany Inssà (a.s) mitaona ny olona amin'ny finoan'i Allah

Rehefa tokony ho feno 30 taona i Inssà (a.s), dia nalefa ho Mpaminany tamin'ireo vahoaka amin'ny taranak'Israely Izy mba hitarika azy ireo amin'ny fanompoana an'i Allah Tokana, sy hampahitsy azy ireo amin'ilay làla-mahitsy, izany hoe hiantso azy ireo mba tsy ho variana amin'ny fitiavan-karena sy ny fandatsahan-drà, ary hampirisika azy ireo mba hanam-pitiavana amin'ny fanampiana ny mahantra sy ny fitiavana ny kamboty.. sns.

Koa nitohy hatrany io asa fampielezany io, tamin'ny alalan'ny fandehanan-davitra izay nasehony tamin'ny fitetezana ireo tanàna. Ny nampalahelo anefa dia ny tsy fanehoan'ireo Jiosy ny fankasitrahana sy ny tsy fihainoana ny antsony. Izany no tena anisan'ny nanasarotra ny asa izay nomen'i Allah Azy iandraiketany, na dia tsy nahakivy Azy aza ireo karazana fijaliana sy fampijaliana natao taminy; fa niaritra sy ny nanamafy ny fananam-pinoany hatrany Izy. Vao mainka aza izany nanome famporisihana Azy mafy tamin'ilay fampihelezana ny fanompoana an'i Allah Tokana.

Ny niafaran'ny asa faminanian'ny Mpaminany Inssà (a.s)

Rehefa nanelingelina an'ireo Jiosy ilay asa fiantsoana sy fampielezana haingana izay nataon'ny Mpaminany Inssà (a.s) dia nikasa ny hamono Azy izy ireo, ka niray hina sy nifanara-tsaina hanao izany amin'ny fotoana maha-irery Azy mba hisamborana sy hanomboana Azy. Nisy iray tamin'ireo Jiosy mpanara-diany tena akaiky Azy izay mpiatsaravelatsihy, antsoina hoe i Yahoudha no anarany. Niteny tamin'i

Yahoudha ireo loholona sy lohandohan'ny mpisorona amin'ireo zanak'Israely hoe: moa ve mety aminao ny mitondra anay amin'ny toerana mitokana misy an'i Inssà, avy eo izahay manome anao ny harena izay ilainao?

Yahoudha moa dia sahala amin'ireo Jiosy rehetra ihany, izay fatra-pitia harena tokoa. Nanantena izany fanomezana lehibe izany izy ka nidiran'ny fakam-panahy lalina, koa dia namaly azy ireo nanao hoe: eny, izaho dia hitondra anareo any amin'ny toerana misy Azy, koa arahonareo aho, ary rehefa hitanareo miditra aho dia manaraha ahy ianareo, ka samborinareo Izy. Fa rehefa tafiditra ireo mpisambotra dia novain'i Allah ny fomba fahitan'izy ireo manoloana an'i Yahoudha, ary nihevitra fa izy no ilay Mpaminany Inssà (a.s); avy eo dia nosamborin'izy ireo izy ary nohomboana araka ny efa nokasain'izy ireo hampiharina Aminy (a.s). Ny tenan'i Inssà (a.s) kosa dia narovan'i Allah tamin'ilay fikasan-dratsin'ireo Jiosy ka navotan'i Allah tamin'ny fanavotana lehibe ary nampiakarin'ny Aminy. Hoy indrindra i Allah manambara izany manao hoe:

"وَقَوْلِهِمْ إِنَّا قَتَلْنَا الْمَسِيحَ عِيسَى ابْنَ مَرْيَمَ رَسُولَ اللَّهِ وَمَا قَتَلُوهُ وَمَا صَلَّوْهُ
وَأَكْبَرُوا لَهُمْ وَإِنَّ الَّذِينَ اخْتَلَفُوا فِيهِ لَفِي شَكٍّ مِنْهُ مَا لَهُمْ بِهِ مِنْ عِلْمٍ إِلَّا اتِّبَاعَ الظَّنِّ
وَمَا قَتَلُوهُ يَقِينًا . بَلْ رَفَعَهُ اللَّهُ إِلَيْهِ وَكَانَ اللَّهُ عَزِيزًا حَكِيمًا"

Izay midika hoe: “Ary ny filazan'izy ireny hoe: Izahay tokoa no namono an'i Mesia, Inssà, zanak'i Maria, Irak'i Allah.... Kanefa tsy nahafaty na koa nahavita nanombo Azy izy ireo; fa endrika mitovy no hitan'izy ireo. Ary izay miady hevitra ny amin'izany, dia tena tafiditra ao anatin'ny fisalasalana tanteraka; tsy manam-pahalalana ny momba izany izy ireny, fa fanarahana ny tombatombana fotsiny ihany, ary azo antoka fa tsy nahafaty Azy mihitsy izy ireo. Fa nampiakarin'i Allah ho any Aminy Izy. Fa Tsitoha sy Be Fahendrena i Allah.”¹

¹ Souratoun-nisà :157-158

Atao vakinteny لِلْقِرَاءَةِ :

الْإِسْلَامُ وَالْمُسْلِمُونَ

الْإِسْلَامُ دِينُ الْحَقِّ وَالْخَيْرِ.
الْإِسْلَامُ دِينُ الْعَدْلِ وَالْمُسَاوَاةِ.
الْإِسْلَامُ دِينُ السَّلَامِ وَالْجِهَادِ.

الْمُسْلِمُونَ - جَمِيعاً - إِخْوَةٌ ، يُسَاعِدُونَ الضُّعَفَاءَ ، وَيُدَافِعُونَ عَنِ الْمَظْلُومِينَ ، وَيُحَارِبُونَ الْمُعْتَدِينَ .
الْمُسْلِمُونَ - جَمِيعاً - سَوَاسِيَةٌ أَمَامَ اللَّهِ ، لَا فَرْقَ بَيْنَ غَنِيِّ وَفَقِيرٍ ، وَ عَرَبِيٍّ وَ أَعْجَمِيٍّ ، وَ أَبْيَضٍ وَ أَسْوَدَ ، وَ ذَكَرَ وَ أُنْثَى إِلَّا بِالْعَمَلِ الصَّالِحِ .
الْمُسْلِمُونَ - جَمِيعاً - يُدَافِعُونَ عَنِ الْإِسْلَامِ ، وَيُجَاهِدُونَ فِي سَبِيلِ نَشْرِ دِينِ الْإِسْلَامِ ، وَيُضْحُونَ بِأَمْوَالِهِمْ وَأَنْفُسِهِمْ لِدَفْعِ الْإِعْتِدَاءِ عَنِ أَرْضِ الْإِسْلَامِ .

Ny finoana islam sy ireo mpino silamo

Ny finoana islam dia finoana ny fahamarinana sy ny hatsarana.

Ny finoana islam dia finoana ara-drarinny sy ny fampitovian-jo.

Ny finoana islam dia finoana ny fahandriam-pahalemana sy ny fiezahana.

Ny mpino silamo - rehetra - dia mpirahalaha, manampy ireo osa, miaro ireo voageja, ary miady amin'ireo mpanao tsindrihazolena.

Ny mpino silamo - rehetra - dia mitovy eo anatrehan'i Allah. Tsy misy ny mahasamihafa ny mpanan-karena sy ny mahantra, ny arabo sy ny tsy arabo, ny fotsy sy ny mainty, ny lehilahy sy ny vehivavy, afa-tsy amin'ny alalan'ny asa soa.

Ny mpino silamo - rehetra - dia miaro ny finoana islam, sy miezaka eo amin'ny fampielezana azy no sady manao sorona amin'ny alalan'ny harena sy ny tenan'izy ireo mba hanakanana ny fanaovana harsatsiana amin'ny tanin'ny islam.

الإمام عَلِيُّ بْنُ أَبِي طَالِبٍ (ع)

Al-Imàm Ali zanak'i Abou Twalib (a.s)

Teraka tao Masdjidoul-haràm ny Imam Ali (a.s), tao anatin'ny Kaenbah ao an-tanàna masina Makka.

Rainy : Abou-Twàlib (a.s).

Raibeny : Abdoul-mouttwalib (a.s).

Zanaka ny rahalahan-drainy: Mpaminany Mohammad (s.a.w).

Vadiny : Fàtwimatouz-Zahrà (a.s).

Zanany : i Hassan sy i Houssein (a.s), ary i Zainab sy i Ommou Koulthoum (a.s) .

Ny Imam Ali zanak'i Abou-twalib no voalohany mpino tamin'ny finoana islam, ary voalohany niady tamin'ireo tsy mpino sy ireo mpanageja.

Ny Imam Ali (a.s) no voalohany amin'ireo Imàm roa ambin'ny folo izay harahin'ny mpino shianh, maty maritiora tao Irak Izy, ary nalevina tao amin'ny tanàna antsoina hoe: "An-Nadjaf Al-achraf".

تَمْرِينُ

Fanazarana

1-Taiza no teraka ny Imam Ali (a.s) ?

2-Iza no anaran'ny rainy sy ny raibeny ?

3-Inona no fihavanany amin'ilay Mpaminany (s.a.w) ?

4-Iza no anaran'ny vadiny ?

5-Iza avy no anaran'ireo zanany ?

6-Iza no voalohany nino ny finoana islam ?

7-Aiza no misy ny fasan'ny Imam Ali (a.s) ?

Ampifanohizo ireto teny andaniny sy ankilany manaraka ireto mba hanome fehezanteny mazava:

Teraka ny Imàm Ali (a.s) tao

Rainy

Raibeny

Zanaky ny rahalahan-drainy

Vadiny

Abdoul-mouttwalib

Fàtwimatouz-Zahrà (a.s)

Ny Mpaminany (s.a.w)

Masdjidoul-haràm

Abou twàlib

الإمام الحسنُ بنُ عليِّ بنِ أبي طالبٍ (ع)

Al-Imàm Al-Hassan zanak'i Ali zanak'i Abi Twàlib (a.s)

Rainy : Al-Imàm Ali zanak'i Abou Twàlib (a.s).

Reniny : Fàtwimatouz-Zahrà (a.s).

Raibeny : ny Mpaminany Mohammad (s.a.w).

Rahalahiny : Al-Imàm Al-Houssein (a.s).

Al-Imàm Al-Hassan (a.s) no Imàm faharoa amin'ireo Mpitarika avy amin'ny Ahloul-bait (a.s). Izy dia teraka tao Madinatoul-Monawwarah, ny faha-15 ny volana masina Ramadan, taona fahatelo ny hidjr. Izy no voalohany amin'ireo zanak'i Ali sy i Fàtwimah (a.s), ary voalohany amin'ireo zafin'ilay Mpaminany (s.a.w).

Niaina teo ambany fiahian'ny raibeny, Ilay Mpaminany (s.a.w) ny Imàm Al-Hassan (a.s), ary teo ambany fitaizana sy fanarahamason'ny reniny, i Fàtwimatouz-Zahrà (a.s) nandritra ny fito taona teo ho eo, torak'izany ihany koa, niaina niaraka tamin'ny rainy Al-Imàm Ali (a.s) hatramin'ny fahafatesany tamin'ny taona faha-40 ny hidjr.

Ny fotoana niarahan'ny Imàm Al-Hassan niaina tamin'ny raibeny sy ny rainy ary ny reniny dia tena ampy tsara mba hahazoany ny fitaizana ara-panahy izay mahomby ka hahatonga Azy ho lasa olona feno ara-pinoana sy mendrika hitondra ny andraikitra aorian'ny rainy.

Ny anjara asan'ilay Iraka (s.a.w) manoloana an'ireo zafiny roa

Ny Mpaminany teo anatrehan'i Hassan sy i Houssein (a.s), dia naneho fitiavana sy fihantrana lehibe. Eny, hatramin'ny fahazazan'ireo zafiny roa ireo dia efa nitaiza sy nanaramaso Azy ireo Izy, satria efa fantany mialoha fa Izy ireo no hanohy ny asa fitarihana ny finoana islam aorian'ny fahafatesany sy ny fahafatesan'ny rain'Izy ireo, araka ny teny malaza voaray avy Aminy (s.a.w), manao hoe:

"الْحَسَنُ وَالْحُسَيْنُ إِمَامَانِ قَامَا أَوْ قَعَدَا".

Dikany: "Al-Hassan sy Al-Houssein dia mpitarika Izy roa ireo, na mijoro na mipetraka". Izany hoe, Izy roa ireo dia Imàm efa voatendrin'i Allah hatramin'ny ela, na avelan'ny vahoaka hitondra Izy ireo na tsia.

Ary mbola nanamafy ihany koa ilay Mpaminany tamin'ny fankalazana ireo zafiny roa, sy nanambara tamintsika ny toerana avo sy manam-boninahitra nananan'Izy ireo eo anatrehan'i Allah, arak'ilay teniny malaza amin'ireo silamo manao hoe:

"انْكَمَا سَيِّدَا شَبَابِ اَهْلِ الْجَنَّةِ".

Dikany: “Marina tokoa fa Ianareo roa no lehiben'ireo tanora ny olon'ny paradisa”.

Torak'izany koa, ny fangatahan'ny Mpaminany tamin'i Allah momba Azy roa ireo, amin'ilay teny manao hoe:

"اللَّهُمَّ اِنَّكَ تَعَلَّم اَنِّي اُحِبُّهُمَا فَاجِبُهُمَا وَاَحِبُّ مَنْ يُحِبُّهُمَا".

Dikany: “Ry Allah ô! Ianao no mahafantatra fa Izaho mitia Azy ireo, koa tiavo Izy ireo, ary tiavo izay mitia Azy ireo”.

Ny fahafatesan'ny Imàm Al-Hassan (a.s)

Nisy iray amin'ireo mpanara-dian'ilay Mpaminany (s.a.w) antsoina hoe Mouànwiyah no naniraka ny vadin'ny Imàm Al-Hassan (a.s) izay antsoina hoe: Jouendah bintoul-ash'anth bint Qïs, mba hanisy poizina ny sakafo hohanin'ny Imam Al-Hassan (a.s) izay nahatonga ny fahafatesany.

Voaray avy tamin'ny Imàm As-Swadik (a.s), ny hadith milaza manao hoe:

"اِسْتَرَكِ الْاَشْعَثُ فِي دَمِ اَمِيرِ الْمُؤْمِنِينَ، وَجُعْدَةُ ابْنَتُهُ سَمَّتِ الْحَسَنَ وَابْنُهُ مُحَمَّدٌ اِسْتَرَكِ فِي دَمِ الْحُسَيْنِ".

Dikany: “Al-ash'anth dia nikambana tamin'ny fandatsahan-drà an'ny Amiroul-Moueminin (a.s), fa i Jouendah zanany vavy kosa no nanampoizina an'ny Al-Imàm Al-Hassan (a.s), ary ny zanany lahy, i Mohammad indray dia nikambana tamin'ny fandatsahan-drà an'ny Al-Imàm Al-Houssein (a.s).

Voaray avy tamin'ny tantara fa 55 taona ny Imàm Al-Hassan (a.s) no nodimandry, ary miisa 15 no isan'ireo zanany.

الإمام الحسين بن علي بن أبي طالب (ع)

Al-Imàm Al-Houssein zanak'i Ali zanak'i Abou Twàlib (a.s)

Rainy : Al-Imàm Ali zanak'i Abou Twàlib (a.s).

Reniny : Fàtwimatouz-Zahrà (a.s).

Raibeny : ny Mpaminany Mohammad (s.a.w).

Rahalahiny : Al-Imam Al-Hassan (a.s).

Tamin'ny vanim-potoan'ny Al-Imàm Al-Houssein (a.s), dia nisy mpanjaka iray, mpanageja sy mpanao haratsiana, antsoina hoe: Yazid zanak'i Mouàniyah. Arak'izany, ilay Imàm (a.s) dia nitolona mafy tamin'ny fanoherana ny fanagejan'io mpanjaka ratsy io ary nitaona ireo vahoaka silamo tamin'izany fotoana izany mba hiaraka Aminy. Ireo vahoaka tao Irak dia niantso an'ny Imàm Al-Houssein (a.s) ho tonga ao amin'ny tanànan'izy ireo, mba ho Mpitarika azy ireo no sady hiady amin'i Yazid izay namono ireo olo-be sy ny vehivavy ary ny zanak'izy ireo. Namaly ny antson'izy ireo ny Imam (a.s) ka nitodi-doha nankany Irak niaraka tamin'ireo zaza amam-behivavy amin'ireo fianakaviany sy ireo mpanara-dia azy. Rehefa tonga tany Irak anefa Izy sy ireo mpanara-diany dia nivadihan'ireo vahoaka, ka tsy notanterahan'izy ireo ilay fampanantenana, ary vao mainka aza niadivan'izy ireo ihany koa Izy. Noteren'Ibn Ziyàd, izay mpitari-tafiky ny miaramilan'i Yazid, ilay Imàm masina Al-Houssein zanak'i Ali (a.s) mba hanaiky hanome tanana an'i Yazid, ilay olona tena ratsy sy mpanageja. Koa nandà mafy ny Imàm no sady niteny ilay teniny malaza manaohoe:

"لَا أُعْطِيكُمْ بِيَدِي إِعْطَاءَ الدَّلِيلِ."

Dikany: "Izaho dia tsy hanome anareo ny tanako, fanomezatànan'olona voahetry".

Ny miaramilan'i Yazid dia nahatratra hatramin'ny efatr'alina araka ny voalazan'ny tantara, fa telo ambin'ny fitopolo monja ny miaramilan'ny Imàm (a.s). Nitolona nanohitra mafy an'ireo miaramilan'i Yazid ireo lehilahy avy amin'ireo fianakavian'ny Imàm Al-Houssein (a.s) sy ireo mpanara-diany ary tena nafana fo tokoa, fa saingy nony farany dia maty maritiora avokoa izy rehetra, afa-tsy ny Imàm (a.s) ihany, izay mbola niantsoantso mafy nanao hoe :

"هَلْ مِنْ نَاصِرٍ يَنْصُرُنَا".

Dikany : “Moa ve misy mpanavotra afaka hanavotra Anay”.

Eny, fa tsy nisy intsony aza na dia iray no afaka namaly ny antsoantsony. Tamin’izay fotoana izay indrindra, no nanao veloma farany tamin’ireo ankizy amam-behivavy ny Imàm (a.s); avy eo, niroso tamin’ny ady, niezaka nitolona mafy tokoa Izy tao anatin’ny lalan’i Allah, ka namono nahafaty maro tamin’ireo mpanageja. Kanefa tamin’ny farany, dia tsy voatosiny intsony ireo fahavalo nohon’ny hamaroan’ny miaramilan’i Yazid, izay namely Azy tamin’ny fitodihana rehetra, nitora-defona tamin’ny vatany, nikapoka tamin’ny sabatra nifanesisesy tokoa izay nampitombo ireo ratra tamin’ny tenany, sy nampikoriana ny rà ka nitarika tamin’ny fahalavoany tamin’ny tany. Koa rehefa lavo Izy, dia niteny ilay teny lehibe mitory ny fahambonian’ny finoany an’i Allah, nanao hoe:

"بِسْمِ اللَّهِ وَبِاللَّهِ وَعَلَى مِلَّةِ رَسُولِ اللَّهِ، هَذَا مَا وَعَدَ اللَّهُ وَرَسُولُهُ".

Dikany “Amin’ny anaran’i Allah sy amin’ny alalany ary koa amin’ny sori-dàlan’ilay Irany, izao no ilay nampanatenain’i Allah sy ilay Irany”.

Atao tsianjery **لِلْحَفِظِ**:

"لَا فَضْلَ لِعَرَبِيٍّ عَلَى أَعْجَمِيٍّ إِلَّا بِالتَّقْوَى".

“Tsy misy ny mahasamihafa ny voninahitra hananan’ny arabo sy ny tsy arabo, afa-tsy ny fananana ny fatahorana -an’i Allah- ”.

اَلتَّوَابُ وَ الْعِقَابُ

Ny valisoa sy ny sazy

Efa voalaza tao amin’ny lesona oussouloud-dïne ao amin’ny “al-maànde” fa i Allah Ilay Mpahary dia mbola hanangana ny olona efa maty avy ao am-pasany. Koa maninona moa Izy no hamerina indray ny fiainan’olombelona?!

Marina tokoa fa tsy nataon'i Allah ho velona mandrakizay eto antany isika olombelona fa ny tsirairay dia samy nomeny fotoampahavelomana voafetra. Misy amintsika no miaina ao anatin'ny fotoana fohy sy mandalo, ary misy ihany koa ny miaina mandritra ny fotoana lava sy maharitra. Fa ny iaraha-mahalala dia isika rehetra no tsy maintsy hiafara any amin'ny fahafatesana izay tsy hay handosirana.

Koa ny fanontaniana mipetraka dia izao: inona marina moa no hitranga aorian'izany fahafatesana izany?

Niteny i Allah ao anatin'ny bokiny masina manao hoe:

"إِنَّا إِلَيْنَا إِيَابَهُمْ. ثُمَّ إِنَّا عَلَيْنَا حِسَابُهُمْ"¹.

Dikany : “Marina tokoa fa aty Aminay no hiverenan'izy ireo, avy eo aty Aminay no hitsarana azy ireo”.

Arak'io andininy io dia hita fa i Allah dia hamerina indray ireo olombelona aorian'ny fahafatesany mba hitsarana azy ireo amin'ny asany, ka izay nanao ny hatsarana dia homena valisoa, fa izay nanao asa ratsy kosa dia ho voasazy.

Ny fanontaniana manaraka hapetraka ihany koa dia izao: maninona no misy ny valisoa sy ny sazy?

Valiny: iaraha-mahalala fa ny olona eto antany dia misy ny voageja ary misy koa ny mpanageja, misy ny mpankato, ary misy ihany koa ny mpitsipaka, misy ny vonoina amin'ny tsy rariny, ary misy ny mpamono amin'ny fankahalana. Misy ny atokisana, misy ihany koa ny mpamitaka, misy ny olo-marina, ary misy ny mpandainga.. sns.

Koa moa ve eken'ny saina salama fa i Allah dia hamela ireo mpanao ratsy ho afa-potsiny, ka tsy hotsaraina aorian'ny fahafatesany mba hanomezana sazy ho valin'ireo asa ratsy nataony? Ary moa ve eken'ny saina ihany koa fa aorian'ny fahafatesana, i Allah dia tsy hanome valisoa

¹سورة الغاشية: 25-26

amin'ireo asa tsara izay nataon'ny olo-marina, mpanampy ny mahantra, mpankato ny baikony, ...sns?

Hamafisina fa, i Allah dia mpandala ny rariny, tsy miangatra sady tsy manageja na iza na iza, koa noho izany, dia tsy mety ny mampitovy ny voageja sy ny mpanageja, ny mpankato sy ny mpitsipaka, ny mpanao tsara sy ny mpanao ratsy, ka hahatonga azy ireo hitovy saranga any amin'ny andro farany. Izany dia afaka ampitahaina amin'ny mpianatra iray izay miezaka sy manao fiareta-tory nohon'ny fianarana mba hanatratra ny tanjona hisondrotra kilasy ambony kokoa, ka moa ve azo atao ny mampitovy azy amin'ny mpianatra kamo izay mandany fotsiny ny fotoana amin'ny kilalao sy rendrarendra?!

Eny, i Allah araka ny fahendreny sy ny fahamarinany dia hamory ny olona rehetra amin'ny andro farany, ka hanome valisoa an'ireo mpankato Azy sy mpanao asa soa, ary hanasazy an'ireo mpitsipaka sy ny mpanao asa ratsy.

صِفَاتُ الْأَنْبِيَاءِ وَتَعَالِيهِمْ

Toetran'ireo Mpaminany sy ny fampianaran'Izy ireo

Ilaina ny manam-pahaizana mba olona mahay manolokolo sy manam-pahendrena, ary ny mpitaiza dia ilaina mba olona manana fahalalam-pomba sy toetra tsara. Torak'izany koa ireo Mpaminany izay nofidina ho mpitarika dia tsy maintsy mba olona manana fitondrantena sy fahalalam-pomba tena tsara faratampony amin'ny olombelona rehetra, tena manam-pahaizana sy mahay mitaiza ka lasa ho modely tsara ho an'ny zava-boahary rehetra.

Sasantsasany amin'ireo toetran'ireo Mpaminany (a.s)

1-Olona “ma’ansoum” Izy ireo ka tsy manota amin'i Allah, ary tsy manao fahadisoana na fanadinoana.

2-Olo-marina fa tsy mandainga, azo itokisana fa tsy mpamitaka. Ny toetra toy izany no nampalaza ny Mpaminany Mohammad (s.a.w) tamin'ny anarana hoe: الصَّائِقُ الْأَمِينُ “As-Swàdiqoul-Amīn”, izany hoe : “Ilay Olo-marina azo antoka”.

3-Olona manana fahalalam-pomba miavaka, sy ireo toetra tsara rehetra. Hoy indrindra i Allah Avo Indrindra midera ny Mpaminany Mohammad (s.a.w) ao amin'ny Qour'an manao hoe:

"وَإِنَّكَ لَعَلَىٰ خُلُقٍ عَظِيمٍ."

“Marina tokoa fa Ianao dia ambony toetra, lehibe indrindra”.

Fampianaran'ireo Mpaminany (a.s)

Nanomboka tamin'i Adama (a.s) ka hatramin'i Mohammad (s.a.w), dia nampielly sy nampianatra ireto fampianarana manaraka ireto ireo Mpaminany (a.s) rehetra tsy ankanavaka:

1-Izy ireo dia nampianatra ny fanompoana an'i Allah Tokana izay tsy niteraka sady tsy nateraka, Mpahary ny lanitra sy ny tany, Tompon'izao tontolo izao.

2-Izy ireo dia nampianatra ny fivavahana swalàt sy ny fifehezana ary ny fanaovan-tsoa amin'ireo mahantra.

3-Nampianatra ny amin'ny fanoherana sy fiadiana amin'ny fanagejana sy ireo mpanageja.

4-Nampianatra ny vahoaka mba hifikitra amin'ireo toetra tsara, toy ny fitenenana marina sy fahazoana fitokisana, fanajana ny fifanekena ary ny fankatoavana ny ray aman-dreny.. sns.

5-Nampianatra mba hiataka sy hiala lavitra amin'ireo karazana haratsiana sy toetra ratsy, toy ny lainga, fitaka, fifosana, fitsikilovana an'ireo mpino... sns.

6-Nampianatra ireo didy aman-dalàna izay tsy maintsy hatao sy ny tsy maintsy hialana, toy ny fisotroan-toaka, fihinanana henan-kisoa, fijangajangana, ...sns.

Ny adiditsika manoloana ny fampianaran'ireo Mpaminany

Wadjib amintsika ny mifikitra amin'ny fampianaran'ireo Mpaminany sy ny mankato tanteraka Azy ireo, satria ny fankatoavana Azy ireo dia fankatoavana an'i Allah, araka ilay teniny ao amin'ny Qour'an manao hoe:

"مَنْ يُطِيعِ الرَّسُولَ فَقَدْ أَطَاعَ اللَّهَ."

“Izay mankato ilay Iraka dia efa nankatoa an'i Allah”.

Tsara ho fantatry ny rehetra fa ny fankatoavana an'i Allah dia tahiry lehibe izay manan-danja tokoa ka tokony hifaninana amin'izany isika. Tena marina fa tsy misy afa-tsy io fanakatoavana an'i Allah io ihany no hahatonga antsika olombelona hahazo ny fahombiazana sy fitahiana eto an-tany ka hatramin'ny andro farany, ary tsy ho tafiditra velively any am-paradisa ny olona raha tsy amin'ny alalan'ny fankatoavana an'i Allah Avo Indrindra.

الْقُرْآنُ الْكَرِيمُ

Al-qour'anoul-karim

Inona no atao hoe Al-qour'an?

Ny Qour'an dia ilay boky masina izay nampidinin'i Allah tamin'ny Mpaminantsika Mohammad (s.a.w) mba hitarika antsika amin'ilay làla-mahitsy, no sady lalàm-panorenana handamina ny fiainantsika zanak'olombelona.

Malaza amin'ireo manam-pahaizana fa ny Qour'an dia nidina indray mandeha tamin'ny Mpaminany Mohammad (s.a.w), ny alin'ny lahatra na ny “lailatoul-qadr”, avy eo i Allah nandefa ny Anjely Djibraïl hitondra ny hafatra tsikelikely tamin'Ilay Irany mba hampielly izany arakaraka ny toetr'andro sy ny zava-misy. Arak'izany, dia azo lazaina fa nisy ambaratonga anankiroa ny fidinan'ny Qour'an.

Ny ambaratonga voalohany, dia ny fidinan'ny Qour'an nandritra ny 13 taona, fotoana izay nipetrahan'ily Mpaminany (s.a.w) tao Makka, ary ny toko na ny surat izay nidina tamin'izany fotoana izany no antsoin'ireo manam-pahaizana hoe: السُّورَةُ الْمَكِّيَّةُ “as-souratoul-makkiyah”. Ireo surat nampidinina tao Makka ireo dia matetika miresaka mikasika ny finoana na ny عَقِيْدَةُ “anquidah” sy ny tantaran'ireo Mpaminany (a.s).

Ny ambaratonga faharoa, dia ny fidinan'ny Qour'an izay naharitra 10 taona nipetrahan'ny Mpaminany tao Madina, ary ny surat izay nidina nanomboka tamin'io fotoana io no antsoin'ireo manam-pahaizana hoe : السُّورَةُ الْمَدَنِيَّةُ “as-souratoul-madaniyah”. Matetika ireto surat ireto dia miresaka mikasika ny filaminana sy ireo didy amam-dalàna mifehy ny mpino silamo.

Firindran'ny Qour'an

Ny Qour'an masina dia nidina tsikelikely tamin'ny Mpaminantsika Mohammad (s.a.w) nandritra ny 23 taona. Nanomboka tamin'ny taona 610 taorian'ny Mpaminany Inssà (a.s) araka ny fanisan-taona ara-masoandro, tao amin'ny lava-bato ao an-tanàna masin'i Makka, antsoina hoe: غَارُ الْحِرَاءِ “Ghàroul- hirà'e”. Ireo andininy voalohany nidina, dia hita ao amin'ny سُورَةُ الْعَلَقِ “souratoul-anlaq”, izay milaza manao hoe:

"إِقْرَأْ بِاسْمِ رَبِّكَ الَّذِي خَلَقَ ، خَلَقَ الْإِنْسَانَ مِنْ عَلَقٍ ، إِقْرَأْ وَرَبُّكَ الْأَكْرَمُ ،
الَّذِي عَلَّمَ بِالْقَلَمِ ، عَلَّمَ الْإِنْسَانَ مَا لَمْ يَعْلَمْ"

Dikany : “Vakio amin'ny anaran'ny Tomponao, Ilay nahary, Izay nahary ny olombelona avy amin'ny vaingan-drà. Vakio fa ny Tomponao no fatra-mpitsimbina, Izay nampianatra tamin'ny alalan'ny mpenina, ka nampianatra ny olombelona izay tsy fantany.”

Tsara ny mampahatsiahy fa ny Qour'an masina dia efa navondrona ho boky iray tamin'ny vanim-potoan'ny Mpaminany (s.a.w) araka ny fahitan'ireo manam-pahaizana shian, ary ny Qour'an manontolo dia ahitana fizarana 30, sy toko 114, ary andininy 6342.

Ny adiditsika manoloana ny Al-qour'an

Nampidin'in'i Allah ny Qour'an mba hampianatra antsika ny toetra tsara sy ny fahalalam-pomba, handamina ny fiainantsika, hanome antsika ny fahombiazana sy ny fahasambarana amin'ny fiainana eto an-tany sy ny any ankoatra. Koa noho izany, dia anjarantsika no mianatra mamaky sy mihaino ny famakiana azy, ary mampihatra izay voalaza ao aminy mikasika ny nandidian'i Allah sy ny nandrany ho antsika.

حَجَّةُ الْوِدَاعِ

Fivahinianana masina fanaovam-beloma

Tamin'ny taona fahafolon'ny hijra, dia tapa-kevitra ny Mpaminany Mohammad (s.a.w) mba hamangy ny tanànan'i Makka sy hanatanteraka ny hadj fanompoana masina. Rehefa naheno izany ireo mpino silamo dia nanatona ny tanànan'i Madina izy ireo izay avy amin'ny toerana maro samihafa mba hiaraka amin'ny Mpaminany (s.a.w) amin'ny fotoana fanatanterahana izany adidy masina izany.

Araka ny voalazan'ny tantara, ireo silamo izay niaraka tamin'ny Mpaminany tao Makka tamin'io fotoana io dia nahatratra eo amin'ny sivy alina olona na mihoatra; ary nandritra izany fotoana fanompoana izany izy ireo dia niaraka namerimberina ilay teny be voninahitra manao hoe :

"لَيْبَيْكَ اللَّهُمَّ لَيْبَيْكَ،
لَيْبَيْكَ لَا شَرِيكَ لَكَ لَيْبَيْكَ،
إِنَّ الْحَمْدَ وَالنَّعْمَةَ لَكَ وَالْمُلْكَ
لَا شَرِيكَ لَكَ لَيْبَيْكَ".

Dikany :

“Inty aho Tompo ô, inty aho!

Inty aho r'Ilay tsy manam-paharoa, inty aho!

Marina fa ny fiderana sy ny fahasoavana ary ny fahefana dia ho Anao!

Tsy manam-paharoa anie Ianao, koa inty aho!”

Toriteny fanaovam-beloma

Voalazan'ireo manam-pahaizana ara-tantara fa rehefa tafavory ny olona ny fahafolon'ny volana dhil-hadj tamin'ny عِيدِ الْأَضْحَى "eindoul-oulw'hà" dia nanao toriteny fanaovam-beloma ny Mpaminany (s.a.w), ary nampahatsiahy ireo fampianarana maro samihafa.

Ilay toriteny tamin'ny andron'i ghadir

Rehefa nahatanteraka ny adidin'ny fivahinianana masina ilay Iraka (s.a.w) ka andeha hiverina ho any an-tanànan'i Madina niaraka tamin'ireo silamo maro be izay tsy mbola nisy hamaroan'olona tafavory toy izany tamin'izany vanim-potoana izany, koa rehefa tonga teo amin'ny toerana iray antsoina hoe : Ghadir Khoum ny Mpaminany (s.a.w) sy ireo vondron'olona maro niaraka taminy, dia nidina taminy ilay Anjely Djibraïl (a.s) ka nampita ilay hafatr'i Allah izay manao hoe :

"يَا أَيُّهَا الرَّسُولُ، بَلِّغْ مَا أُنزِلَ إِلَيْكَ مِنْ رَبِّكَ وَإِنْ لَمْ تَفْعَلْ فَمَا بَلَّغْتَ رِسَالَتَهُ..."¹

Dikany: "R'Ilay Iraka, ampitao izay nampidinina taminao avy tamin'ny Tomponao, fa raha tsy manao izany ianao, dia tsy nahatafita ilay hafany ianao..."

Nony avy eo, dia niantso ireo olona izay efa lasa nadeha mba hiverina ny Mpaminany (s.a.w) hamonjy ny fivoriana goavana. Ary natsangana ny polpitra na minbar ka niakatra teo amboniny Izy (s.a.w) ary nanao ny toriteniny teo anatrehan'ireo olona maro be ireo, avy eo dia nampiakatra ny tanan'ny Imàm Ali (a.s) Izy ka hita hatramin'ny volonkeliny (s.a.w), ary dia nanambara manoloana ny daholobe ilay teniny malaza manao hoe:

"اللَّهُمَّ مَنْ كُنْتَ مَوْلَاهُ فَهَذَا عَلَيَّ مَوْلَاهُ، اللَّهُمَّ وَالِي مَنْ وَالَاهُ وَعَادِي مَنْ عَادَاهُ
وَأَنْصُرُ مَنْ نَصَرَهُ، وَآخِذُ مَنْ خَذَلَهُ".

Dikany: "Ry Allah ô, izay nanaiky Ahy ho mpiandraikitra azy, dia indro i Ali ho mpiandraikitra azy; ry Allah ô, tiavo izay mitia Azy, raiso

¹سورة المائدة، الآية: 67

fahavalo izay mifahavalo Aminy, avoty izay manavotra Azy, ary ataovy afa-baraka izay mandao Azy.”

Ny fankasitrahan'ireo silamo an'i Ali (a.s)

Rehefa tapitra ny toritenin'ny Mpaminany (s.a.w), dia nibaiko ny silamo rehetra Izy mba hanaiky ny maha-mpiandraikitra an'i Ali (a.s) amin'ny alalan'ny fandraisan-tànana Azy, ary nanatanteraka an'izany tokoa izy ireo. Efa raikitra tamin'ny tantara fa i Abou bakr sy Oumar mihitsy no olona voalohany nandray ny tanan'i Ali (a.s) no sady namerimberina ilay teny hoe:

"بَخِّ بِخِ لَكَ يَا عَلِيُّ، لَقَدْ أَصْبَحْتَ مَوْلَانَا وَمَوْلَى كُلِّ مُؤْمِنٍ وَمُؤْمِنَةٍ"

Dikany: “Arabaina, arabaina Ianao ry Ali, fa lasa mpiandraikitra anay sy mpiandraikitra ny mpino rehetra lahy sy vavy Ianao”.

Koa rehefa vita tanteraka ny fifandraisan-tànana nandidian'ny Mpaminany an'ireo silamo ireo tamin'i Ali (a.s), dia avy hatrany nidina teo noho eo ilay andininy milaza manao hoe:

"الْيَوْمَ أَكْمَلْتُ لَكُمْ دِينَكُمْ وَأَتَمَمْتُ عَلَيْكُمْ نِعْمَتِي وَرَضِيْتُ لَكُمُ الْإِسْلَامَ دِينًا"¹.

Dikany: “Ankehitriny, dia nataoko lavorary ny finoanareo, ary notanterahiko teo aminareo ny fahasoavako koa ankasitrahako ny islam ho finoanareo”.

Avy eo dia niparitaka samy namonjy ny fodiany ireo mpino silamo, ka ny Mpaminany nizotra tamin'ny diany namonjy ny tanànan'i Madina, fa nitoetra tao izy nandritra ny roa volana teo ho eo, ary nodimandry tamin'ny taonan'ny hijra faha-11. Koa izany fivahiniana masina izany dia nantsoin'ireo manam-pahaizana ao amin'ny tantara hoe: حِجَّةُ الْوَدَاعِ “hidjatoul-wada'en” na fivahiniana masina fanaovam-beloma, ary izany no fivahiniana masina voalohany sady farany nataon'ilay Mpaminany (s.a.w), talohan'ny nandaozany ity tany ity.

¹سورة المائدة:3.

عَزْوَةٌ بَدْرٍ Ny adin'i Badr

Fanafihan'ireo silamo ny andian'ireo Kouraïch mpandeha lavitra

Tamin'ny taona faharoa ny hidjr, ny fifindramonin'ny Mpaminany tao Madina, dia nandefa andian'olona hanao varotra any Shàm ireo Koraïch, izany hoe any Syria ankehitriny. Ny lehibe mpitarika azy ireo tamin'izany dia i Abou Soufiyàn Ibn Harb¹, ary rehefa niverina izy ireo dia nandalo tao Madina. Koa nibaiko ireo mpanara-diany ilay Mpaminany (s.a.w) mba hanafika ilay andiana mpandeha lavitra, ho famerenana ny sasantsasany tamin'ireo harenan'ny mpino izay nalain'izy ireo ankeriny tao Makka. Niaraka tamin'ireo olona miisa 313 avy amin'ireo Mouhadjirine sy Answar ny Mpaminany (s.a.w) nizotra nitodi-doha teo anelanelan'ireo vohitry ny tananan'i Badr.

Ny fiomanan'ireo Kouraïch tamin'ny ady

Rehefa hain'i Abou Soufiyàn izany, dia natahotra mafy dia mafy izy, ka nandefa olona nankany Makka mba hanambara amin'ireo Kouraïch fa ny varotr'izy ireo dia ho tandindomin-doza. Avy eo, ireo Kouraïch dia nandefa feo tamin'ny tanàna nanaparitaka ilay vaovao ka nahatafavory lehilahy mpiady 2000 mahery teo ho eo mba hiady amin'ireo silamo, araka ny voalazan'ny tantara.

Mpaminany nizaha toetran'ireo mpanara-dia azy

Rehefa tonga tamin'ilay Mpaminany (s.a.w) ny vaovao mikasika ireo Kouraïch, dia nozahany toetra ireo mpanara-diany mikasika ny fahavononan'izy ireo na tsia amin'ilay ady. Noresahan'ny Mpaminany tamin'izy ireo ny zava-misy, ary namaly tamin'ny feo iray izy rehetra nanao hoe:

"إِمضِ لِأَمْرِ رَبِّكَ فَإِنَّا مَعَكَ مُقَاتِلُونَ".

¹أبو سفيان بن حرب

“Tanterao ny baikon’Ilay Tomponao fa izahay dia hiady miaraka Aminao”.

Faly tokoa ny Mpaminany (s.a.w) nahare izany, ary nampanantenainy ireo silamo fa hahazo valisoa sy fahasoavana lehibe eo anatrehan’i Allah. Avy eo, nanomboka ny fiomanana tamin’io ady io izay ady voalohany nifanatrehan’ireo silamo tamin’ireo mpanompo sampy.

Vokatr’ily ady

Nifanena ireo vondron’ny mpiady anankiroa ireo, ary nafana dia nafana ny fifandonana. Nisy olona telo, lehiben’ireo Kouraïch no nanolotena voalohany tamin’ily ady, dia i Ontbah Ibn Rabïanh¹, sy ny rahalahiny i Chaïbah² ary ny zanany i Al-walïd³. Izy ireo dia ny ray sy ny dadatoa ary ny anandahin’i هِنْدٍ “Hind”, vadin’i Abou soufïyàn, renin’i Mouànwiyah. Izy telo ireo dia niantso tamin’ny feo mafy hoe:

"يَا مُحَمَّدُ، أَخْرِجِ إِلَيْنَا أَكْفَاءَنَا مِنْ قُرَيْشٍ".

Dikany: “Ry Mouhammad, alefaso aminay izay mifandanja aminay amin’ireo Kouraïch”.

Koa dia nalefan’ny Mpaminany (s.a.w) tamin’izy ireo ireo olona telo avy amin’ireo havany, dia i Ounbaïdah bnoul-hàrith bnou Anbdoul-mouttwalib⁴, sy ny dadatoany i Hamzah bnou Anbdoul-mouttwalib⁵, ary ny zanaky ny dadatoany, i Ali bnou Abi-twàlib⁶.

Nidina ireo silamo anankitelo ireo, nitondra ny sabatr’izy ireo teny an-tànany no sady niteny hoe: اللهُ اكْبَرُ “Allah Akbar” amin’ny feo avo. Hanomboka ny fifandonana ka niparitaka niakatra tamin’ny sahan’ady ny vovoka, nanararaotra niditra tao anatin’ily toerana hifampikatrohana ny andaniny amin’ireo mouchrikine. Avy eo,

¹عُنَيْبَةُ بْنُ رَبِيعَةَ

²سَيِّبَةُ

³الْوَالِيدُ

⁴عُبَيْدَةَ بْنِ الْحَارِثِ بْنِ عَبْدِ الْمُطَّلِبِ

⁵حَمْزَةَ بْنِ عَبْدِ الْمُطَّلِبِ

⁶عَلِيَّ بْنِ أَبِي طَالِبٍ

nanomboka ny ady teo amin'ireo vondrona roa ireo, izay niafara tamin'ny faharesen'ireo mouchrikine ireo izany. Nahafatesana lehilahy 70 teo amin'izy ireo, ary nahazoana babo 70 ihany koa, fa teo amin'ireo moudjàhîdine silamo kosa dia 14 ihany no maty.

Ireo silamo taorian'ilay ady

Niverina nitodi-doha tao Madina ireo silamo, niaraka tamin'ny fahatokisam-pinoana lehibe sy fialiana. Niparitaka manerana ny tanànan'ireo Arabo ny lazan'izy ireo. Koa maro ny olona no nanana faniriana sy nahazo famporisihana hiditra amin'ny finoana islam taorian'ilay ady. Izany fandresena izany no nolazain'ny Qur'an amin'ilay teny izay hita amin'ny sourat Al-Inmràn, andininy 123, manao hoe:

"وَلَقَدْ نَصَرَكُمُ اللَّهُ بِبَدْرٍ وَأَنْتُمْ أَذِلَّةٌ، فَاتَّقُوا اللَّهَ لَعَلَّكُمْ تَشْكُرُونَ"¹.

Dikany : “Efa nomen'i Allah fandresena ianareo tamin'i Badr, fa osa sady tsy manan-kery ianareo tamin'izany, noho izany dia aoka ianareo mba hatahotra an'i Allah sy hankasitraka Azy”.

عَزْوَةٌ أُحُدٍ

Adin'i Ouhoud

Ny fanafihan'ireo Mouchrikine an'ireo silamo

Rehefa tapitra ny adin'i Badr izay nahazoan'ireo silamo ny fandresena, dia niverina nitodi-doha nankany Makka ireo Mouchrikine, feno halahelo sy fialonana mafy ny fon'izy ireo tamin'izany. Koa nanapakevitra ny hamaly faty mba hanafoanan'izy ireo ny fahafaham-baraka nohon'ny faharesen'izy ireo. Namory miaramila izy ireo ka nahavory 3000 lahy izay nizotra nankany Madina, araka ny voalazan'ny tantara, ary mbola i Abou Soufiyàn Ibn Harb hatrany no nitari-tafika tamin'izany.

¹سورة ال عمران: 123

Fiomanan'ireo silamo amin'ny ady

Rehefa nahare vaovao mikasika izany ilay Mpaminany (s.a.w), dia nanomana miaramila miisa 700 Izy, ary nitoriteny tamin'izy ireo Izy no sady nibaiko mba hiezaka sy hifikitra mafy amin'ilay ady. Avy eo, nandeha nankany an-tendrombohitr'i Ouhoud na جَبَل أُحُد ireo miaramila ireo, ary nirahin'ny Mpaminany (s.a.w) izay mahay mitifitra amin'ny zanatsipika tamin'izy ireo mba hiakatra eny an-tendrombohitra, ka hoy Izy tamin'izy ireo hoe:

"إِحْمُوا ظَهْرَنَا وَلَا تَتْرُكُوا هَذَا الْمَكَانَ".

Dikany: “Arovinareo ny lamosinay ary aza miala amin'io toerana io ianareo”.

Ny fahatanterahan'ilay ady

Nony tonga ireo mouchrikine dia nanomboka ny ady. Fanafihana anankiray fotsiny no nataon'ireo silamo dia efa nampipararetra an'ireo mouchrikine teo amin'ny toerana misy azy ireo sahady izany. Koa dia vaky nandositra izy ireo. Nahafaly tokoa an'ireo silamo izany, ka lasa ny ankamaroan'izy ireo nandeha nifarombaka nanangona ny entana tavela tamin'ny fandosiran'ireo mouchrikine.

Rehefa nahita izany ireo mpandefa zana-tsipika izay nirahin'ny Mpaminany (s.a.w) hiambina teny an-tendrombohitra, dia tsy naharitra izany izy ireo fa avy hatrany, nidina niala tamin'ilay toerana nametrahan'ilay Mpaminany (s.a.w) azy ireo ka lasa niaraka tamin'ireo silamo namany, nanangona izany entana izany. Hitan'ireo mouchrikine ireo silamo fa variana tamin'izany fanangonana entana izany, ka dia nandefa vondrona miaramila izay notarihin'i خَالِدُ بْنُ الْوَلِيدِ “Khàlid Ibnoul-walid”¹ izy ireo, mba haka ilay toerana izay nialàn'ireo silamo mpandefa zana-tsipika.

Nanomboka nandefa zana-tsipika tamin'ny Mpaminany (s.a.w) sy ireo mpanara-diany sasantsasany izay teny amin'ny sahan'ady ireo fahavalo. Nandritra izany indrindra, dia niparitaka ny feo tamin'ny alalan'ny antsoantso mafy fa maty novonoina i Mouhammad (s.a.w). Koa

tafiditra tao anatin'ny fon'ny ankamaroan'ireo silamo ny hakiviana tanteraka ary dia vaky nandositra izy ireo.

Ny tena marina anefa, ny Mpaminany (s.a.w) dia nifikitra tsara tamin'ny ady izay nampiseho herim-po tsy nisy tahaka izany, ary teo akaikiny ny Imàm Ali (a.s) sy ireo olona vitsivitsy izay tsy nihoatra ny enina, araka ny voalazan'ny tantara, nampiseho herim-po lehibe tokoa izy ireo nohon'ny fiarovan'izy ireo an'ilay Mpaminany sy ny finoana islam. Nony farany, dia tapitra ny ady, ary hita fa naratra ny Mpaminany (s.a.w) no sady tapaka ny nifiny masina anankiray. Ary ny Imàm Ali (a.s) ihany koa dia nahitana ratra miisa raika ambiny enimpolo. Eny, tamin'izany ady izany dia maty maritiora ny dadatoan'ny Mpaminany, i Hamzah Ibn Abdoul-moutwalib (r.a).

Koa ny azo lazaina, na dia nisy aza ny fihemoran'ny ankamaroan'ireo silamo, ny fifikirana hatrany tamin'ilay ady izay nasehon'ny Mpaminany (s.a.w), sy ny fijoroan'ireo mpanara-diany vitsivitsy dia mbola nahavitana tsara nanakana ny tanjon'ireo mouchrikine mba tsy hanatanteraka ny fanirian'izy ireo. Izany tanjon'izy ireo izany dia ny famonoana an'ilay Mpaminany (s.a.w) sy ny fanafihan'izy ireo ny tanànan'i Madina.

Lesona azo tsohaina tamin'ny adin'i Ouhoud

Ny adin'i Ouhoud dia nampianatra sy nanome lesona maromaro ho an'ny silamo izay afaka mandinika, anisan'izany ireto tanisaina manaraka ireto:

1-Ny zava-dehibe takiana amin'ny mpino silamo dia ny fankatoavana ny Mpaminany.

2-Ny tsy fitoniana avy hatrany amin'ny fandresena, na dia hita mialoha ny faharesen'ny fahavalo.

3-Tena marina fa ny fifikirana sy ny fiaretana hatrany no zavatra anankiroa, izay miteraka ny fahombiazana sy ny fandresena.

وَالْحَمْدُ لِلَّهِ رَبِّ الْعَالَمِينَ
وَصَلَّى اللَّهُ عَلَى مُحَمَّدٍ وَآلِهِ الطَّاهِرِينَ.

FIZAHAN-TAKELAKA

Ny islam no finoanay	2
Teny fampidirana	4
Ireo lalàna ara-pinoana	5
Inona no atao hoe wàdjib?	5
Inona no atao hoe moustahab?	5
Inona no atao hoe haràm?	5
Inona no atao hoe makrouh?	6
Inona no atao hoe moubàh?	6
Fanontaniana vitsivitsy sy ny valiny	6
Ireo foto-pinoana	7
Porofonon'ny maha-Imàm Azy ireo	8
Porofonon'ny maha-Imàm Azy ireo	8
Ny porofon'ny maha-Imàm Azy ireo	12
Ireo sampam-pinoana	13
Fahasamihafan'ny ousouloud-dïne sy ny fourou'ond-dïne	14
Inona no atao hoe taqlid?	14
Ny manam-pahaizana izay mendrika hanaovana taqlid	14
Maninona ny manam-pahaizana no tsy maintsy hiverenana	15
Miisa firy ny fourou'ond-dïne?	15
Ireo asa fanompoana	16
Al-swalàt	17
Ireo fepetran'ny swalàt	18
Ny fepetra voalohany: fanadiovana amin'ny loto ara-panahy	18
Ny fomba fanaovana woulwou	19

Ireo fepetran'ny woulwou	21
Ireo zavatra manimba ny woulwou	22
At-tayammoum.....	23
Amin'ny alalan'inona no hanaovana ny tayammoum?	23
Ny fomba fanaovana tayammoum	24
Ny zavatra manimba ny tayammoum.....	26
Ny fandroana djanàbah	26
Ireo asa tsy ara-dalàna na tsy azo atao raha tsy amin'ny alalan'ny fandroana djanabah:	26
Ny fomba fandroana na fanaovana ghousle.....	27
Ny fepetra faharoa: ny fidiran'ny fotoana	28
Ny fepetra fahatelo: ny qiblah	28
Ny fepetra fahefatra: ny fanaronana ny henatra	29
Ny fepetra fahadimy: ny toerana ivavahana	30
Ny adhàn sy ny iqàmah.....	31
Fomba fanaovana ny adhàn	31
Fomba fanaovana ny iqàmah	31
Ireo andrin'ny swalàt	32
Ireo wadjib izay tsy anisan'ny andrin'ny swalàt	32
Ahoana ny fomba fanaovana swalàt	33
Ireo zavatra manimba ny swalàt.....	39
Ny fisalasalana eo amin'ny swalàt	40
Swalàtoul-ihtiyàtw	43
Ireo singa izay nadinoina	43
soudjoudous-saĥ'wi	44

Fomba fanaovana “soudjoudous-saḥwi”	44
Resaka farany mikasika ny swalàt.....	46
Tantara.....	51
Ny faminaniana.....	51
Fahaterahan’ny Mpaminany Moussa (a.s)	51
Ny Mpaminanintsika Mouhammad (s.a.w)	53
Tantara.....	53
Mpaminany Mouhammad (s.a.w) tao an-davabaton’i Hirà	53
Tantara.....	55
Anisan’ny fahalalam-pomban’ny Mpaminany (s.a.w)	55
Tantara.....	57
Ny Mpaminany Ibrâḥîm (a.s)	57
sy ny fanoherany ireo fanompoan-tsampy.....	57
Ireo fotoana sy raka’ante amin’ny swalàt	58
Fifamalian-dresaka.....	60
Ny fiantrana amin’ny biby	62
Tantara.....	62
Ny Kaenbah fitodihan’ireo silamo	64
Fanazarana.....	64
Fitondrantena islamika	64
Fifamalian-dresaka.....	66
Ahmad ao anatin’ny famangiana an’i Ali namany	66
Fanazarana.....	68
Ny adhàn.....	69
Tantara.....	69

Tantara.....	71
Andron'ny fitsanganana.....	71
Tonombavaka	72
Fanazarana.....	73
Fanazarana.....	74
Ny fahadiovana dia anisan'ny fananam-pinoana	74
Ny Mpaminany (s.a.w) dia mitia ireo ankizy.....	74
Ny token'ny olombelona	76
Ny Mpaminany Inssà zanak'i Mariam (a.s).....	76
Nitondra vaovao tsara ho an'i Mariam ireo Anjely.....	77
Ny fahaterahan'ny Mpaminany Inssà (a.s).....	78
Ny firesahan'i Inssà (a.s) fony vao teraka	79
Mpaminany Inssà (a.s) mitaona ny olona amin'ny finoan'i Allah.....	80
Ny niafaran'ny asa faminanian'ny Mpaminany Inssà (a.s).....	80
Atao vakinteny الْقُرْآنَ :.....	82
Al-Imàm Ali zanak'i Abou Twalib (a.s).....	83
Al-Imàm Al-Hassan zanak'i Ali zanak'i Abi Twàlib (a.s).....	84
Ny anjara asan'ilay Iraka (s.a.w) manoloana an'ireo zafiny roa	84
Ny fahafatesan'ny Imàm Al-Hassan (a.s).....	85
Al-Imàm Al-Houssein zanak'i Ali zanak'i Abou Twàlib (a.s).....	86
Ny valisoa sy ny sazy	87
Toetran'ireo Mpaminany sy ny fampianaran'Izy ireo.....	89
Sasantsasany amin'ireo toetran'ireo Mpaminany (a.s).....	89
Fampianaran'ireo Mpaminany (a.s)	90
Ny adiditsika manoloana ny fampianaran'ireo Mpaminany	91

Firindran'ny Qour'an.....	92
Ny adiditsika manoloana ny Al-qour'an.....	93
Fivahinianana masina fanaovam-beloma	93
Toriteny fanaovam-beloma	94
Ilay toriteny tamin'ny andron'i ghadir	94
Ny fankasitrahan'ireo silamo an'i Ali (a.s)	95
Ny adin'i Badr.....	96
Fanafihan'ireo silamo ny andian'ireo Kouraïch mpandeha lavitra	96
Ny fiomanan'ireo Kouraïch tamin'ny ady	96
Mpaminany nizaha toetran'ireo mpanara-dia azy	96
Vokatr'ilay ady	97
Ireo silamo taorian'ilay ady	98
Adin'i Ouhoud	98
Ny fanafihan'ireo Mouchrikine an'ireo silamo	98
Fiomanan'ireo silamo amin'ny ady.....	99
Ny fahatanterahan'ilay ady.....	99
Lesona azo tsohaina tamin'ny adin'i Ouhoud.....	100

Anaran'ilay boky: “Ny Islam no Finoanay”.
Mpanoratra: Sheikh Salim Manrouf
Natonta: Voalohany
Navoaka: Teto Antananarivo, volana Rajab 1440H/2019.
Famoaham-boky: Print Express Tél: 22 697 62 Fax: 22 551 53
Imprimatur: INISMA

Fomba nanoratana an'ireo litera arabo:

خ	ح	ج	ث	ت	ب	ا
<i>kh</i>	<i>h</i>	<i>dj</i>	<i>th</i>	<i>t</i>	<i>b</i>	<i>a</i>

ص	ش	س	ز	ر	ذ	د
<i>sw</i>	<i>ch,sh</i>	<i>s</i>	<i>z</i>	<i>r</i>	<i>dh</i>	<i>d</i>

ع	ع	ع	ع	ظ	ط	ض
<i>an</i>	<i>in</i>	<i>on</i>	<i>en</i>	<i>dhw</i>	<i>tw</i>	<i>lw</i>

ن	م	ل	ك	ق	ف	غ
<i>n</i>	<i>m</i>	<i>l</i>	<i>k</i>	<i>q</i>	<i>f</i>	<i>gh</i>

ي	ء	ه	و
<i>y</i>	<i>a</i>	<i>h</i>	<i>w</i>

الإسلام رسالتنا

NY ISLAM NO FINOANAY



مدرسة دار الحكمة

Madrassat Dâroul-hikmah